

# **KATSAHO !**

## **Tian'Andriamanitra ny hiverenanao**

Nandika ho amin'ny Teny Malagasy : Adrienne Irma RABEMANANTSOA sy ny Ekipany

**Herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny tanora zokiny, taona 2015**

**Lohahevitra: Tantsoroka sy Fitakiana**

**Ny datin'ny herinandro fiaraha-mivavaka dia ny**

**21-28 Martsa 2015**

**Andro Manieran-tany ho an'ny tanora: 21 Martsa 2015**

**Sasin-teny**

(teny fampidirana mialohan'ny toriteny)

**Ny amin'ireo mpanoratra**

Avy any Jamaika any Antilles i Dr Balvin B. Braham sy Ramatoa Anett Braham. Mpampianatra voaofana ary mpitsabo mpanampy izay mitantsoroka zatovo sy tanora maro i Anett. Niteraka roa vavy izy ireo: Shavannie sy Julaine. Efa lehibe izy roa vavy ka efa manentana azy mivady havitrika hatrany ary manampy azy mivady amin'ny fahafantarana ny zatovo sy ny tanora. Mpitandrina tao amin'ny distrika iray tao amin'ny Misionan'ny Jamaika andrefana i Dr Braham. Tsy vitan'izany ihany fa sady nitantana ny sekolin'ny fiangonana izy no nampianatra no niandraikitra ny sampana telo: tanora, fanabeazana ary fifandraisana. Efa nisahana ny departemantan'ny tanora tao amin'ny Union'ny Antilles izy ary lefitry ny filohan'ny departemantan'ny tanora tao amin'ny Diviziona Inter-Amerikana. Ambonin'izay dia tena manana traikefa amin'ny fiarahana amin'ny tanora izy satria efa nilomano tao amin'izay sehatra izay nandritry ny 27 taona mahery. Amin'izao fotoana izao izy dia manao asa fanompoana ao amin'ny Diviziona Inter- Amerika ka ireto avy ny andraikitra sahaniny: » « secrétaire administrive », filoha lefitra, mpiandraikitra ny mpiasa rehetra, mpandrindra ny fampivoarana

ny fitarihana, « secrétaire ministerielle », mpiandraikitra ny asa fitoariana sy ny fitomboan'ny fiangonana. Mpitarika hatrany izy tany amin'ireo toerana niasany (na tao anatin'ny rafitry ny fiangonana na tsia) nandritry ny 30 taona. Nianatra tao amin'ny West Indies College izay antsoina hoe North Caribbean University amin'izao fotoana izao izy. Nahazo ny mari-pahaizana Bakalorea mikasika ny teolojia sy mari-pahaizana mikasika ny fanabeazana izy. Rehefa izay dia nahazo ny mari-pahaizana ambony (Master) tamin'ny fivavahana sy ny finoana (religion) ary Doctorat tamin'ny fitarihana sy fandrindrana (leadership organisationnelle) tao amin'ny Andrews University izy.

Ankafizin'izy mivady tokoa ny manosika ny tanora hanolo-tena ho an'i Kristy, ho vonona hanatatontosa ny iraka ary ho vonona hitsena an'i Kristy izay ho avy tsy ho ela.



Dr. Balvin B. Braham sy Ramatoa Anett

Braham

## **TENY FAMPIDIRANA NATAON' I GILBERT CANGY**

*Gilbert Cangy, Talen'ny departemantan'ny tanora any amin'ny « Conférence général »*

*Azonao atao ny mifandray aminy amin'ny alalan'ity adiresy emailaka manaraka ity :[cangyg@gc.adventist](mailto:cangyg@gc.adventist).*



Vontoatiny

Tsy hiambahambana fa anisan'ny olona nanana hery miasa mangina teto amin'ity tany ity i Jesôsy. Mpampianatra tsy manantsahala izy. Na ireo tsy kristianina toa an'i Mahatma Gandhi aza dia nandray ny fampianarany ary niaina nifanaraka tamin'ny fenitra napetrany.

Matetika i Jesôsy no nampiasa fanoharana amin'ny maha mpampianatra azy. Manome lesona sarobidy mifandray amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fomba fiainan'Andriamanitra natao ho an'ny olony izy ireny amin'ny ankapobeny. Nanao zavatra tsy manantsahala tokoa i Jesôsy indray andro. Nanao fanoharana telo izy, saingy lesona iray, lesona iray lehibe ihany no notsoahina tao amin'izy telo. Hifantoka amin'izay lesona iray izay ity herinandro fiaraha-mivavaka ity- Tsy inona izany fa izay tsapan'Andriamanitra mikasika ny rahalahy/anadahy, rahavavy/anabavy sy ny namantsika izay very na dia mbola ao am-piangonana ary ny tenan'izy ireo; mikasika ireo efa mihamihataka tsikelikely noho ny zava-misy ary mikasika ireo izay tena efa nanapa-kevitra ny hiala ka hitady an'izay heveriny ho tsaratsara kokoa.

Ny fanoharana ny amin' ilay farantsa kely, ilay ondry very ary ilay zanaka adala dia maneho antsika izay tsapan' Andriamanitra momba antsika ary izay nataony mba hamerenana antsika indray ho ao an-tranony. Eo am-pisarihana ny olona mba hiverina any amin'ny plana nomen' Andriamanitra azy i Jesôsy amin'izao fotoana izao. Tonga hitady sy hamonjy ny very Izy, HITAKY ny azy mba ho ao aminy.

Raha atao bango tokana

- 1- Zava-dehibe eo imason' Andriamanitra isika
- 2- Tsy mitsahatra ny mitady antsika izy mandra-pahita antsika
- 3- Misy fifaliana lehibe rehefa hita indray isika.

Amin'ity herinandro itydia ho ampatsiahivana sy ho entanina ireo mpanara-dia an'i Jesôsy mba hamaly ny antsony ary handray ny fitiavany sy ny fahasoavany amin'ny alalantsika ireo tsy mpanara-dia an'i Jesôsy . Inoana ary fa hisy fifaliana lehibe tokoa rehefa mamerina indray ireny namantsika ireny isika. Ho raisintsika tokoa io lesona sarobidy io, tena HITAKY isika !

### **Fisaorana**

Ity boky ity dia novolavolain'ny departemanta misahana ny tanora ao amin'ny « conférence général » n'ny fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito. Azonao alaina ao amin'ity tranonkala manaraka ity :

[www.gcyouthministries.org](http://www.gcyouthministries.org).

Azonao atao ny mandika ity boky herinandro fiaraha-mivavaka ity raha toa ka ho ampiasaina any am-piangonana na amin'ny vondrona tanora na hetsika kristianina hafa. Tsy ilàna fahazoan-dàlana manokana izany. Tsy azo atao kosa nefà ny mandika ity ka mampiasa azy amin'ny zavatra ankoatra ireo voalaza etsy ambony ireo raha tsy nahazo fanomezan-dàlana an-tsoratra avy amin'ny mpanonta.

Fisaorana ny mpanantontosa

Mpanoratra: Dr. Balvin B. Braham and Mrs. Anett Braham

Filohan'ny tetikasa: Gilbert Cangy

Mpandrindra ny tetikasa: Maria Manderson

Ny baiboly nampiasana : Baiboly malagasy.

**Ity aloha hanombohana azy :**

1. **Atombohy izao ny drafitrao** : Hiaraha-malala fa mety hiova ny mpitarika amin'ny faran'ny taona, na dia izany aza nefo dia mangataka anao izahay, raha tsy ho mpitarika ny tanora intsony ianao amin'ny herintaona dia aza atao sakana tsy hanomananao ity herinandro manokana ity izany. Dieny izao dia manaova drafitra, velabelaro ny tarigetranao, avondrony ny ekipanao ary ataovy izay hahatonga ny pasitora ho anisan'io ekipa io.
2. **Fampahafantarana mikasika ny andro maneran-tany** ho an'ny tanora. Ataovy izay hahazoanao fanazavana fanampiny mikasika ny tetikasa andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora. Io andro io no hanombohana ny herinandro fiaraha-mivavaky ny tanora. Mangataka anao hitsidika ny tranonkalantsika :  
[www.gcyouthministries.org](http://www.gcyouthministries.org) na hifampiresaka amin'ny filohan'ny tanora ao amin'ny fiangonana misy anao ahafantaranao izay fomba ahafahanao mandray anjara.
3. **Safidio ny tafika hivavaka ho anao**. Misafidiana vondrona olon-dehibe maromaro manolo-tena ny hitondra am-bavaka anao sy ny asa fanompoana ataonao, tsy indray mandeha fa isan'andro. Aoka ho vondrona ahafanao mizara ny antom-bavakao eny na dia ny tsiambarantelonao amin'ny fiainanao aza ireo olona ireo.
4. **Misafidiana hira faneva**. Ampandraiso anjara ny antokom-pihiran'ny tanora ao aminareo. Raha tsy manana antokom-pihiran'ny tanora ny fiangonanao dia fotoana izao hananganana izany. Mifidiana hira tian'ny besinimaro sady mifanaraka amin'ny lohateny isan-kariva na misafidiana hira iray ho an'ny herinandro iray manontolo.

5. **Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy afaka hampitombo ny fiaínam-panahinao afa-tsy ny fotoana ivavahanao. Hitombo ara-panahy koa ny vondrona misy anao rehefa mitombo ara-panahy ianao. Hanampy anao hanana fanandramana manokana ny fanananao ny diarim-bavaka. Hanampy anao hanaraka tsara ny dia hiarahanao amin' Andriamanitra izany satria ho hitanao rehefa ianao mamerina mamaky ny karine ny fomba nitantanan' Andriamanitra anao isan' andro. Hevi-baovao maro isankarazany no hifamahofao ao an-tsaina rehefa manokana fotoana hiarahana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny diarim-bavaka ianao. Tsidiho ny [www.google.com](#) ary soraty ny hoe « starting a prayer journal »

6. **Manangana tarika manokana hanomana ny herinandro fiaraha-mivavaka.** Mety ho olona 4 hatramin'ny 8 no ho ao anatin'io tarika io, arakaraky ny halehiben'ny fiangonana misy anao. Ny ho ataon'izy ireo voalohan'ny dia ny hamerina hamaky ireo lohateny valo miaraka aminao. Aoka mba ireo tanora sy mpitarika (mpisava lálana, sekoly sabata...ny pasitora) liana ary manolotena ihany no ho atao ao anatin'io tarika io ; zavadehibe izany satria mahatonga ny tsirairay hahatsiaro ho tompony izany fa tsy hoe hihevitra fotsiny fa mpanampy anao izy ireo. Angataho ny tarika mba hivory fara-fahakeliny mandritry ny telo herinandro. Fara-fahakeliny herinandro mandinika lesona 4 ary ny herinandro farany hamehezana ny zava-drehetra. Aza adinoana ny mametraka ny tanjona sy ny lálana tianao ho aleha, tsaratsara koko raha amin'ny fivoriana voalohany. Mifidiana tanora handaha-teny isan' andro.

**7. Ampidiro ao anatin'ny drafity ny herinandro fiaraha-mivavaka ataonao ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora .** Raha ny tokony ho izy, ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora dia tokony ho fotoana hampianarana ny tanora hanolotra ny tenan'izy ireo ho fampandrosoana ny fiangonana sy ny mpiara-monina. Raha toa ka vondrona kely , tsy afaka ny hanao hetsika eo amin'ny fiaraha-monina ny vondrona misy anao dia azonao araraotina io fotoana io mba handravana izay sakana ara-pinoana mety hisy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny fikambanan-tanora hafa avy amin'ireo fiangonana hafa eo amin'ny manodidina anao.

**Ny fomba fampiasana ity boky ity miaraka amin'ny tarika madinika na ahitana olona maro**

Natao ho fenoina izay mandalo ao an-tsaina ity boky ity. Ampiasao ny faritra natokana hanoratanao izay nahasarika na nanaitra anao nandritry ny toriteny ary ny fanontaniana isaky ny hariva. Azonao atao ihany koa ny mampiasa io faritra io hanoratana antom-bavaka na hiderana an'Andriamanitra. Entano ireo mpandray anjara hampiasa io faritra io amin'izay hitiavany azy. Diarin'izy ireo iny ! Lazao azy ireo fa tsy misy fitsipika fa toromarika fotsiny ihany no omena. Ny zavadehibe dia ny mihaino ny Tompo ary manokatra ny fo, mamaly ny fitarihany.

Ry mpitarika, ho talanjona ianao amin'izay ho soratanao eo amin'ny pejin'ireny diary ireny raha manokana fotoana hivavahana sady hamakiana ireo vakiteny ianao satria maro ny zava-baovao ho lazain'Andriamanitra anao.

**Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy afaka hampitombo ny fiainam-panahinao afa-tsy ny fotoana ivavahanao. Hitombo ara-panahy koa ny vondrona misy anao rehefa mitombo ara-panahy ianao. Hanampy anao hanana fanandramana manokana ny fanananao ny diarim-bavaka. Hanampy anao hanaraka tsara ny

dia hiarahanao amin' Andriamanitra izany satria ho hitanao rehefa ianao mamerina mamaky ny karine ny fomba nitantanan' Andriamanitra anao isan' andro. Hevi-baovao maro isankarazany no hifamahofao ao an-tsainao rehefa manokana fotoana hiarahana amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny diarim-bavaka ianao. Tsidiho ny **[www. google.com](http://www.google.com)** ary soraty ny hoe « starting a prayer journal »

**Fanontaniana isan' andro.** Misy ireo fanontaniana sy andalanteny natao hitarihana ny sainao amin'ny fiafaran'ny toriteny tsirairay. Mamorona tarika madinika ary resaho ao ireny fanontaniana ireny. Manokàna fotoana tena hieritreretanao mikasika ny fanontaniana apetrak'izy ireo. Mihainoa ny Fanahy Masina izay mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina. Entano ny mpandray anjara handrakitra ny eritreritr'izy ireo ao amin'ny diariny.

**Savaranonando nataon'i Hiskia Missah (Filoha lefitry ny departemanta misahana ny tanora ao amin'ny Conférence Générale)**



Ry mpamaky malala,

Ankehitriny isika dia manana iPods, iPads, iPhones, iMacs, laptops, desktops, netbooks, notebooks, PDAs, PCs, solosaina azo entina mandehandeha, sy ny sisa ! Fitaovana harifomba namboarin'olom-belona avokoa ireny. Hita eny rehetra eny izy ireo ary manasoa ny tsirairay na amin'ny endriny mivantana na tsia. Miankina be amin'izy ireny tokoa ny amin'ny fandrindrana izao tontolo izao.

Tsy mba nisy ireny fitaovana harifomba ireny tamin'ny fahatanorako, taona maro lasa izay. Ohatra amin'izany, raha ny amin'ny serasera, nila nanam-paharetana nandritry ny andro vitsivitsy na herinandro vitsivitsy mihitsy aza izay vao tonga ny taratasy. Izao anefa noho ny fanavaozana mahatalanjona nentin'ny solosaina dia ny mailaka indray izao no fitaovam-pifandraisana ampiasaina. Ary tena mailaka tokoa izy io.

Manindry bokotra iray fotsiny ianao dia tonga ny taratasy. Tsy izay ihany fa noho ny aterinetra dia eo no eo ihany amin'izao fotoana dia mahita valiny raha toa ka misy fikarohana atao. Tena fitahiana ho an'ny tany mandroso tokoa izany!

Na dia maro aza nefo ireo zava-tsoa entin'ireo solosaina amin'ny fiainantsika dia tsy tambo ho isaina ihany koa ny voka-dratsin'izy ireny. Manangasanga eo anoloantsika ny filandratsy sy ny fakam-panahy. Manindry bokotra iray fotsiny dia eo ny zava-dratsy , tonga eo ambany masontsika na dia tsy nangatahantsika ary.

Izao no nolazain'ny mpanompovavin'Andriamanitra tao amin'ilay bokiny mitondra ny lohateny hoe « Education » izay midika hoe fanabeazana pejy faha 222 « Ny tanora no tena lasibatry ny teti-dratsin'i Satana», dia mbola mitohy ihany izany ao amin'ilay boky hoe "Child guidance" na fitarihana ny zanaka , pejy faha 471 : « Tandindomin-doza hatrany ny tanora ». Izao no fanentanana nataony ho an'ireo Ray aman-dreny « Mila miambina hatrany izy ireo manoloana ny tetik'i Satana. Aoka ny ray aman-dreny tsy hihevitra fa tsy misy loza manambana satria Satana efa mitady izay fomba hanimbana ireo zanany ireo

Tena misy ny devoly. Olona ( fa tsy zavatra) tena tia maka fanahy ny olona izy , indrindra ny tanora. Noho izany, mila arovana sy ambenana amin'ny ratsy ny tanorantsika.Mila ampatsiahivina hatrany izy ireo fa zanak'Andriamanitra, mpitarika sy ho mpitarika ny fiangonan'Andriamanitra. Mivavaha ho azy ireo !

Izao no tiako ho lazaina aminareo tanora : Tao anatin'ny vavaka ny nanomanana ny herinandro fiaraha-mivavaka mba hampahery anareo manoloana ny fanafihana ataon' Satana ary mba hanampy anareo handresy ny ota sy ny fakam-panahy mandritry ny andro-piainanareo. Mangataka anareo izahay mba hamaky izany , mba handinika lalina izany ary hananteraka. Ambonin'izany rehetra izany , mangataha hery sy tanjaka handresena ny fakam-panahy. Meteza ho mpandresy sy hijoro hatrany ao anatin'izao fanavaozana mandritry ny andro farany izao.

Ho tahian' Andriamanitra

Hiskia Missah

**Filoha lefitry ny departemanta misahana ny tanora ao amin'ny  
conférence générale)**

**TORITENY**

**CONFERENCE GENERALE DES EGLISES ADVENTISTES**

**HERINANDRO FIARA-MIVAVAKA HO AN' NY TANORA ZOKINY 2015**

**LOHAHEVITRIN' NY TORITENY ISAN' ANDRO ARY NY HEVITRA ASONGADINA**

**DATy LOHATENY HEVITRA**

**ASONGADINA**

**Sabata 21 Martsa 2015** Manaraka avy any lavitra **Ny**  
***tanora sy ny finoana***

**Alahady 22 Martsa 2015** Aoka hanomboka ny fankalazana

***Ny tanora sy ny fakam-panahy***

Alatsinainy 23 Martsa, 2015 Hazony i Jesôsy **Ny**  
***tanora sy ny tokantrano***

Talata 24 Martsa 2015 Irery eo amin'ny fanatrehany  
***Ny tanora sy ny fenitra ara-moraly***

Alarobia 25 Martsa 2015 Ny fifanandrinan'ny saina **Ny**  
***tanora sy ny maha-izy azy***

Alakamisy 26 Martsa 2015 Hijoro ve ianao?

***Ny tanora sy ny herim-po***

Zoma 27 Martsa 2015 Manatanteraka ny nofinofy  
***Ny tanora sy ny famelan-keloka***

Sabata 28 Martsa 2015 Miaina amin'ny fahasoavana  
***Ny tanora sy ny Fahasoavana***

**Daty:** Sabata 21 Martsa 2015  
**Lohahevitra:** Fitakiana  
**Ny hevitra asongadina:** ***Ny tanora sy ny finoana***  
**LOHATENY:** **Manara-dia avy lavitra**  
**TOKO SY ANDININY:** Lioka 22: 31-34  
**Hira hanombohana ny fotoana:** *Sintony aho*

### **Tantara**

Mpiānadahy i Duron sy i Janet. Vao teraka izy ireo dia efa tao amin'ny fiangonana ary mbola kely izy ireo dia natao batisa. Efa maherin'ny 20 taona izy ireo izao. Mambra nafana fo ny ray aman -drenin'izy ireo ary tena manandratra avo ny anaran'ny fiangonana mihitsy. Nandray anjara mavitrika tamin'ny asam-piangonana ihany koa i Duron arakaraky ny nampitombo taona azy ary hita taratratra tamin'izany mihitsy ny fitiavany ny fiangonana. Fony izy zatovo dia tena nankafy ny mikasika ny solosaina sy izay rehetra elektronika. Lasa manam-pahaizana amin'ny fanamboarana « application » ho an'ny tambazotra sosialy izy tamin'ny fahatanorany ary nanjary fanta-daza tamin'ny fahaizany mamorona sy mitondra fanavaozana. Rehefa nihanitombo ny fankafizany sy ny fahombiazany teo amin'ny sehatry ny solosaina sy ny elektronika dia nanjary tsy dia tazatazana tao am-piangonana intsony izy ary tsy nandray anjara mavitrika toy ny teo aloha intsony. Nanampy trotraka ny fihenan'ny finoany koa ny nahafaty tampoka ny reniny ary tena nahatonga azy hametra-panontaniana mikasika ny fisian'Andriamanitra. Farany izy dia nanontany tena mihitsy hoe inona moa ny ilàna sy ny maha-zava-dehibe ny fiangonana. Na dia teo aza izany dia nahatsapa ihany izy hoe raha tena hisy tokoa izany famonjena izany dia aleo ihany aloha mankany am-piangonana.

I Janet kosa dia tia nifandray tamin'ny olona. Niaraka amin'ny olona foana izy, tia mitarika hetsika any am-piangonana, falifaly lalandava, nikarakara ny olona, indrindra ireo

zokiolona, ary tsy nisy izay tsy nahalala azy ny mambra. Tsy nisy fiantraikany tamin'ny fahavitrihany toy ny teo amin'ny anadahiny ny fahafatesan'ny reniny. Raha nandeha nefà ny fotoana dia nanjary niha-nangatsiaka izy tao am-piangonana. Tsy dia nandray anjara intsony izy ary niha nafana fo tamin'ny fiarahana tamin'ireo namana ivelan'ny fiangonana sy tamin'ireo hetsika tsy kristiana. Izao foana no navaliny isaky ny nanontany azy mikasika ny fihemorany ny mambra: « Mbola kristiana aho fa aza matahotra ». Na dia mbola tàzana teny ihany aza izy dia efa hita fa tsy dia nandray anjara intsony. Ny anadahiny kosa moa dia tena tsy nandray anjara intsony.

### ***Mamisavisa ny ratsy***

Toa an'i Janet koa i Petera. Niaraka tamin'ny olona foana, nitarika, nanampy sy nikaraka, nanome toky, nandeha teo ambony rano niaraka tamin'i Jesôsy, somebiseby ary navitrika ery hizara ny finoany. Maika izy niteny hoe « Ianao no Kristy zanak' Andriamanitra velona » (Matio 16:16) nandritry ny resaka nifanaovan'i Jesôsy sy ny mpianany. Izao no voalaza ao amin'ny Lioka 22: 31-34, resaka nifanaovan'i Jesôsy sy i Petera, 'Ary hoy ny Tompo: « Ry Simona, ry Simona, indro satana efa nilofo nitady anao hokororohiny toy ny vary. Nefa izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao, ary rehefa mibebaka ianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao». Ary hoy izy taminy: « Tompoko, vonona hanaraka Anao aho na ho ao an-tranomaizana, na dia ho amin'ny fahafatesana aza » Fa hoy Jesoa: « Lazaike aminao ry Petera, raha mbola tsy misy akoho maneno anio, dia handà intelo ho tsy mahalala Ahy ianao »

Mahita mihoatra noho ny fihetseham-po sy ny fahataitarana mandritry ny fotoana iray i Jesôsy. Hitany ny ho avy rakotry ny fakam-panahy, fihaihana, olana ary fisarihana izay hisintonia ny mpianatra ary hisy fiantraikany amin'ny fankatoavany. Ny fahafantarany izany mihitsy no nahatonga azy

hitarika ny resaka ary hizara azy ireo fa hisy ny hisarika azy ireo hamadika ary ireo akaiky azy indrindra mihitsy aza no mety ho lasibatra. Hitany fa hahafoy azy izy ireo ary hitodidoha tsy hanara-dia azy. Tamin'ny fo feno fitiavana tokoa no nilazan'i Petera hoe « Tompoko, vonona hanaraka Anao aho na ho ao an-tranomaizana, na dia ho amin'ny fahafatesana aza » (Lioka 22:33-34; Matio 26:31-33). Tao anatin'izany hafanampon'i Petera izany dia izao no nilazan'i Jesôsy fa mialohan'ny hanenoan'ny akoho in-telo dia hamadika azy izy. Tena tam-pahatokiana no nilazan'i Petera fa tsy hisy, eny fa na dia ny aloky ny fahafatesana aza, hanozongozona ny finoany an'i Kristy sy ny fanoloran-tenany. Nanantitrantitra nef a i Jesôsy ary nohamafisiny ny hafatra.

**Hitantsika amin'izany fanandraman'i Petera izany fa ampy hanozongozona ny finoantsika an'Andriamanitra ny zava-misy amin'izao fiainana izao. Mety hitarika fahadisoam-panantenana izy ireny ary mety hampihena ny ara-panahintsika mihitsy aza.**

#### **Ny fikororohana**

Inty ny faminanian'i Jesôsy mikasika ny amin'i Petera « Ry Simona, ry Simona, indro satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary»(Andininy 31). Nohariny tamin'ny fikororohana ny fitiavan'i Satana hanozongozona ny finoan'ny mpianatra. Tsy ilay hoe « Petera » no nampiasain'i Jesôsy tetra fa ilay anarany fony izy « mbola tsy Kristianina ». Mety niniany mihitsy izany satria fantany fa ho mora hiverina tamin'ny fiainany sy ny fombany talohan'ny nanarahany an'i Jesôsy i Petera (6 : 13-14). Hita ao amin'ny Joba 1 - 2 izay nahitana an'i Satana izay navela haka fanahy an'i Joba moa ny fanazavana io andininy io. Te hanonzongozona mafy ny mpianatra toy ny fanakororohana ny akofa i Satana mba handavo azy ireo. Izany dia hanehoana fa hisy fotoana hangalan'i Satana fanahy ny mpianatra sy ny olon'Andriamanitra hampiodina azy ireo amin'ny Tompo. Mila fantetry ny tanora tsirairay avy izany ary mila mahazo antoka izy ireo fa mialoka eo ambanin'ny vavak'i

Jesôsy.

Toy izao ataon'i Satana amintsika izao ihany no nataon'i Satana ilay mpiampanga ny mpianatra. Abaribariny amin'Andriamanitra mitovy amin'ny tamin'ny nataony an'i Joba (Joba 1 : 6-12) ny fahotana sy ny tsy fahamendrehan'izy ireo. Niantefa tamin'ny ara-batany sy ny ara-panahiny ny fikororohana an'i Petera ka nitarika azy tany amin'ny fandavana imasom-bahoaka sy ny fanaovana tsinontsinona ny famonjena. Izany ny paikadin'i Satana eran'izao tontolo izao. Manoloana izany anefa i Jesôsy dia mampiasa ny hery fanelanelana ataony ka mijoro etsy anila, manelanelana mandritry ny fotoana hanozongozonan'ilay mpiampanga. **Maro amin'ireo tanora mambran'ny fiangonanana no iharan'io fanafihana ataon'ny devoly io. Mihamihena ny aim-panahin'izy ireo ary ihoaran'ny rendrarendran'ny fiainana sy ny rehak'izao tontolo izao ny finoana an'Andriamanitra.**

Raha mijery ny manodidina antsika isika dia mahatsikaritra fa maro ireo kororohan'i Satana ary ahozongozony mihitsy aza. Tokony hampatahotra antsika tokoa na dia ny fahafantarana fa isika izao aza mety hokororohana. Amin'ny alalan'ny fanaovana fanandramana toy itony no tokony hanokanan'ny tanora fotoana betsaka hifantohana amin'i Jesôsy, ilay mpanelanelana, sy hananana fifandraisana manokana aminy. Lehibe noho ny fikororohan'i Satana ny herin'Andriamanitra. Voafetra ny herin'i satana ary efa fahavalox resy izy.

Ny fanatanterahana

"Ary izy ireo nisambotra an'i Jesôsy ary nitondra azy ho ao an-tranon'ny mpisoronabe. Ary Petera nanaraka teny lavidavitra teny. Ary raha namelona afo teo an-kianja ireo ka nipetraka dia mba nipetraka teo aminy koa I Petera. Ary ny ankizivavy anankiray nony nahita azy nipetraka teo anilan'ny afo dia nandika azy ka nanao hoe: Ity koa momba azy. Fa izy nanda ka

nanao hoe: ravehivavy tsy fantattro izy. Ary vetivety foana rehefa afaka izany dia nisy olona hafa koa nahita azy ka nanao hoe: ianao koa mba naman'ireny. Fa Petera nanao hoe: ralehilahy, tsy mba namany aho. Ary rehefa afaka tokony ho ora iray dia nisy anankiray koa nitompo teny ka nanao hoe: Ilehio momba azy marina tokoa fa galiliana izy. Fa hoy Petera taminy: ry lehilahy, tsy fantattro izay lazainao. Ary niaraka tamin'izay, raha mbola niteny izy dia nisy akoho naneno. Ary ny Tompo nitodika dia nijery an'I Petera. Ary Petera nahatsiaro ilay tenin'I Tompo izay nolazainy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà ahy in-telo ianao. Ary nivoaka Petera ka nitomany mafy indrindra." Lioka 22: 54-62

Jesôsy dia efa nilaza tamin'ny Petera fa nokarohin'ny Devoly sy notadiaviny fatratra izy. Toy izany koa, ny tanora sy ny ankizy ary ny lehibe ato am-piangonana dia karohin'ny devoly fatratra. Mampiasa fomba manintona maro izy ahazoana ny fahalianantsika ary hitarihana ireo mpanara-dia an'i Jesôsy hivily lâlana ary ho leo sy tsy ho liana amin'ny zava-panahy (1 Petera 5:8). Tratrany ny tanjona nokendreny rehefa naka fanahy an'i Petera izy . Petera, ilay hany mahery fo, mpiaro, mpanohana , dia indro fa nanaraka an'I Jesôsy "teny lavidavitra teny" (and. 54). Tsy io anefa no fiafarana, nanalavitra sy nandeha niandalana izy teo amin'ny fanalavirana an'i Kristy, vokany dia nolaviny ny maha-olom-pantany an'I Kristy. Navelany teo ilay azony itarainana, nandeha natory izy raha toa ka tokony hivavaka (and. 45) ary hamaranany azy dia niara-nipetraka tamin'ireo izay mpiampanga an'I Jesôsy izy (and. 55). Nihevitra izy fa raha manaraka avy eny amin'ny lavidavitra izy, dia tsy hisy hahafantatra fa iray amin'ireo mpanara-dia an'i Jesôsy ary ho azony atao ihany koa ny handositra ireo fanakianana sy izay mety ho fanenjehana. Nanao ny fomba amam-panaon'ireo vahoaka teo mihitsy aza izy mba hiheverana azy ho toy ny tsy mpanara-dia an'I Kristy. Tsy

azon'i Petera ilay teny nambaran'I Jesôsy nanao hoe: "Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery azy." (Matio 16:25).

Nataon'i Satana tarigetra ny hamotika an'i Jesôsy, hany ka izay rehetra nino Azy, nanaraka azy dia nataony lasibatra avokoa. Rehefa niteny ilay ankizivavy hoe: "Ity koa nomba azy" DIA NAMALY MAFY MIHITSY Petera nanao hoe: "Ravehivavy tsy fantatro izy". Jesôsy dia mitady tanora izay mahafantatra azy sy manondro azy fa tsy izay mandà azy noho ny fahatahorana ny vokatr'izany. Manasa ny tanora tsirairay izy mba hijoro hoazy. Iriny raha mba ho mpanohana mahatoky izy ireo, ho feony, ho vavolombelon'ny fahasoavany eo anatrehan'ny hafa mba hahafahan'izy ireny manaiky Azy ho mpamponjin'ny tenany manokana. Inona re no mety ho vokatry ny fijoroan'i Petera teo anivon'ireo vahoaka ireo, raha mba nanaiky izy ka nilaza hoe izaho ihany koa dia mpanara-dia azy? Raha izay no tokony nataony, teto dia nandà azy izy. Ianao koa ve naman'ireo izay mandà an'iJesôsy? Ianao ve anisan'ireo tanora marobe manerantany izay mijoro hoan'I Kristy ary manao izay hahafantaran'ny maro ny voninahiny?

Na dia teo aza ny faniriana tsara rehetra nananan'i Petera, dia namadika izy tamin'ny fotoana manan-danja indrindra, tamin'ny fotoana izay tena nilàna ny fijoroany ho vavolombelona. Ny lokaloka izay nataony: "Tompoko, vonona hanaraka anao aho na ho ao an-trano maizina, na dia hoany amin'ny fahafatesana aza" (Lioka 22:33-34; Matio 26:31-33) dia fihetseham-po niredareda toy ny mololo fotsiny. "...ary niaraka tamin'izay, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno. Ary ny Tompo nitodika dia nijery an'i Petera. Ary Petera nahatsiaro ilay tenin'ny Tompo nolazainy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà ahy in-telo ianao" (Lioka 22: 60, 61). Ny akoho maneno dia nidika zavatra betsaka teo amin'ny fiainam-paniasiavan'I Petera. Nitarika azy hijery

indray an'i Jesôsy izany, Jesôsy ilay tsy mba nivadika. Ny masonry dia mijery mandrakariva ireo zanany, na dia tsy mba afaka mahita azy aza izy ireo noho ny elanelana izay misy vokatry ny fanalavirana Azy. Rehefa nifanena ny mason'i Jesôsy sy Petera; dia tsy mba nahita hatezerana i Petera, tsy nahita fanakianana na fanamelohana izy. Famindram-po, fitiavana, famelan-keloka, fiombonam-po sy hatsaram-panahy no hitany teo amin'ny endriky ny Tompo. Dia tsaroany ilay teny manao hoe: "Nefa izaho nangataka ho anao mba tsy ho levona ny finoanao, ary rehefa mibebaka ianao dia ampaherezo ireo rahalahinao." Lioka 22:32. Ellen White dia nanao hoe; "Nandà ny tompony izy raha nohenjehina fatratra sy nitalahoana; saingy ilay fijerin'i Jesôsy no nikasika ny fon'I Petera ary namonjy azy. Nanenina mafy izy ary nibebaka ny amin'ny fahotana be izay vitany, voaova izy ary voaomana ho afaka hampahery ireo rahalahiny" (Early Writings, p. 169).

Nahoana moa ny olona no manaraka eny lavidavitra eny?

Ny fanalaviran'i Petera dia sady ara-batana no ara-panahy. Mba naniry ny hiaraka amin'i Jesôsy toy ny maro amintsika izay tonga eto androany i Petera. Ho azy dia toy ny miaina ao anaty tontolo roa amin'ny fotoana iray ihany izany. Matetika ihany koa isika no manao toy izany nefo tsy mahomby! Maniry ny hiaintantsika amin'ny fiaianana ara-panahy miaraka aminy ary ny hampahafantarantsika azy amin'ny fotoana rehetra mandritry ny dia izay ataontsika eto amin'ity tany fandalovana ity i Jesôsy. Iriny ny hanekentsika ny hijaly noho ny aminy ary nampanantena Izzy fa hanome fifaliana hoantsika. Raha tao amin'ny nofo, ny finoan'i Petera dia nalemy ihany. Izany fahalemena izany dia efa teraka niaraka tamintsika, na izany aza, liana tamin'ny fifandraisana manokana amin'I Jesôsy izy. Izzy ihany koa dia naniry ara-bakiteny ny hijery mifanatrika sy ny hijery akaiky ny asetrin'I Jesôsy ireo tahaka azy.

Taorian'ilay sakafio hariva farany, rehefa nentin'i Jesôsy ho

ao amin'ny sahan'ny Getsemane izy ireo, mialohan'ny hisamborana azy, dia niangavy azy ireo izy mba tsy ho rendremana ary hivavaka; izy ihany koa nitokana hivavaka nandritra izay fotoana izay. Rehefa niverina izy dia nahita azy rehetra niesona. Tamin'izay fotoana izay dia nananatra an'i Petera izy mba hifoha sy hivavaka satria na dia mahatsiaro tena ho matanjaka sy afaka manao zavatra izy, nynofony dia malemy ihany. Na dia teo aza izany toro-hevitr'i Jesôsy izany, dia mbola niverina natory ihany Petera. Rehefa tonga ireo izay nisambotra an'I Jesôsy, dia efa tara loatratra raha izay vao hangataka tanjaka hiatrehana ny fizahan-toetra. Raha mbola nitomany noho ny fandavany izy, dia nanandratra vavaka manokana noho ny fahadisoany ary ny mba hamelana izany.

Hainy izao ilay lesona nampianarin'i Jesôsy ny mba hitandremana sy hiambenana mandrakariva ka nahatonga azy hanentana antsika ao amin'ny 1 Petera 5:8 manao hoe, "Mahonona tena miambena fa ny Devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay arapany". Efa voarapak'I Satana mantsy izy vokatry ny tsy fivavahany, ny torimasonry ary ny fiheverany fa manana hery izy.

Na izany aza dia mendri-koderaina ihany i Petera satria raha nandao avokoa ireo mpianatra rehetra, (Marka 14:50), izy kosa nijanona nanodidina an'i Jesôsy teo na dia teny lavitra teny aza. (Marka 14:54) taorian'ny nisamborana azy. Natahotra anie izy ny amin'izay hitranga aminy sy izay sazy tsy maintsy hefainy raha toa ka misy mahafantatra fa miaraka amin'i Jesôsy izy e! Nofatoran'ny tahotra izy. Nijery an'i Jesôsy nampangaina tsy ara-drariny izy, voakapoka, notenenan-dratsy. Nahakasika azy izao fanenjehana an'i Jesôsy izao, saingy io no fotoana nananany ny tahotra be indrindra teo amin'ny fiainany. Fantany fa Jesôsy dia halan'ireo mpanenjika azy saingy tsy niomana ho amin'izao fanalam-baraka sy fampijaliana an'i Jesôsy izao izy. Ny teny izay notenenin'i Jesôsy ny mpianatra

dia mbola tenenina amintsika ihany koa ankehitriny: "Ary ho halan'ny olona ianareo noho ny anarako" (Jaona 16:18; Matio 24:9). Rehefa hitan'i Petera ny fampijaliana an'i Jesôsy dia fantany avy hatrany fa tsy maintsy manangona ny herim-pony rehetra izy mba hatanjaka sy hahery araka izay tratrany. Ny tahotra nananany no nitondra azy hoamin'ny fandavana ny Tompony.

Raha mijery ireo tanora amin'ny taonjato faha<sup>21</sup>, ny fanontaniana mipetraka dia izao, nahoana ny maro no manaraka an'i Jesôsy eny lavidavitra eny? Maro ireo valim-panontaniana: misy ireo mino fa ny fiangonana sasany dia tia mitsikera ny fiainan'ny olona, ary be loatra ihany koa ireo fandraràna sy tsy azo atao ary tsy azo atao ao am-piangonana. Na dia tsy diso aza izy ireo ny amin'izany fanamarihana izany, ny fialantsiny, ny fiarovan-tena, ny fahalemen'ny nofo no tena fototry ny toetra izay asehon'izy ireo. Ny vavaka no zava-dehibe indrindra afaka hanampy antsika handresy ireny aretin'ny nofo ireny.

Efa fantatry ny Tompo izay ho fihetsik'i Petera mialohan' ny hitrangan'ny toe-javatra. Tsy manameloka ireo izay maniry ny ho mpiampanga azy sy izay ho mpanendrikendrika an'i Petera Izzy. Tsy manamarina ny fihetsik'I Petera izy ary tsy manameloka an'i Petera. Natsotrany ho eo aminy ny sandriny. Nanome toky azy izy ary nanohana azy. Androany dia manome toky sy manohana ireo tanora, ankizy ary lehibe ihany koa izy. Na inona na inona toerana misy anao, ireto teny ireto dia ho toy ny mozika ao an-tsofinao: "Izaho mivavaka ho anao".

Izaho mivavaka ho anao

Ny toky izay nomen'i Jesôsy an'i Petera dia izao: "Izaho mivavaka ho anao". Amin'io vavaka izay nataon'i Jesôsy ao amin'ny Jaona 17: 9 io dia hoy izy amin'ny ray: "Izaho mangataka hoazy; tsy mangataka hoan'izao tontolo izao aho, fa

hoan'izay nomenao ahy satria anao izy." Ao amin'ny andininy faha 15 dia manambara mazava izy "Izaho tsy mangataka aminao ny mba hampiala azy amin'izao tontolo izao fa ny mba hiaro azy amin'ny ratsy". Raha nilaza tamin'i Petera izy hoe, Izaho nivavaka ho anao, ny ampahany amin'ny maha-Izy Azy mihitsy no manandratra vavaka eo anatrehan'ny Ray. Jesôsy no Mpisolovava ny kristianina rehetra. Izy no ilay mpiaro antsika. Amin'izao fotoana izao dia manao fanelanelanana ho an'ny zanany Izy (1 Jaona 2:1). Mety ho nanalavitra azy ianao, ary eto, androany, dia toa kivy ianao. Nihatra tamin'i Petera izany, nefo Jesôsy no nisolo vava azy ary mbola miaro anao ihany koa izy androany. Ny apostoly Paoly ao amin'ny Hebreo 7:25 dia manao hoe, "Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana hoazy". Ary ao amin'ny 1 Timoty 2:5 dia hoy izy hoe, "Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana ao amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesôsy izay olona".

Ilay vavaka dia tonga mialohan'ny fahalavoana ary na dia ao anatin'ny fahalavoana aza dia mbola mitoetra izany vavaka izany. Hoan'i Petera ary hoan'ny tanora tsirairay androany dia antoka lehibe izany; ny Tompo, Izy Tenany mihitsy no mivavaka hoanao. Jesôsy no Mpisolovava antsika sy Mpisoronabentsika. Manome toky antsika Izy fa efa nivavaka hoantsika. Mialohan'ny hiatrehantsika fakam-panahy dia efa nivavaka hoantsika izy. Efa nanomana hevitra izy hoamin'izay zavatra sy toe-javatra izay ho atrehintsika ao anatin'izany vavaka izay nataony hoantsika izany. Ny vavaka izay nataon'ireo ray amandrenintsika, pasitora, loholon'ny fiangonana, namana ary ireo maro hafa izay natao tamin'ity herinandro ity na ny talohan'izay na izay mbola hatao dia manan-danja avokoa. Jesôsy dia mamporisika mihitsy ny hifampitondrantsika ambavaka. Izany no iray amin'ireo antony izay mahatonga antsika hanao izao fiaraha-mivavaka manokana izao isan-taona mba

hifantohantsika amin'ny vavaka. Mba hivavahantsika hoan'ny hafa. Na izany aza, tsy misy afaka mitondra fifaliana be hoantsika mihoatra ny fahafantarana fa Jesôsy mihitsy no mivavaka hoantsika. Na dia miatrika ireo fandrika alefan'ny Satana aza isika , dia fantatsika fa ny vavaka izay ataon'i Jesôsy dia mahery afaka hiaro antsika ao anatin'ny fisavorovoroana. Ary ao anatin'izany, na dia hiala aza ny fofonantsika, dia tsy izay no ho farany satria ilay Mpisoronabe, Jesôsy izay nivavaka hoantsika dia hamonjy antsika ary hitondra antsika ho ao amin'ny fanjakany raha maniry izany isika ary mametraka ny fiainantsika aminy sy mametraka ny finoantsika ho kolokoloiny.

Ny tena antom-bavak'i Jesôsy dia ny mba tsy hahafatesan'ny finoantsika. Hoy i Charles Spurgeon: "Ny finoana no fitaovana entina miady amin'ny ady atao ara-panahy, ary raha io fitaovana io no levona dia ho an'ny Devoly ny fandresena- na izany aza, ny Tompo dia nivavaka mba tsy ho levona ny finoantsika, mba hanandratana avo ny faneva". Rehefa levona ny finoantsika ny Tompo, dia very ny risi-pontsika, ny faharetana, ny fanantenana, ny fitiavana ary ny fifaliana. Jesôsy nanao hoe: "Izaho mivavaka ho anao mba tsy ho levona ny finoanao". Izany ihany koa dia manambara amintsika ny antom-bavaka ataontsika mandritry ny herinandro- ny finoana! Tsy finoan'ny fihetseham-po, fa finoana miasa.

Finoan'ny fihetseham-po

Ny finoan'ny fihetseham-po dia toy ny afo-mololo fotsiny, tsy maharitra ary tsy fototra mafy ho fanorenana. Ivelambelany fotsiny, hafanam-po be fotsiny ao anatin'ny tsy fahampian'ny fanandramana. Nandritry ny iray tamin'ireo lasy hoan'ny Mpisavalàlana nataonay hisedrana azy ireo, dia nampianarina nilomano ireo mpilasy. Raha niaraka tamin'ny mpampianatra azy izy ireo dia nahay avokoa ny rehetra ary tsy andrin'izy ireo ery ny hanao andrana tsy miaraka amin'ny mpampianatra sy

toromarika. Ny iray tamin'ireo mpilasy ireo dia tena hita fatsy ho tody lavitra raha mandeha irery kanefa dia tsy nanaiky izy fa handeha any amin'ny lalina araka izay tiany hono. Tonga ary ny fotoana, fifaliana re ny azy fa handeha hampihatra ny fanazarana izay efa nataony. Kanefa afaka folo minitra fotsiny dia reraka izy ary nilentika. Soa ihany fa nisy olona nahay nilomano nanavotra azy ka dia nakarin'izy ireo hivoaka ny rano izy. Nila 45 minitra vao niverina ny ainy rehefa nivoaka avy tao anaty lalina izy. Amin'ny fiarahantsika mandeha amin'Andriamanitra ihany koa, ny fihetseham-po miredareda fotsiny dia tsy ho ampy na oviana na oviana. Ellen White dia nanao hoe: "Ny fahataitairana fotsiny, ny fihetseham-po dia tsy finoana ary tsy fanamasinana" Signs of the Times, 24 Martsa, 1890 paragrafy 3. Hoy ihany koa izy; "Ny rehetra dia tokony hitady ny tena finoana izay miasa, izany dia tsy azo amin'ny fahaterahana eto amin'izao tontolo izao, na avy amin'ny zavatra mampihetsi-po fa avy amin'ny fitiavana izay manadio ny fanahy. Io fitiavana io no manadio ny fanahy, ny fanahy izay itoeran'ny avonavona ary anjakan'ny sampy izay manjaka ao am-po" (Review and Herald, March 11, 1902 Paragraph 3). Ny finoana an'Andriamanitra izay tsy misy fifandraisana aminy; dia finoan'ny fihetseham-po fotsiny ary ho resy amin'ny fotoan'ny rivo-doza sy ny alondrano ary ny fisedrana.

Ny finoana marina

Ny tena finoana dia azo avy amin'ny fiantehlerana tanteraka amin'Andriamanitra. Tsy vitan'ny tenanao samirery izany. Ny olona amin'ny maha olona azy dia tsy mahay manamboatra izany finoana izany. Tsy midika mihitsy izany hoe rehefa miaraka amin'ny Jesôsy mandritry ny taona maro ianao dia hahazo izany. Petera sy ny namany dia niaraka tamin'I Jesôsy nandritry ny telo taona, kanefa dia hoy Jesôsy taminy: "Rehefa mibebaka ianao!". Ny tena finoana dia fanomezana avy amin'Andriamanitra. Mila mivavaka hoamin'izany isika ary

tokony haharitra amin'ny fangatahana azy. Singa fototra ilaina amin'ny fanorenana fiainana kristianina izany ary amin'ny fivelomana amin'ny fiainana kristianina. Amin'ny alalan'ny fanatanjahan'ny tena finoana, ireo mpanara-dia an'i Kristy dia hahalala ny fotoana tokony hanaovany TSIA! Ary ny fotoana tokony hanaovany ENY! Ny fanatrehan'I Jesôsy dia tsy midika akory fa mampandeha hoazy ny ny fiovam-po, toy izay nitranga teo amin'ny mpianatra. Tsy misy izany raha tsy manaiky amin'ny fontsika manontolo isika ny amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesôsy amin'ny maty. Fanomezana izay tsy maintsy ekentsika izany, (Efesianina 2:8, NIV). "Fa fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra."

Jesôsy dia maniry ny handrotsaka amin'ny tanora, ankizy ary lehibe ny finoana marina izay hahajoro amin'ny fisedrana sy hahatonga antsika hahasahy ny hanondro sy haneho an'i Jesôsy ho Tompo sy Mpanavotra antsika. Amin'izao fiainana izao dia mety handao olon-tiana isika, mety halain'ny devoly fanahy amin'ny alalan'ny manam-pahefana isika, mety hesorina amintsika ny fananantsika sy ny zavatra izay tena nandrian'ny fontsika, ny zava-maninton'izao tontolo izao dia mety haraviravy eo anatrehantsika, zavatra izay maivan-danja ary tsy mifanaraka amin'ny lâlan'ny kristianina. Na izany aza, ny finoana marina ao amin'I Kristy, ny fiateherana amin'ny Fanahy Masina dia hanome hery antsika hiaro ny zavatra inoantsika sy handresy ny fakam-panahy. Amin'ny maha tanora mpandresy anao ao amin'i Kristy, dia manana andraikitra ny hampahatanjaka ny finoan'ny hafa ianao.

Mampahery ny Rahalahy

Hoy Jesôsy tamin'i Petera, "... rehefa mibebaka hianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao." Tamin'ny filazana hoe, "rehefa mibebaka hianao", dia izao no tena tian'i Jesôsy ho lazaina amin'i Petera, "... rehefa miverina amin'ny fiarahana mandeha

amiko ianao. Rehefa miverina eo amin'ny toerana izay nahafahanao mizara ny fahatsapanao amiko ianao, dia manana anjara amin'ny fampaherezana ny rahalahinao ianao." Tian'Andriamanitra hanana anjara lehibe eo amin'ny fanarenana ny tariky ny mpianatra nizarazara izy satria tokony hivondrona izy ireo eo amin'ny fanapariahana ny filazantsara.

Tsy mivelona amin'ny tenatsika eo amin'ny nosy iray isika. Niteny mafy i Jesôsy tamin'ny nanome hafatra an'i Petera. Mila manako tsara any amin'ny manodidina anao ny resakao. Tsy nalefa mba hamafy ady ao amin'ny rahalahy na hitory amin'ireo tsy voavonjy sy hanatanteraka fahagagana fotsiny ny Kristiana (Ohab. 6:19). Mampahery ny hafa isika amin'ny fitiavana sy fampaherezana azy ireny. Fantatr'i Jesôsy fa mety hampiseho fahalemena i Petera noho ny maha olombelona azy; kanefa nampahery azy Izy mba tsy hamela ny fahalemeny hitarika azy ho ratsy fiafara. Nametraka sy namafy tao aminy ny fahafahana ho tonga olona manana tombam-bidy lehibe amin'ny hafa Izy. Ny famelan-keloka sy ny fanekena izay nozarain'i Jesôsy tamin'i Petera no ho zaraitsika amin'ny hafa. Misy toerana ho an'ny rehetra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Miantso ny ankizy, ny tanora, ny lehibe izay nanaraka avy eny lavitra Izy androany mba hanakaiky. Maneke ny famelan-kelony, ny fitiavany, ary ny fahasoaavany ka meteza ho fitaovana mahomby eo amin'ny fizarana izany amin'ny hafa.

### Famaranana

Taorian'ny fahatanterahan'ny faminanian'i Jesôsy, ary rehefa nibebaka i Petera, dia nitomany mafy indrindra izy (Lio. 22: 62). Namela azy ny Tompo ary namerina azy tamin'ny laoniny. Lasa hery lehibe nanohitra ny famatoran'ny herin'ny devoly i Petera. Nandrisika olona anarivony ho any amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy tamin'ny alalan'ny fitoriana sy fiainana ny filazantsaran'i Jesôsy, ary ny fizarana fanasana tamin'olona tsy voaisa mba hanaiky ny Tompo, izay voahombo sy

nitsangana tamin'ny maty ho mpamonjy. Ianao ihany koa dia afaka ny ho tonga fitaovana handrisika ny hafa amin'ny alalan'ny fiverenana Aminy.

**Antso sy vavaka**

**Hira hamaranana ny fotoana:** *Mamin'ny foko ry Jesoa ô*

**Tso-drano**

Boky nilan-kevitra

Campbell, R. F. (1988-). *Preach for a year* (49-50). Grand Rapids, Mich.: Kregel Publications

Larson, B., & Ogilvie, L. J. (1983). Vol. 26: *Luke*. The Preacher's Commentary Series (320-327). Nashville, TN: Thomas Nelson, Inc.

Zuck, R. B. (1991). *A Biblical Theology of the Old Testament* (electronic ed.) (432-433). Chicago: Moody Press.

David Kinnaman, *You Lost Me: Why Young Christians Are Leaving Church...and Rethinking Faith* (Grand Rapids, MI: Baker Books, 2011).

*Baiboly*

Marshall, I. H. (1978). *The Gospel of Luke: A commentary on the Greek text*. New International Greek Testament Commentary (820). Exeter: Paternoster Press.

Stein, R. H. (1992). Vol. 24: *Luke*. The New American Commentary (552). Nashville: Broadman & Holman Publishers

Fanontaniana Hifanakalozan-kevitra

1. Inona ireo karazana tranga izay atrehin'ireo tanora Advantista ka azo lazaina fa fikororohana?
2. Naninona no niandany tamin'ireo izay nafana fo tamin'ny fiampangana an'i Jesôsy i Petera ka nahafoy Azy, nahaliana azy kokoa ve ny ho lasa olo-malaza teo amin'ny olona toy izay hameno ny fotoany amin'ny fiarahana amin'i Jesôsy?
3. Inona no anjaran'ny finoana teo amin'ny fihetsik'i Petera eto amin'ny tantara?
4. Inona ny fahasamihafana eo amin'ny finoana amin'ny fahatsapana sy ny finoana marina. Misy toerana ho an'ny finoana amin'ny fahatsapana ve ao amin'ny fanandramana Kristiana?
5. Ahoana no fomba ahafahan'ny tanora Advantista miditra ao amin'ny fampaherezana ny hafa, na ao anaty na ivelan'ny finoana?

**Lohahevitra** : Fitakiana

**Daty** : Alahady 22 Martsa 2015

**Hevitra asongadina**: Ny Tanora sy ny fakam-panahy

**Lohateny**: Andeha hatomboka ny firavoravoana

**Toko sy andininy**: Lioka 15:1-7

**Hira hanombohana ny fotoana**: He fitiavan-tsy mba manam-petra

Volana vitsivitsy lasa izay dia nanao toriteny mahakasika ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny zavatra ataony ho an'ny taranak'olombelona aho; maro tamin'ireo olona nanatrika no nanolotra ny fiainany indray hoan'i Kristy. Taorian'ny fanompoam-pivavahana, izaho sy ny vadiko ary ireo nandrindra ny fotoana dia nijoro teo am-baravarana'ny fiangonana mba handray tanana ireo mpanatrika raha teo am-pivoahana ny trano fiangonana izy ireo. Efatra amby roapolo taona I Juan, iray tamin'ireo izay namaly ny antso izy. Nolazainy taminay fa taona faharoa eny amin'ny ambaratonga ambony izy izao ary efa an-taonany maro izy no tsy nanitsaka ny fiangonana saingy tato ho ato kosa dia toa nahatsapa izy tao am-pony tao fa nilainy ny niverina tamin'Andriamanitra. Raha nifoha maraina izy ny marainan'io dia toa tsapany fa tsy maintsy mankany am-piangonana izy; nandray fiara mpitatitra in-telo izy vao tonga tany am-piangonana io maraina io. Efa fiangonana Advantista telo no nolalovany mandra-pahatongany teo amin'ny fiangonana advantista iray izay nahatsapany fa nitarihan'ny Fanahy Masina azy. Nolazainy fa io no fiangonana tena nety taminy tamin'io fotoana io. Dibok'hafaliana ny fony raha nahare fa mpandray anjara ao amin'ny fahasoavana izy araky ny planin'Andriamanitra. Nampahafantarainay ireo loholom-piangonana sy ny mpitandrina teo an-toerana ny momba azy. Nijanona nisakafo antoandro tao am-piangonana izy ary nanapitra ny sabata niaraka taminay. Tamin'ny folak'andro dia

nandray anjara tamin'ny fianarana baiboly izay notarihin'ny pasitora izy; ary nahafinaritra anay ihany koa ny fotoana manokana nataon'ny tanora taorian'izay; ary rehefa tapitra ny fotoana dia naterin'ny iray tamin'ireo loholona tany antranony izy.

### **Fampidirana**

"Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anakiray, no tsy mando ny sivy amby sivy folo any an'efitra ka mandeha mitady ilay very mandra-pahitany azy? Ary rehefa hitany iny dia ataony eo an-tsorony ka dia faly izy; ary rehefa tonga ao an-trano izy, dia mamory ny sakaizany sy ny namany ka manao aminy hoe: avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondry very. Lazaike aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin'ny olona marina sivy amby sivy folo, izay tsy misy tokony hibebahany." Ity fanoharana notantarain'i Jesôsy ity dia tsy manao tsinontsinona ireo sivy amby sivy folo izay nijanona tao am-bala tsy akory. Raha ny tena marina, ny sivy amby sivy folo ampiana iray no manome ny tontalin'ny ondry rehetra ary maneho ny mambran'ny fiangonana iray manontolo. Nampiasa io fanoharana io izy satria tany amin'ny faritra avon'ny Pereea dia ny fiandrasana ondry no antonasan'ny ankamaroan'ny olona ary ny ankamaroan'ny mpihaino azy dia mpiandry ondry noho izany dia tena nety mihitsy ny fomba nampitany ny hafatra. Na dia hoe ny mahakasika ny ondry very aza no tena ifantohan'ny tantara dia tsy azontsika hodian-tsy hita ireo hafatra manodidina io tantara io: a) ireo ondry sivy amby sivy folo tao am-bala, b) ilay ondry very nanalavitra ny andian'ondry, d) ilay mpiandry ondry, e) ny fety.

### **Ireo ondry sivy amby sivy folo tao am-bala**

Andeha aloha hifantoka amin'ireo ondry sivy amby sivy folo mialohan'ny hijerentsika ilay ondry iray. Lioka 15:7 "Lazaiko

aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin'ny olona marina sivy amby sivy folo, izay tsy misy tokony hibebahany." Misy fampitahana atao eto mahakasika ireo ondry sivy amby sivy folo tao am-bala sy ny ondry iray izay very. Mety hihevitra isika hoe tsy norarahiana ireo sivy amby sivy folo tao am-bala fa voajery manokana kosa ilay ondry very: notadiavina, nitondra fifaliana manokana ny fahitana azy. Raha natao hanehoana ny fiangonana ity fanoharana ity, dia natao hanoharana ny fanjakan'Andriamanitra ihany koa izy, noho izany ireo sivy amby sivy folo dia manan-danja tokoa satria maneho ny asa vitan'ny mpiandry ondry izany. Izy ireo no andian'ondry reharehany ary natao ho karakarainy. Mahafaly ny mpiandry ondry ny momba azy ireo tsirairay avy. Ireo no hareny. Andriamanitra ihany koa dia faly amin'ireo ondry izay mijanona ao am-bala. Faly izy miaraka amin'ireo marina (Lioka 1:6) na ireo izay maniry ny ho marina. Ellen White dia nilaza hoe: "Ny zanak'Andriamanitra dia nidina mba hampiakatra ireo izay lavo. Ho amin'izany indrindra no nandaozany ilay tontolo tsy nisy ota ary avo sy manerinerina, ho an'ireo sivy amby sivy folo izay tiany no nidinany teto ambonin'ity tany ity. Noratrana noho ny fahotantsika ary novonoina noho ny fahadisoantsika izy. (AA. P432)

Ity fanoharana ity dia tsy mifantoka amin'ny fifalian'ny Tompo noho ny amin'ny fihetsik'ilay nania. Raha misy tovolahy iray na tovovavy iray na iza na iza misafidy ny hitoetra ao amin'ny finoana ary misafidy ny hibebaka isan'andro, dia misy fifaliana ao an-danitra. Mitombo hatrany ny fifaliana ao andàlana rehefa miaina fiainana feno fahamasinana ny mambran'ny fiangonana. Tsy manan-tsahala ary sarobidy eo anatrehan'ny Tompo ny tsirairay

Ny mifanohitra amin'izay, ny hafatr'I Jesôsy izay nampitaina tamin'ny alalan'ny teolojian'i Lioka dia milaza fa ireo izay

mibebaka ihany no hovonjena fa tsy ireo izay miseho ho marina; misy fifaliana any an'danitra any amin'izao fotoana izao noho ireo izay nibebaka. Tsara ny manamarika fa tao amin'ireo sivy amby sivy folo izay nijanona, dia nahitana ireo izay nihevitenia ho marina ary nihevitra fa tsy mila mibebaka. Matoky tena loatra izy ireo ka heverin'izy ireo fa ny fahadisoan'ny hafa dia ampy hamaritana izay niova fo sy izay mody mivavaka fotsiny ary izay efa nihodinan'Andriamanitra.

Misy tantara mifanaraka amin'izay mikasika ny lehilahy anakiray izay tia sy manana fifandraisana manokana amin'ny ondry ary naniry ny ho tonga ondry. Nanatona mpiandry ondry izy ary nilaza taminy fa naniry ny ho tonga ondry. Nanotaniany ilay mpiandry ondry avokoa ireo izay tokony hataony mba hampisy fiovana tanteraka amin'ny vatany ahatonga azy hitovy amin'ny ondry. Dia noraisin'ilay mpiandry ondry araky ny fahazoany azy ilay lehilahy, nihevitra mantsy izy fa fitia te hahita zavatra tsy hay tanterahina no antony nanaovan'ilay lehilahy izany. Na izany aza dia voatenin'ilay mpiandry ondry fa mila manana fijery toy ny an'ny ondry izy. Dia lasa ilay rangahy nanao akanjo toy ny volon'ondry ary nanatona ny andian'ondry. Nojereny tsara ny fandehan'izy ireo ary lasa ihany koa izy mba naka tahaka izany ary nanaraka ireo ondry. Rehefa nanatona anefa izy dia vaky nandositra ireo ondry . Nalahelo ilay lehilahy ka nanatona ilay mpiandry ondry indray. Tamin'ity indray mitoraka ity dia hoy ilay mpiandry ondry hoe: hianaro ny fandehan'ny ondry. Nodinihin'ilay lehilahy tsara ny fandehan'ireo ondry, nianarany ilay fandeha ary nony avy eo dia nanatona ireo ondry izy. Nefa dia mbola nandositra indray ireo ondry ireo. Rehefa niverina tany amin'ilay mpiandry ondry izy dia natoron'ity farany hevitra mba hihinana tahaka ny ondry. Dia nataony ihany koa izany saingy tsy niova ihany ny nasetrin'ireto ondry ireto ny fihetsiny. Reraka tanteraka izy sady nalahelo. Hoy ilay mpiandry ondry taminy: "mitovy amin'ny ondry ianao, mitovy ny fandehanareo, manao fitenin'ny ondry

ianao, mihinana izay hanin'ny ondry ianao, fa tsy ondry ianao. Izay no antony tsy hitiavany anao."

Misy amin'ireo mambran'ny fiangonana no anisan'ireo sivy amby sivy folo. Mitovy amin'ilay lehilahy notantaraina teo; manao izay fanaon'ny kristianina. Mamaky baiboly izy ireo, mivavaka ary mamonjy fotoam-pivavahana; mety hanana andraikitra goavana mihitsy aza izy ao am-piangonana ary tsy mihinan-kena. Ny hafa kosa mavitrika amin'ny fitolomana am-bavaka. Mety ho mpanohana ny fiangonana amin'ny lafiny ara-bola, mamerina aradalàna ny ampahafolony sy fanatitra ary mandray anjara amin'izay rehetra atao ao am-piangonana. Saingy tsy niova fo izy ireo. Tsy nanolotra ny fiainany manontolo hoan'I Jesôsy. Tsy manana fotoana holaniana miaraka amin'I Jesôsy izy ireo, mahasahirana azy ireo kokoa ny mahakasika ireo olo-malaza, ny mba halaza, ny rendrarendra ary ireo zavatra izay tsy misy dikany. Raha tsy niala tamin'ny fiangonana isika ary nitombo tao mihitsy aza dia tsy midika akory izany fa faly ny lanitra noho ny amintsika. Maneho an'Andriamanitra ve ny fiainantsika? Mizara ny finoantsika amin'ny hafa ve isika? Tena asehontsika ve ny maha isika antsika? Azon'ny olona itokisana ve ny teny lazaintsika? Maha-te ho tia ve ny teny sy ny fihetsika ataontsika? Inona no mitranga rehefa tsy misy mahita isika? Toy inona ny fihetsika ananantsika rehefa irery isika? Misy ondry marary ao anatin'ireo sivy amby sivy folo izay nijanona tao am-bala ary mila ny fikarakaran'iray mpiandry ondry. Mahakasika azy izany, ary miantso izy, mitari-dàlana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ireo ondry kosa dia tokony hamaly ny antso.

Misy ireo mihevi-tena ho anisan'ireo sivy amby sivy folo ary mahatsapa tanteraka fa ny vatany fotsiny no eo, saingy ny fony sy ny sainy kosa dia lavitry ny valan'ondry. Ny hafa no manao izay azony atao hamahanana azy ireo. Tsy hanoso-bohon-tànana azy. Ny fanandraman'ny fiovam-pon'ny tsirairay dia tsy mitovy

hoan'ny olona rehetra ary tsy miaraka amin'ny fotoana iray ihany koa hoan'ny mambra. Izany indrindra no mahatonga ny fanandraman'ny fanamasinana nataon'ny hafa ho tonga mpanafaingana sy ho mpitarika ireo izay mbola mitaredretra. Izany no nahatonga an'i Jesôsy hilaza hoe: "Aoka ihany hiaramiry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinja hoe: angony aloha ny tsiparfary , ka ataovy amboarany mba hodorana; fa ny vary dia taomy hoany an-tsopitro." (Matio 13:30). Ny fahafahan'ny Fanahy Masina hanova ny tsy mpino ho mpianatra mahafatra-po no maha-samihafa ny varim-bazaha sy ny olom-belona. Ny fiaraha-monina kristianina dia ahitana tantaran'ny tanora maro izay toa maiva-maivan-doha sy naniditsidina teo amin'ny lafiny arapanahy saingy lasa andrin'ny finoana nony taty aoriana satria nijanona ho isan'ireo sivy amby sivy folo izy ireo ary nahita aingam-panahy sy ohatra tsara avy amin'ireo izay manana sy manaiky ny Fanahy Masina, ny fahasoavan'i Kristy sy ny fampaherezana avy amin'ny mpiara-mivavaka aminy. Mahafinaritra ihany koa ny mahita ny fiovam-po teo amin'ireo sivy amby sivy folo tamin'ny alalan'ny fankalazana ny famonjena ny mpanota.

Ity fanoharana ity ihany koa dia manambara fa ny olona sivy amby sivy folo izay manaja ny fomba amam-panao, ny fety, ary ireo lalàna dia tsy mahafaly ny lanitra noho ny iray izay mibebaka noho ny fahotany ary mihaiky ny helony. Ity farany mantsy dia mitarika ny lanitra hanao fety. Maha seriny an'Andriamanitra ny mahita ny very iray izay manaiky fa efa very izy ary noho ny fanampian'ny Fanahin'Andriamanitra dia niverina teo Aminy indray izy. Te hanampy ny tsirairay amintsika Izy, hametraka ny fiainantsika feno fahotana any aoriantsika ary hanara-dia Azy. Ny fariseo sy ny mpihatsara ivelatsihy dia tsy hanao izany mandrakizay satria tsy tsapany mihitsy fa very izy! Mihevitra ny tenany ho efa voavonjy izy, kanefa tsy mbola nibebaka ny amin'ny fahotany izy. Androany, ireo sivy amby sivy folo dia mila manao izay azony atao mba

hisian'ny fety any an-danitra. Tsy ilay ondry very irety ihany fa isika rehetra mihitsy no tsy maintsy mibebaka noho ny fahotantsika ary vonjena. Ny ondry rehetra no tian'i Jesôsy ho vonjena, zato, fa tsy sivy amby sivy folo ary tsy ho tiany na oviana na oviana raha ny iray ihany no vonjena. Na izany aza, mba hahatongavana amin'ny zato dia tsy maintsy manomboka amin'ny iray isika!

### **Ilay ondry very nanalavitra ny andian'ondry**

Rehefa nitantara ity fanoharana ity i Jesôsy dia tsy nomarihiny na vavy na lahy ilay ondry very. Notsipihiny kosa fa tena nanahiranan-tsaina ilay mpiandry ondry ny tsy nahitana ilay ondry ary izany dia tsy niankina amin'ny maha vavy na maha lahy ilay ondry. Navoitrany tamin'izany ny nahaliana ny ondry iray tamin'ny ahi-maitso hafa ary nitarika azy teo no ho eo na miandalana hanalavitra ireo andian'ondry sivy amby sivy folo namany. Bowe Bergdhl Robert dia miaramila amerikana izay notazonin'ny Haqqani, Talibanina mpiray donak'afy amin'ny Afaghanistan. Nanomboka tamin'ny 2009 izy no notanan'izy ireo ary tamin'ny 31 May 2014 izy vao nahazo famotsorana. Nahavariana ny haino aman-jery samihafa ny toe-javatra niseho nandritry ny nisamboran'i Talibanina an'i Bergdahl. Betsaka ny resaka nolazain'ny olona mahakasika io fanjavonan'i Bergdahl io. Ny zava-niseho kosa dia toa nanambara fa tany ivelan'ny toby no nisamboran'I talibans azy. Raha mbola tao ambany vahohon'ny Talibanina izy dia nahafantatra tsara fa voasambotra izy izao, fantany tsara ny zavatra nitranga nandritry ny fisamborana azy. Nanaovana fampianarana hafa izy, nofehezina ary nozimbazimbain'ireo izay nitana azy an-keriny. Tsy nahay niteny ny fitenin-drazany tsara intsony izy raha nivoaka tao. Na izany aza ny Etazonia dia efa nianiana fa tsy hamela na dia miaramila iray aza any aorian'izy ireo. Nokarohin'izy ireo fatratra ny namany mandra-pahafahan'izy ireo nanao fifanakalozana mba hahazoany ilay namany ho eo

amin'ny laharan'ny miaramila amerikana azy indray. Sary an'ohatra maneho ny ankamaroan'ny tanora ao amin'ny fiangonana iny tantara iny. Tsy takalo akory no nataon'Andriamanitra, ny zanany lahy tokana izay tena tiany (Jaona 3:16) no nalefany hoany an-tanin'ady mba hanavotra ny rehetra. Fitiavana manao ahoana re izany! Ary hanao ahoana ny fifalantsika rehefa miverina Izy!

Tao amin'ny lesion'ny sekoly sabata izay nianarantsika taona maro lasa izay, dia nohazavaina fa, ao anatin'ny andian'ondry iray, dia nahazatra ny nahita mpiandry ondry miaraka amin'ireo ondriny mandritry ny 9 na 10 taona. Nahafahan'ny mpiandry ondry nahafantatra ny anaran'ny ondriny tsirairay izany fotoana izany, ny ondry ihany koa nanjary nahafantatra ny feo sy izay rehetra mety hahafantarany ny mpiandry azy. Isankariva, rehefa mody ny ondry, ny mpiandry ondry dia mitazona ny tehiny eo am-baravararan'ny valan'ondry ary mametraka azy santimetatra vitsivitsy miala amin'ny tany. Mandalo eo ambanin'io tehina io avokoa ny ondry rehetra. Dinihin'ny mpiandry ondry eo ilay ondry ary jereny izay mety ho ratra na aretina mahazo ilay ondry. Amin'izay dia mampitombo ny fahalalany ny tsirairay amin'ny ondriny ilay mpiandry ondry .Jaona 10:3 izay manamafy izany fiheverana izany dia manao hoe: "Ary izy no vohan'ny mpiandry vavahady; ary ny ondry mihaino ny feony; ary izay ondriny tokoa dia antsoiny amin'ny anarany avy ka entiny mivoaka."

Nohazavainy ihany koa fa manisa ny ondriny ny mpiandry ondry ary fantany avy hatrany na dia iray monja aza no very. Hoy ny Lioka 15:4 "Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anakiray, no tsy mandao ny sivy amby sivy folo any an'efitra ka mandeha mitady ilay very mandra-pahitany azy?" Fantatr'I Jesôsy ny mambran'ny fiangonana tsirairay. Fantany ny anarantsika tsirairay avy. Fantany ny mampiavaka ny tsirairay amintsika ary fantany ny toe-pontsika. Fantany ny

toetra tsarantsika ary fantany ny fahalementsika. Fantany izay mety mahafaly antsika sy izay mety mampalahelo antsika. Izy no mpiandry antsika ary isika kosa ondry fiandriny. Rehefa tsy hita ny iray dia tsy hilaozany tsy misy fiarovana akory ny sivy amby sivy folo. Na izany aza miainga izy ary mitady ilay very. Aoka hotsaroantsika fa Jesôsy, ilay mpiandry tsara sy lehibe indrindra dia eo mandrakariva . Afaka ho eo amin'ny toerana rehetra izy amin'ny fotoana rehetra. Tsy misy zavatra tsy fantany ary tsy tsy misy tsy hainy hatao. Tsy misy na dia iray amintsika aza tokony hihevitra fa satria mikarakara ondry iray hafa izy dia tsy afaka mikarakara antsika. "Izao no lazain'i Mandrakizain'ny tafika rehetra: taorian'izay, Ilay Be Voninahitra naniraka ahy handresy ny firenena rehetra izay nampitomany anao- fa izay mikitika anao dia toy ny mikitika ny anak'andriamason'Andriamanitra." Ny mambran'ny fiangonana tsirairay dia eo ambany mason'ny fiarovan'Ilay Mpiandry Lehibe Indrindra. Tsy vaovao mahafinaritra ve izany? Tsy misy zavatra manjo antsika ka tsy teo izy nandritra iny fotoana iny. Izy no hiaro antsika noho ny anarany sy ny fahefany.

Tao amin'ny fanoharan'i Jesôsy, ilay ondry very dia nahatsapa fa nanalavitra ny andian'ondry izy. Nihiakiaka izy nitady fanampiana. Toa tsapany fa irety izy. Toy ireo tanora na mambra efa zokinjokiny dia mety ho nitady ahitra maitso kokoa izy. Mety ho leon'ny fomba amam-panao mahazatra izy ary toy izay nolazain'ny tanora iray taminay taona maro lasa izay: "Nila fanandramana vaovao sy zavatra manintona ary mahaliana izy." Angamba mety ho reraky ny fiainana andavan'andro, ny asa sy ny fianarana na ny fahakiviana noho ny tsy fananana andraikitra, na ny olana ara-pifandraisana misy ao amin'ny samy mambra izy ireo ka nahatonga azy ireo hanapak'hevitra ny hatory ao an-trano rehefa sabata ary nony avy eo dia tsy tafaverina intsony. Mety ho fanandramana ara-pilàn'ny nofo no nisintona azy ireo ho any amin'ny toeran-kafa izay diso, tsy tokony haleha. Ny hafa kosa nanalavitra satria voailikilika,

nanaovana ny tsy rariny ary tsy norarahiana. Ny ankamaroan'ireo tanora izay nangatsiaka sy mirenireny any lavitra any no mahatsiaro sy mino fa ny andro fahafito no Sabata tokony hotandremana sy hamasinina. Mbola mino izy fa ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito no tokony hisy azy. Ary tsy mamela azy ireo isan'andro ny feon'ny fieritreretany manosika azy hatrany hiverina any amin'ny akany nahabe azy. Na izany aza, ny fampianaran-diso sy ny fanapoizinana maro samihafa dia manetsina ny sofiny sy mamono ny feon'ny fieritreretany ka mahatonga azy tsy hiraharaha ny fivavahana fa ho saron'ny fiahiana izao fiainana izao.

Manana fahazarana hanaraka izay ataon'ny eo alohany na ny eo akaikiny ny ondry.Toy izany koa ny tanora. Manaraka foana izy ireo na dia efa fanapahan-kevitra diso izao aza, indraindray azy dia lèlana mankany ahafaty azy no arahiny. Raha misy ondry iray mitsambikiny any anaty antsana dia betsaka amin'ireo ondry no mety hanaraka azy. Matetika dia fantatr'izy ireo hoe aiza izy, ary fantany fa tsy eo amin'ny toerana tokony hisy azy izy saingy ny miverina kosa dia tsy mora ho azy ireo. Mba hahafahany miverina dia mila fanampiana sy fampaherezana ny ondry. Ireo izay tafiditra ao anatin'ny sivy amby sivy folo dia tokony hifandray amin'izy ireo ary hamerina azy indray ho ao amin'ny toerana izay nahabe azy. Ry mambra, ilaintsika ny mandeha mitady ireny ondry very ireny ary mamerina azy indray ho ao am-bala. Mandeha ho amin'izany isika amin'ny alalan'ny vavaka. Afaka manao izany isika amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fitaovam-pifaneraserana maro samihafa. Manorata taratasy amin'izy ireo, manorata ao amin'ny rindrin'ny facebook, twitter sy ny maro hafa. Aoka isika hifanerasera aminy mandrakariva. Ilaintsika ny mamerina indray ireo nandao ny finoana ary mitondra azy ireo am-pitiavana ho ao am-piangonana. Ao no toerana tokony hisy azy. Ny fiangonana dia tokony hisokatra sy hafana, hanana faharetana, handefitra ary hanaiky azy ireo. Tokony hanao

planina isika hitadiavana azy ireo sy hamerenana azy. Inona no tokony hataon'ny mpiandry ondry? Hoy Ellen White: "Ny ondry izay nivoaka ny vala no mahonena indrindra amin'ny voahary. Tsy maintsy tadiavin'ny mpiandry izy satria tsy ho hainy mihitsy ny hahita ny lèlana mody. Ho an'ny fanahy izay nanalavitra an'Andriamanitra dia toy ny ondry very ihany izy, ary raha tsy ny fitiavan'Andriamanitra no mamonjy azy dia tsy hahita ny lèlana mankany amin'Andriamanitra izy. (COL. P. 187)

### **Ilay mpiandry ondry**

Mahakasika ilay fanontanian'i Jesôsy ao amin'ny Lioka 15: 4, ny mpiandry ondry dia nivoaka nitady ilay ondry iray. Raha nanamafy Jesôsy fa navelany ireo sivy amby sivy folo, dia nanambara izy fa vonona tanteraka ny hamerina indray ilay ondry very ilay mpiandry ondry. Tsy misy avelany ho latsaka an-dàlana. Tsy misy avelany ho very. Tiany ho eo ambany fiahiana sy fitiavan'ny tompony ny rehetra . Ilainy ny rehetra. Na dia betsaka aza ny lesona tsipihina amin'ny alalan'ity tantara ity dia asongadiny manokana ihany koa ny fikarakarana sy ny fitiavan'ilay mpiandry ondry.

Mahaliana tokoa ny mahita fa tsy naniraka mpiasa ilay mpiandry ondry mba hitady ilay ondry very. Izy mihitsy no nandeha nitady azy ary tsy niverina izy raha tsy hitany ilay ondry very. Nanana faharetana ilay mpiandry ondry ary tsy nety kivy.I Jesôsy ihany koa dia maharitra sady tsy kivy amin'ny fikarohana ireo tanora izay nanalavitra azy. Azo antoka fa efa nisy fotoana isika rehetra ireto no efa tsy tonga nanatrika fotoam-pivavahana Sabata na ny andro hafa. Mety ho mavitrika isika ao amin'ny sampana Mpisantatra, mpanolo-tsaina sy mpampianatra mahay ao amin'ny fandaharan'asan'ny Mpisava lèlana. Ny sasany amintsika aza dia mpitarika tanora, mpandray medaly amin'ny fifaninanana ara-Baiboly, ary tanora mahafatrapo amin'ny resaka momba an'Andriamanitra, mpanao zava-baovao ary mamorona hatrany; mpandray anjara amin'ny asa sosialy

saingy amin'ny fifandraisantsika amin'Ilay MPIANDRY Tsara dia ondry very ihany isika. Fotoana izao tokony hamantarantsika ny toerana misy antsika eo anatrehan'Andriamanitra. Iriny ny hiravoravo miaraka amin'izay manampy azy hitady ny ondry very .

### **Ny firavoravoana**

Misy firavoravoana foana any an-danitra! Hoy i Jesôsy, "Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin'ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony hibebahany. (Lioka 15:7). Ireo sivy amby sivy folo dia tsy mba nanahy satria efa feno fifaliana izy ireo mizotra ho any amin'ny fanjakana ary miara-dia amin'ireo andian'ondry hafa. Fotoana tokony hifaliana miaraka amin'ireo izay vao tafody izao. Tsy misy fotoana afaka atokana ho an'ny fitserana ny amin'izay momba ny tena manokana. Fotoana izao hankalazana ny fiverenan'izay nanalavitra ny akany. Ry tanora, tsy manantsahala ianao na any an-danitra na ety an-tany. Tia anao ny fiangonana ary mila anao; Tongava miaraka amin'ny talentanao, manana anjara asa lehibe ianao eo amin'ny famitana ny fitoriana ny filazantsara sy ny fanampiana amin'ny famahanana ny hafa amin'ny finoana.

Ho anao izay tafaverina ato amin'ny akanin'i Kristy, tongasoa ato amin'ny firavoravoana! Misy velarany roa izany ary misy fanintelony aza. Ny any an-danitra no manao fankalazana satria niverina ianao. Ato amin'ny fiangonana ihany koa misy fankalazana satria ny mambra tsirairay dia faly mahita anao indray niverina ato amin'ny finoana. Fa mbola misy fankalazana lehibe iray izay ho avy. Ho avy i Jesôsy ho anao, ho anareo rehetra . Tsy izy irery no ho avy eo, fa hisy mpanara-dia izy dia ireo anjely. Ho raisina ho any amin'ny fanjakana isika rehetra ary handray ny satroboninahitra mandritry ny fanomezam-boninahitra izay hatao hoantsika eo am-bavahadin'ny

lanitra. Ellen White dia nilaza fa handray lokanga avy amin'ny tànan'ilay mpanavotra antsika isika ary hiara-mihira amin'ny antokom-pihiran'ny lanitra hihira ny hiran'ny voavotra , "Tonga aty an-trano nony farany". Eny hanitsaka lèlana volamen'ny lanitra isika sady hifankahita amin'ireo havantsika, namana ary ireo izay akaiky antsika. Hahita ny tavan'I Jesôsy mahatehotia, ary hahita ny holatra eo amin'ny tànany noho ny fanavotana antsika. Fety manao ahoana re no ho hatrehintsika rehefa hampidirina ao amin'ny trano izay nomanin'i Jesôsy ho antsika isika. Firavoravoana haharitra mandrakizay! Andeha hatomboka ny firavoravoana! Tongasoa ato an-trano! Tonga soa ato an-trano! Tonga soa ato an-trano!

### **Antso sy vavaka**

**Hira hamaranana ny fotoana:** Jesôsy mpiandry tsara

### **Tso-drano**

### **Boky nilan-kevitra**

Butler, T. C. (2000). Vol. 3: *Luke*. Holman New Testament Commentary (249). Nashville, TN: Broadman & Holman Publishers

Marshall, I. H. (1978). *The Gospel of Luke: A commentary on the Greek text*. New International Greek Testament Commentary (602). Exeter: Paternoster Press

Stein, R. H. (1992). Vol. 24: *Luke*. The New American Commentary (404). Nashville: Broadman & Holman Publishers

White, E. G. (1911). *The Acts of the Apostles*. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association.

White, E. G. (1900). *Christ's Object Lessons*. Review and Herald Publishing Association.

Baiboly

Andeha hatomboka ny firavoravoana

### **Adihevitra sy fanontaniana**

- 1) Inona no mety ho hevitrao mikasika ny fahitan'ny lanitra ireo izay mihazona sy miaraka amin'i Jesôsy amin'ny fony manontolo amin'ny alalan'ny fiainany sy ny fony voa hasina ?
- 2) Azavao hoe ahoana no mety hahatonga ireo tanora mpandray anjara amin'ny asa fanompoana ao am-piangonana ho isan'ireo ondry very.
- 3) Inona avy ireo fakam-panahy mety atrehin'ny tanora ankehitriny ka hahatonga azy ho variana tsy hahare intsony fa efa manalavitra ny tompony izy? Ary inona no azontsika atao mba hihazonana azy tsy ho lavo?
- 4) Mitanisà fomba azo atao mba hankalazana ny fahaterahana ara-panahy sy ny fanandraman'ny fiverenana ary ny fijanonana ho isan'ny mambran'ny finoana.
- 5) Inona no azon'ny mpiandry tsara atao hitadiavana sy hamerenana ny tanora ho ao am-bala

**Lohahevitra** : Fitakiana

**Daty:** Alatsinainy 23 Martsa 2015

**Hevitra asongadina:** Ny tanora sy ny tokantrano

**Lohateny** : Hazony i Jesôsy

**Toko sy andininy:** Lioka 15: 11-32

**Hira hanombohana ny fotoana:** He fitiavan-tsy mba manam-petra

### **Fampidirana**

Tao amin'ny distrika niasanay voalohany no nahafantaranay mivady an'i Orlando. Tena nahavariana anay mihitsy izy. Hita ao am-piangonana izy amin'ny fotoana rehetra. Alahady hariva: mivory mikasika ny asa fitoriana, alarobia hariva: mamonjy fiaraha-mivavaka ary ny fotoana rehetra mandritry ny Sabata manomboka amin'ny sekoly sabata ka hatramin'ny vatsim-panahy sy tso-drano farany amin'ny hariva dia atrehany avokoa. Mafana fo ihany koa izy amin'ny fandraisana anjara amin'ny sampana tanora, mpitarika ao amin'ny JA ary talen'ny mpisava lâlana. Ny rehetra dia samy mahalala fa mambra mafana fo ao amin'ny fiangonana izy ary mamy hoditra, tian'ny ankizy sy ny tanora ary ny lehibe. Rehefa nandao ny distrika izahay dia mbola nifanerasera taminy, niresa taminy momba ny finoany sy ireo trangam-piainana izay nanamafy ny finoany. Taona visivitsy taty aoriana, tsy nanana fifandraisana taminy intsony izahay hatramin'ny andro izay namangianay tànana iray ary nahitanay azy tamin'ny fotoana tsy nampoizina. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy nanao akanjo toy ny fanaovany hatramin'izay izy ary ny tavoahangy teny an-tànany dia tsy naneho mihitsy ny zava-panahy izay narovany tany aloha. Rehefa nanontanianay izy hoe inona no zava-nitranga teo amin'ny fiainanay ara-nofo sy ara-panahy dia novaliany fa nandifotra azy ny faminaniana. Nanontanianay azy hoe inona no tiany ambara dia ny 2 Timoty 3: 2-4 no namaliany ny fanontanianay; "Fa ny olona ho tia tena,

ho tia voa, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, loza be, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretany mihoatra noho ny fitiavany an'Andriamanitra." Nolazainy fa efa tsy mambran'ny fiangonana intsony izy, te hiverina eo amin'i Kristy izy ary hiverina amin'ny fitiavany voalohany, kanefa dia toy mianika tendrombohitra sarotra ihaniana izy amin'izany ary ihany koa mazana izy no tezitra amin'ny tenany ihany.

Mampahatsiahysy antsika fanoharana iray notantarin'ny Jesôsy ity fanandramana ity. Ny Lioka 15: 11-32 dia manipika zavatra maro ankoatr'ilay zanaka nania. Farafahakeliny misy mpandray anjara fototra telo ao ary misy firavoravoana ahitana fifaliana izay mila asongadina. Ireo mpandray anjara telo dia ilay zanaka nihoa-pefy nanalavitra ny trano fonenana, ilay ray nihoa-pefy, ary ilay zanaka lahy tao an-trano ihany nefy very. Ilay firavoravoana dia mifantoka manokana amin'ny fifaliana vokatry fiverenan'ilay nania ho amin'ny fitiavana ao an-trano.

### **Ilay zanaka nania nanalavitra ny trano**

Tamin'ity fanoharana ity i Jesôsy dia tsy nanonona anarana, ny hany nambarany dia izao, nisy lehilahy iray nanan-janaka lahy anankiroa. Ny iray tamin'izy ireo dia nanomboka kamo noho ireo lalàna, fitsipika, fifehezana, ny azo atao sy ny tsy azo atao tao an-trano. Nanomboka nisy fialonana tao am-pony ary nanomboka nahaliana azy ny fomba amam-panaon'ireo namany sy ny lamaody izay raha oharina amin'ny zava-misy amin'izao fotoana izao dia ny "hippie" izay mahasarika ny sain'ny tanora maro ankehitriny. Noheveriny fa ny mikasika azy ireny sy ny fahavitan-tena no tena idealy. Nanosika azy hangataka famindram-po sy fahazoan-dàlana hanao zava-dratsy ireo fihetsehana mifanohitra amin'ny fomba amam-panao izay mamporisika ny famoronana zava-baovao, ny fahaizana nananany

sy ny fomba fisainany. Ny fironana amin'ny fivoarana miandalana, ny fankafizana ny zava-kanto, ny "indie-rock", izany ihany no nahaliana azy sady tiany halalinina ary handraisana anjara. Ny fahaleovan-tena nananan'ny hafa, ny fahafahana mandray fanapahan-kevitra tsy miankina amin'izay mety ho fihevity ny ray aman-dreny no namaritra ny fahafahana ho azy. Ny fomba fiseho ivelany izay toa maneho fa tia zavatra tsara sy lafo vidy izy ireo no nanintona azy ka nahatonga azy ho leo ny amin'izay hitany tao an-trano ary nahatsapany fa ny fahaleovan-tenany eo amin'ny safidy sy fanapahan-kevitra no hany tokana ahafahany manatanteraka izay irin'ny fony. Ny fanaitairan'ny fiainana no nanintona azy, ny fahafinaretana, ny fialam-boly ary ny fomba amam-panao moderna izay toa nahavariana sy nahafinaritra.

Te mba hitovy amin'izy ireo izy. Alikaola, mozika pop, dihy, fifohana, sary mihetsika, filan'ny nofo , firahalahiana, fitaovam-pifandraisana moderina (tambajotra sosialy: facebook,...), akanjo lafo vidy mitondra ny anaran'ny mpamorona lamaody malaza toa an-dry Levi James, Michael Kors, Porsche cologne ary Nike no nahafinaritra azy. Izany fanapoizinana ara-tsaina izany no nahatonga azy hitaky tamin'ny rainy hoe: "Omeo ahy ny anjara lovako." (and 12). Ny harenan'ny rainy no nahaliana azy fa tsy ny fahasalamana ara-pihetseham-po, ara-tsosialy, ara-batana ary ara-panahin'ny rainy. Tsy niady ny rainy, ilay ray tsara fanahy, be fitiavana, maha-te ho tia ary tia manao izay hahafaly ny rehetra ka nanome azy izay nangatahiny. Fanandramana lehibe hoan'ilay zanaka lahy izany. Afaka tamin'ny fangejana ihany izy nony farany! " Ary nony afaka kelikely dia nangonin'ilay zandriny ny fananany rehetra, ka lasa nankany an-tany lavitra izy, dia nandany ny fananany tamin'ny fiveloman-dratsy tany." (and 13)

Toa nahafinaritra ery ny njery azy saingy nanao zavatra diso tafahoatra loatra izy tamin'ny fandaniany izay nomena azy. Hoy

ny vakiteny: "nandany ny fananany tamin'ny fiveloman-dratsy". Izany dia midika hoe nolaniany tamin'ny faniasiavana ny fananany. Nanao fandanielam-poana izy hany ka vetivety foana dia lany ny fananany. Tsy mba tompon'andraikitra izy, mandanielany foana ary tsy nitandrina. Izany ny fironan'ny olombelona, atosiky ny herin'ny satana izy ary lasa tsy maharitra ny fitantanan'ny lanitra, maniry ny hiala tsy hanao ny sitrapon'Andriamanitra, te ho mpibaiko ny tenany ihany, izy izay mpanota ambonin'ny mpanota, ary na ny fahotany taloha azy dia mbola ao aminy.

Tahaka ilay zanaka nandao ny trano feno harena, dia maro amin'ireo tanora ihany koa no miaina ao anatin'ilay tanan'an'ny fandanielam-pananana. Toy ireo kristianina nania dia manalavitra ny fiangonana izy ireo. Miaina tahaka ilay zanaka very, lavitry ny tranony, any amin'ny firenena hafa izay ahafahany mampangina ny feon'ny fieritreretany sy ahafahany manao tsinontsinona ireo harena ara-moraly sy ara-panahy izay nianarany tany an-trano sy tany am-piangonana. Ny haren'Andriamanitra no tiany fa tsy Andriamanitra. Ny sakafo atolotr'Andriamanitra azy eo ambony latabatra no mahaliana azy fa tsy Andriamanitra. Ny fitahiana avy amin'Andriamanitra no mahavariana azy sy ilainy, olon-tiana, vola, talenta, fahaizamaao, fa tsy Andriamanitra.

"Ary rehefa laniny avokoa ny fananay rehetra dia nisy mosary mafy tamin'izany tany izany ka nahantre izy. Dia nandeha izy ka niankina tamin'ny tompon-tany anankiray tamin'izany tany izany, ary dia nirahiny tany an-tsahany hiandry kisoa. Ary satriny hameno ny kibony tamin'ny voankazo fihinan'ny kisoa, fa tsy nisy nanome azy. Ary raha nody ny sainy dia hoy izy: Indrisy! Maro ny olona karamain'ny raiko manan-kanina be dia be fa izaho kosa maty mosary eto! Hiainga aho dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hoe: Raiko o! efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy mendrika hatao hoe

zanakao intsony; fa ataovy ho tahaka ny amin'ny anankiray amin'ny olona karamainao aho. Dia niainga izy ka nankany amin-drainy. Fa raha mbola lavitra izy dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka dia namihina ny vozony sady nanoroka azy." (and 14-20)

Tany amin'ity firenena lavitra ity, ilay zanaka very lavitry ny trano, mamoy ny tombony vaovao izay azony, mbola naniry zavatra tsara sy lafo vidy, efa nandany ny fananany, tsy nanana ny maha izy azy intsony, ary tsy nanan-drahalahy intsony. Tsy fantany ny hasarobidin'izay efa nananany tao antanon-drainy tamin'ny fotoan'androny. Ny hany fantany tamin'izany dia tsy ampy namana avy amin'ny faritra samihafa izy. Rehefa very anefa izy dia very avokoa izany rehetra izany. Tsy afaka nisakafo akory aza izy, na ny misakafo tao anaty fahadiovana aza dia tsy hitany intsony. Tsy tsaroany intsony fampisehoana natao tao amin'ny toerana toa an'i Coliseum sy ny fandehanana miantsena. Ny andro nahafantarany ny ranomanitra sy ny "déodorant" moa dia efa ela mihitsy. Ny hany anjara asa sisa tànany dia ny hikodiadiavan'ireo kisoa.

Mambran'ny fiangonana i Althea, sady tsy manana asa izy no tsy manam-bady. Sarotra ny fiainana ary toa tsy nandeha ny zav-drehetra. Leon'ny ataovy izao sy aza atao izaon'ny fiangonana, ny mpitoriteny sy ireo fandaharam-potoana ary ireo mambra izy. Nandao ny fiangonana izy ary nanomboka nisakaiza tamin'ny tanora zazalahy iray izay tsy manana an'Andriamanitra sy tsy liana amin'ny fiangonana. Fotoana fohy taorian'izay dia bevohoka izy ary tsy hitany izay nalehan'ilay tovolahy. Ankehitriny izy dia nivoaka tanteraka ny fiangonana, tsy manan'asa, tsy manam-bady, miaraka amin'ny zaza tsy manandravy, tsy manam-bola ary tsy manana olona hikarakara. Niantehitra tanteraka tamin'ny taratasy izy ary ny niafarany dia naterina tany amin'ny toeram-pitsaboana marary saina.

Maro amin'ireo tanora sy ny olon-dehibe no manontany ankehitriny hoe: nahoana izahay no mila fiangonana? Betsaka ireo zava-mahaliana azo atao, ny ato am-piangonana dia tsy mahasarika akory. Fiainako io, hoy ny hafa, izay tiako no ataoko! Toy ny miteny izany hoe: Andriamanitra o! Tokony mba maty ianao! Amiko dia efa maty ianao! Efa teo ihany koa moa ve ianao hatramin'izay e! Ianao ve no nanao an'izao? Manana t-shirt ve ianao na fahatsiarovana azo aseho? Tia manao fanatanjahan-tena ve ianao? Miasa? Mihinana? Manala azy? Tsy manana fotoana hatokana ho an'ny tenin'Andriamanitra izay afaka mamelembelona? Tsy manana fotoana ifandraisana amin'ilay ray any an-danitra? Tsy manana fotoana hifandraisana amin'ny zanak'Andriamanitra?

Amin'ny lafiny sasany dia efa nandalo tamin'izany avokoa isika rehetra, mety tsy niaina fianana feno faniasiavana isika saingy efa samy nanalavitra an'Andriamanitra sy niaina araka izay sitraky ny fontsika. Iny ilay lalan'ny zanaka very manalavitra ny tranon'ny rainy. Mandanilany foana ny fizokiantsika isika. Ny fotoan-tsarotra sy ny zava-tsarotra no miezaka miantso antsika hiverina. Jamieson sy i Brown amin'ilay boky hoe *Critical and Explanatory Commentary on the Whole Bible* dia nanao hoe: Io no toerana ambany indrindra azony naleha, njaly tsy nisy mpiantra izy, irevy teto antany, ary vonona ny ho faty tsy hisy mpitomany! Fa teo indrindra no nisy ilay fiolanana feno fitahiana; misasakalina talohan'ny maraina vaovao. Ankehitriny izy dia nisafidy ny hiverina any amin'ny rainy, tsy toy ny zanaka intsony anefa satria fantany fa tsy izany intsony fifandraisani'zy ireo. Te hody any an-trano izy ary ho isan'ireo karamaina. Rehefa tonga teo izy, dia tsapana fa tsy misy toerana tsara toy ny tao antranony, "Ity trano ity marina! Mety afaka mino ve aho fa tsy mihidy hoahy ny varavarany'ity trano ity, ahoana no ahafahako mifaly amin'ny fananana asa sy toerana kely honenana ato?" Hoy I Ellen White: "Na dia nahonena aza ilay zanaka nania ary tsy

nisy nantenaina ny aminy, ny hany fanantenany dia ny fitiavan'ny rainy. Io fitiavana io no nitarika azy hody tany an-trano. (CSA 12.6)

### **Ilay ray nihoa-pefy**

Matetika isika rehefa miresaka ity tantara ao main'ny Lioka 15: 11-32 ity no milaza ny mikasika ilay zanaka nihoa-pefy. Fa ny teny hoe "nihoa-pefy" dia tsy hita mihitsy ao amin'ny baiboly. Io teny io dia azo apetaka amin'ny rainy satria napetraka amin'ny zanany. Raha araky ny fanazavan'ny "Free online Bible" ( ny baiboly amin'ny teny anglisy ao amin'ny aterinet )ny fototenin'io teny io amin'ny teny latina dia sady azo atao mpamari-toetra no azo atao anarana

- 1) Mpandanilany foana, mpanao zavatra mihoam-pampana: raha io no jerena dia afaka lazaina hoe mandany vola amin'ny fitaovana tsy ilaina akory ny olona izay nihoa-pefy
- 2) Manome ary manome mihoatra, tsara loatra, mihoatra ny tokony ho izy, azonao atao ny mamaritra olona iray mihoatra noho ny tokony ho izy.

Raha raisina ho toy ny anarana ilay teny, ny heviny dia hoe mpandanilany foana mihoa-pampana. Rehefa miresaka ilay zanaka nihoa-pefy isika dia ampia-saintsika amin'ny dikany ratsy ilay teny . Nihoatra ny fefy ilay zanaka tamin'ny fandania-poana izay nataony . Ny teny ao amin'ny soratra masina dia manao hoe: 'nandany ny fananany tamin'ny fiveloman-dratsy.' Ny dikany-teny hafa kosa dia manao hoe: "nandany ny fananany tamin'ny fiainana feno faniasiavana." Izay no hevity ny hoe zanaka nihoatra ny fefy raha ny lafy ratsiny no jerena. Nolani ny tamin'ny tsy misy dikany, lanin'ny rivatra fotsiny ny volany.Tsy mba tomponandraikitra na tamin'inona na tamin'inona izy. Tsy misy dikany ary tsy nitandrina izy nandritry ny androm-piaianany.

Etsy andanin'izay kosa, ilay ray dia nanao fandaniana mihoa-pampana, mihoatra noho ny tokony ho izy. Fa ohatry ny tsy dia ratsy ny zavatra nataony. Toa tsara mihitsy aza. Tsy nitahiry, ary nanao fandaniam-poana mihitsy izy noho ny fitiavany. Nahavariana ny haben'ny fitiavana izay nananany, ny fahasoavana sy ny fanomezana nomeny. Nomeny mihoatra izay nilainy ireo zanany mirahalahy.

Ahoana ary ny hilazàna fa ray nihoa-pefy izy? Nangatahan'ilay zandry taminy ny anjara fananany. Matetika io toe-javatra io dia mitranga sy atao aorian'ny fahafatesana. Kanefa, mbola velona izy dia efa mangataka lova aminy sahady ny zanany. Toy ny milaza hoe: "Dada a, satria efa maty ianao, izay aloha ny fomba fijeriko, dia aleo ho ahy ny anjara fananako." Azonareo an-tsaina ve ny tsy fananan'ity tovolahy ity fihetseham-po? Ho an'ny olona maro dia efa maty Andriamanitra raha mbola mahazo izay iriny ihany izy! Faniratsirana manao ahoana re izany! Toy ny hoe manome tefan-tsofina ilay antsoina hoe ray! "Omeo ahy ny anjara lovako! Omeo ahy 'zao dieny izao!"

Raha amin'izao androntsika ankehitriny izao dia tsy omena tsiny ilay raim-pianakaviana raha hanome tefan-tsofina ity zanaka mpanimbazimba ity! Fa raha izany no tokony hiseho, ity ray ity kosa dia nanome izay nangatahan'ny zanany. Eto ilay ray dia manaporofo ny faharetany, ny fandeferany ary ilay fitiavany lafovidy izay nibahana tanteraka. Taona maro no efa nandalo ary ankehitriny dia betsaka ny zavatra nitranga. Nody tao an-trano ilay zanaka nania, tsy nitondra fanomezana; tsy nitondra vola; tsy niova akanjo; tsy nanana ireo entam-barotra sy fitaovana izay niriny fatratra na ny laza izay notadiaviny. Niverina tao amin'ilay rainy izay niriny ho faty izy ary ny hany nentiny dia lahateny kely nomaniny mba hahazoany ny toerana ambany indrindra ao an-tranon'ny rainy.

Fa inona no fihetsika tsy nampoizina nitranga? Nihevitra izy fa hahazo fandroahana, fahatezerana ary fanalam-baraka izy.

Raha izay no noheveriny, raha mbola tsy afaka niteny ilay lahateny nomaniny akory izy dia hitany ny rainy, nidina ny lalana, tamy hitsena azy. Tsy tezitra akory ny rainy. Nihazakazaka izy hanatona azy, mirana ery ny endriny njery azy. Mialohan'ny ahazoany niteny dianofihinin'ny rainy izy, nanehoany fitia, norohany ny tendany. Raha handeha hanao ny lahateniny izy dia henoy anie ny hiakam-pifaliana, mihoatra ny fefy, fitiavana kanto loatra avy amin'ny rainy e!: "...Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka hampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tanany sy kapa ny tongony; ary ento ety ny zanak'omby nafahy ka vonoy ary aoka isika hihinana sy hifaly; fa ity zanako ityefa maty fa velona indray,efa very fa hita indray..." (and 22-24)

Eto isika dia mahita ny zavatra mihoa-pefy izay nataon'ilay raim-pianakaviana. Fahasoavana lehibe loatra, mihoatra ny tokony ho izy. Ny nataon'ilay zanaka dia tsy mendrika izany rehetra izany ka hoy izy: "Raiko o!efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy mendrika ny hatao hoe zanakao intsony." (and 21). Saingy noho ireo zavatra nataon'ny rainy taminy, ireo teny ireo dia nivadika ho ranomasom-pifaliana. Fantatr'ilay zanaka izao fa tsy nahomby ny tetika nataony. Nisy fomba hafa afaka notanterahina. Tsy tian'ny rainy hatao mpanompo izy. Tsy izay mendrika ho azy no nomena azy. Nirin'ny rainy ny hiverenan'ny zanany! Famerenana amin'ny laoniny tanteraka. Fitiavana mahatalanjona, mihoam-pampana tanteraka avy amin'ilay ray nihoatra ny fefin'ny fitiavana. Fitiavana lafo vidy, fitiavana omena fotsiny! Fitiavana feno fahasoavana sy hatsaram-panahy! Fanekena ny maha izy azy ny tsirairay sady feno famelan-keloka.

Tamin'ny alalan'ny asany no nanaporofoan'ilay ray ny fitiavany. Nafeniny tamin'ny alalan'ny akanjo tsara tarehy ny fahafaham-baraka sy ny fitanjahan-janany, natolony azy ny peratra sy ny kiraro izay mariky ny maha isan'ny fianakaviana

azy. Voaray ho isan'ny fianakaviana indray ilay tovolahy ary mba hanaporofoana izany dia nohajaina tamin'ny alalan'ny fety aman-danonana ny fandraisana azy.

Fanehoana ny toetran'ny raintsika any an-danitra izany rehetra izany. Tsy kapohan'Andriamanitra isika rehefa tokony hahazo izany. Tiany loatra isika ka nomeny ny zanany lahy tokana, Jesôsy Kristy tonga nofo, mba hanehoany ny fatran'ny fitiavany antsika. Tonga i Jesôsy mba ho naman'ireo izay tia milavany, miezaka ny hanalavitra ny tranon-drainy. Tonga teto izy mba haneho miharihary ny fahasoavana sy ny famindrampon'ny ray ary handray antsika ho isan'ny fianakaviana indray. Eo am-pijerena ny hazo fijaliana no hahitantsika ny halavan'ny fitiavana mihoa-pampana izay nalehan'Andriamanitra mba hahafahany mampiditra antsika indray ho isan'ny fianakaviana. Mety ho tsy nandao ny trano isika. Mety ho niaraka teo amin'ny fianakaviana hatrany ianao ara-batana ary nandray anjara tamin'ny zava-drehetra, saingy nisy fotoana mety ho kivy isika. Hoanao ihany koa no anoloran'ny ray ilay fitiavany lafovidy.

#### **Ilay zanaka very tao an-trano ihany (Lioka 15: 25- 30)**

"Fa tany an-tsaha ny zanany lahy matoa; ary nony nody izy ka tonga tao an-trano dia nandre zava-maneno sy dihy. Ary niantso ankizy lahy anankiray izy ka nanontany azy izay anton'izany zavatra izany. Ary hoy ilay ankizy lahy taminy, tong any rahalahinao ka namono zanak'omby nafahy ny rainao satria tafaverina soaman-tsara ato aminy izy. Dia tezitra izy ka tsy nety niditra. Ary nivoaka ny rainy ka nampandroso azy . Fa izy namaly ka nanao tamin-drainy hoe: indro izay ela izay aho no efa nanompo anao ka tsy mbola nandika ny didinao na dia mbola indray mandeha akory aza nef a izaho dia mbola tsy nomenao na dia zanak'osy aza mba hifaliako amin'ny sakaizako. Fa raha vao tonga kosa io zanakao io izay efa nandany ny fanananao

tamin'ny vehivavy janga dia efa namono ho azy zanak'omby nafahy ianao."

Raha mbola nifaly ny rainy sy ny mpanompony ary nankalaza ny nodian'ilay zanaka nania, ilay zanaka tao an-trano kosa nalahelo tsy nety nandray anjara tamin'ilay fety. Fanahiniany no nilazany hoe "zanakao" satria tsy neken'ny sainy hoe manana rahalahy hafa izy. Ny fialonana, ny fihazonana ny zavatra aramaterialy no nanamaizina ny fifaliany satria tsy niray fo tamin'ny rainy izy. Tsy nihaino na inona na inona izy ary nanamafy ny fony. Nihoam-pampana ny fihetsehampony ary tsy nanana fifandraisana ara-panahy izy. Kivy izy raha niverina ny rahalahiny. Ny fanehoany ny tsy fankasitrahany sy ny alahelony dia nihoapampana aok'izany. Izy no ilay zanaka nihoa-pefy tao an-trano na ilay zaza very tao an-trano. Tena mampalahelo fa ny ankamaroantsika dia miaina ao an-tranon'ny ray kanefa izy ireo dia mangetana ara-panahy, mahatsiaro maharary, diso fanantenana, ary iharan'ireo loza ara-piaraha-monina. Mety hahatsiaro tena ho afa-baraka, tsy hinoan-teny, ary tsy raharahiana. Tsy mahita antony na inona na inona hifaliana mihitsy. Mitsetra ny tenany ary mety ho voatarika handao ny tokantrano indrindra moa raha raha mijery ny zavatra toa manintonia miandry azy any ivelany.

Dia nanatona azy tao an-trano ny rainy, onena izy, niangavy azy izy ary nanasa azy ka nanao hoe: "Anaka, ianao efa teto foana hatramin'izay, izay rehetra ahy dia anao avokoa. Mety raha mifaly isika satria io rahalahinao io dia efa maty, fa velona indray ary hita indray. Ellen White dia nanambara hoe: " Tsy niray saina tamin'ny rainy ity lahimatoa ity tamin'ny fanahiana sy ny fitadiavana ilay very. Noho izany dia tsy faly toa an-drainy mihitsy izy rehefa niverina ilay zanaka... Nasehony mazava fa niasa toy ny mpanompo izy hatramin'izay fatsy toy ny zanaka. Raha tokony ho faly noho ny mbola maha eo ny rainy izy, ny nanahirana ny lohany dia ny tombom-barotra

izay tokony ho azony eo amin'ny fiainana.Ny teny izay nolazainy dia manamafy fa noho io faniriana ahazo tombom-barotra io no nahatonga azy nanalavitra ny fahotana." (COL 207.3). Liana sy maniry ny hifandray ety dia ety amintsika Andriamanitra, mihoatra noho ny fanandramana ivelambelany sy ara-pihetseham-po fotsiny izay vokatry ny fisian'ny ronono sy ny tantely, ny lèlana volamena ary ny trano.

### **Ilay firavoravoam-pifaliana (Lioka 15:32)**

"Fa mety ny mifaly sy ny miravoravo, fa ity rahalahinao ity, efa maty fa velona indray, efa very fa hita indray"(and 32). Ny tena marina, ilay ray nihoa-pefy dia nilaza tamin'ilay zanaka tao an-trano hoe, "... tsy maintsy nifety sy nifaly isika androany, satria ity rahalahinao ity dia efa maty, ary efa nanomboka niaina fiainana vaovao indray, efa fa very kanefa hita indray".

Fifaliana re izao! Firavoravoana sy fankalazana! Hitantsika eto ary izany fa rehefa misy olona iray manatona an'i Jesôsy, ny mambra rehetra dia tokony hiara-hifaly sy hanao fety araka izany voambolana izany mihitsy. Ny batisa dia tokony homanina mialoha mihitsy ary atao izay hahasarika ny sain'ny mambra rehetra. Ny batisa dia tsy tokony hatao ho toy ny raharaha manjombona ka olona iray na roa no tonga manatrika eo, raha tsy hoe noho ny tsy azo anoharana angaha. Tokony hamono ondry nafahy mihitsy isika. Tokony hifaly isika ao am-piangonana, hitotorebika eto an-tany satria niverina teo amin'ny Tompo ny iray. Tokony ho tonga ao amin'io fety io amin'ny endrika mitovy isika, manao zavatra mihoapampana, lehibe loatra, kanto, tsy misy fanahiana, miaraka amin'ny fitiavana lafo vidin'ilay ray nihoa-pefy. Ao an-danitra ihany koa dia hisy firavoravoana ary mbola hitohy izany; koa andeha ary atombontsika ny firavoravoam-pifaliana! Tokony hiara-misakafo maraina arahina fiaraha-mivavaka isika, hanao asa sosialy sy hanao fandraisana mitalakotrokotroka ireo izay vao tonga.

Ilay raintsika nihoa-pefy dia manolotra hani-py hoan'izay nijanona tao an-trano sy ho an'izay nody avy lavitra, afaka manararaotra izany isika ety sy any an-danitra. Ny firavoravoana izay ataontsika eto dia andrana ihany raha oharina amin'ny firavoravoana lehibe izay miandry antsika any an-danitra. Ilay raintsika nihoa-pefy dia efa nanomana trano fonenana ho antsika. Ny fiainana mandrakizay no natokany sy atolony hoantsika. Mihoatra ny tokony ho izy izany, be loatra ary feno voninahitra- izay no azo ilazana azy! Toy izany mihitsy ilay raintsika any an-danitra ... Mbola tsy hitantsika hatramin'izay izany hoe andro tsara sy mahafinaritra izany!

Kely sisa- dia handefa an'i Jesôsy izy:

- Ilay Jesôsy izay nandao ny voninahitra ka tonga tety hihaona amintsika, dia ho avy indray mba hifankahita amintsika eny amin'ny habakabaka.
- Jesôsy, ilay ho avy miaraka amin'ny anjeliny
- Jesôsy , ilay ho avy toy ny liona handrombaka antsika tsy ho azon'ny fangejan'ny fahafinaretana atolotry ny fahavalo.
- Jesôsy, ilay hitondra antsika any amin'ny firavoravoan'ny lanitra any amin'ny fanjakany!

Hiverina aminy ve ianao ankehitriny?

Antso sy vavaka

Hira: Antso malefaka feno fitia

Tso-drano

Boky nilan-kevitra

Baiboly

Jamieson, R., Fausset, A. R., & Brown, D. (1997). *Commentary*

*Critical and Explanatory on the Whole Bible* (Lk 15:12). Oak Harbor, WA: Logos Research Systems, Inc.

Marshall, I. H. (1978). *The Gospel of Luke: A commentary on the Greek text*. New International Greek Testament Commentary (820). Exeter: Paternoster Press..

White, E. G. (2002). *A Call To Stand Apart*. Hagerstown, MD: Review and Herald Publishing Association.

White, E. G. (1900). *Christ's Object Lessons*. Review and Herald Publishing Association.

## **Hazony i Jesôsy**

### **Fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra**

- 1) Inona avy ireo fahasamihafana nisy teo amin' ilay zanaka very tao an-trano sy ilay zanaka very tany lavitra tany?
- 2) Milazà toetran' ny mambran' ny fiangonana mety hamporisika ny tanora hiala ny fiangonana.
- 3) Azavao ny fomba mety ho azon' ny tanora atao mba hiarovany ny tenany tsy ho tratran' ireo zava-dratsy avy amin' ny fiangonana ka mba hahafahany maharitra ao amin' ny finoana.
- 4) Inona no toetra tena mampiavaka ilay ray nihoatra ny fefy ka nahatonga ilay akany hahasrika indray?
- 5) Zarao ny fanandramana niaiananao manokana izay nitarika anao handao ny tokantrano ( ny fiangonana), inona no nataonao hioarana izany mba hijanonana ao amin' ny finoana?

**Lohahevitra:**

**Fitakiana**

**Talata**

**24 Martsa 2015**

**Hevitra asongadina: Ny tanora sy ny fenitra ara-moraly**

**Lohateny:**

**Irery eo amin'ny fanatrehany**

**Toko sy andininy**

**Jaona 8:1-11**

**Hira hanombohana ny fotoana: Fotoam-bolamena tokoa**

### **Fampidirana**

Nanana filana lehibe tamin'ireo zava-pisotro misy alikaola izy, fifohana ireo rehetra azo fohana, ary nankaf y ireo zavatra rehetra mahamoafady. Niaina fiainana feno tsy firaharahiana izy. Indraindray ihany izy vao mba nanana fitondrantena madio na tsy anaty fahamamoana angaha . Nisy zatovovavy anankiroa mambra mazoto tao amina vondrom-bavaka ao amin'ny fiangonana misy azy ireo, nikendry manokana ity tovolahy ity. Naniry ny ahita fiovana eo amin'ny fomba fianan'ity tovolahy ity izy ireo ary sitrak'izy ireo ny mba ihainan'ity tovolahy ity fiainana sambatra ao anatin'ny fanantenana ny fihavian'i Kristy fanindroany. Nitsidika azy izy roa vavy tamin'ny iray amin'ireny fotoana vitsy tsy nahamamo azy ireny ary nanomboka niresa momba ny fitiavana. Nihaliana ity tovolahy ity ary nangataka azy ireo ny mba iverenany hanohizana ilay resadresaka. Nanome toky azy ireo izy fa tsy ho mamo amin'io fitsidihana manaraka io. Nitohy ireo fitsidihana sy ireo fifanakalozan-kevitra; taty aoriania dia nanjary niresa momba ny fitiavan'Andriamanitra izy ireo. Nanomboka nianatra ny Baiboly niaraka taminy izy ireo mandrapaha- tongan'ny fotoana izay nandehanan'ity tovolahy ity tany am-piangonana. Nihena mihandàlana ny fifohany, ny fisotroany alikaola, sy ny fitiavany zavatra namoafady ary

farany dia foana mihitsy.. Nanomboka niraiki-pitia tamin'i Jesôsy sy ny fiangonana izay namolavolany finamanana izy ary lasa mpandray anjara mavitrika tamin'ireo asam-piangonana.. Farany dia nangataka ny ho atao batisa i Noely ary nentin'ny Pasitora tao amin'ny komitin'ny fiangonana ny anarany ho ekena.Nitsipaka ny hanaovana batisa azy ilay rahavavy Lovington, izay andry matanjak'ity fiangonana ity satria nihevitra izy fa tsy mbola niova fo ity tovolahy ity ary aingana loatra ny fanaovana batisa azy noho izany.

Na izany ary, dia nifidy ny hanaiky ny batisany ny ankabeazan'ny komity ary nanao batisa azy ny Pasitoran'ny fiangonana.

Indray hariva, herin'andro vitsivitsy taorian'ny nanaovana batisa an'i Noely, i rahavavy Lovington izay mipetraka tsy alavitry ny toeram-pandihizana, dia nahatsikaritra ny fiaran'ity tovolahy ity teo akaikin'ny fidirana ho ao amin'ilay toeram-pandihizana. Ntily teo farany izay ela indrindra tratrany izy mba ahita ny ora mety ialan'i Noely tao amin'ilay toerana.. Mazava ho azy fa tsy nisy fotoana na iray aza nahitany an'i Noely nandritra ny fotoana nijanonany mba hijery teo. Ary tsy hitany ihany koa hoe tamin'ny firy ilay fiara no niala teo. Ny andro manaraka dia niantso ny Pasitora sy ny mambra sasany tao am-piangonana ity rahavavy ity mba hiteny azy ireo fa tsy nomen'ny komity lanja ny heviny momba an'i Noely ka nataon'Andriamanitra ho vavolombelona mihitsy izy nahitany fa nandany efa ho alina iray tao amin'ilay toeram-pandihizana apitan'ny tranony i Noely. Nohamafisiny fa tsy vonona tamin'ny batisa i Noely ary tokony hanitsy azy ny fiangonana noho ny fomba fiainany mitohy tsy miova izay tsy maneho ny filazantsara sy tsy maneho ny fiangonana. Rehefa voaantso tao amin'ny komity i Noely, dia nilaza i rahavavy Lovington fa ilay anadahy mambra vao vita batisa vao aingana dia nandany ora maro tao amin'ny toeram-pandihizana ary

porofon'izany ny fiarany nanoloana teo. Tamin'ny fahatairana no nametrahan'i Noely fanontaniana an'ilay rahavavy izay nananany fanajana sy nankafiziny manokana tao am-piagonana hoe: "Moa hitanao tao amin'ilay trano fandihizana aho?". Namaly ity farany hoe "Tsia, fa ny fiaranao no teo". Ny alina manarak'io, dia nandeha i Noely ka napetrany teo amin'ny vavahady manoloana ny tranon'i rahavavy Lovington ny fiarany.Ny zava-nitranga dia izao: nisy olana ara-mekanika ny fiarany ary tsy afaka nentina, izany no antony nijanonan'ity fiara ity teo akaikin'ny toeram-pandihizana.

Jaona 8:1-11,"fa Jesôsy kosa nankany an-tendrombohitra Oliva. Ary nony maraina koa dia nankeo an-kianjan'ny tempoly indray Jesôsy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, dia nipetraka Izy ka nampianatra azy. Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ; ary rehefa napetrany teo afovoany izy , dia hoy ireo taminy : Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tànana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotorahambato izay vehivavy manao toy izany ; fa ahoana kosa hoy Hianao ? Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesôsy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe : Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin'ny zokinjokiny ka hatramin'ny zandrindriny ; ary Jesôsy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo. Ary rehefa nitraka Jesôsy, dia hoy Izy taminy ; Rahavehivavy, aiza ireny ? Tsy nisy nanameloka anao va ? Ary hoy izy : Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesôsy :Izaho koa dia tsy manameloka ; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony.""

Ny tsindry hazo lena sy ny tsy fitiavana izay atrehan'ny maro amin'ny tanoran'ny fiangonana dia vokatry ny hevitra tsy voatery ho marina mahakasika fitondran-tena sy ny fihetsik'izy ireo. Mitoetra ao am-piangonana ihany ny sasany arahin'ireny fangidiana ireny fa ny sasany kosa mandoao ny fiangonana ary manara-dia an'i Kristy avy eny lavitra. Sarotra ho an'ny sasany ny mahatsapa ny fifangaroana amin'ny fitiavana, ny rariny, ary ny famindram-po avy amin'ireo izay tokony haneho toe-tsaina mpanavotra sy manompo amin'ny maha mpanohana ara-panahy, mpanoro sy mpitari-dalana. Ity tantara izay tantarain'ny Apostoly Jaona ity dia misy lesona lehibe ho an'ny tanora sy olon-dehibe ary indrindra ireo mpitarika Kristiana izay miaina amin'izao vanim-potoana moderina izao,. Tiako isika raha hampifantoka ny fijerintsika ao amin'ireto mpandray anjara fototra telo ato amin'ity tantaran'ny Baiboly ity ireto : a) ilay mpiampanga, b) ilay vehivavy voapanga, ary d) Jesôsy ilay Mpitsara lehibe. Maneho tombam-bidy tsy azo refesina ho an'ny Kristiana rehetra, tsy voafetran'ny taona ny fihetsika nasehon'ilay mpiampanga sy ny fara tenin'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy voampanga . Tsy maintsy mandoao zavatra any aorianatsika isika ary mijoro irery eo amin'ny fanatrehan'i Jesôsy, satria eo ary eo ihany no ahitantsika famonjena sy fanantenana ho an'ny fiainana mandrakizay.

### **Ireo mpiampanga**

Ny Soratra Masina dia maneho ny mpiampanga an'ilay vehivavy ho ireo mpanora-dalàna sy Fariseo.. Izy ireo no fantatra ho mpanazava ny lalàn'i Mosesy. Izy ireo no mpitarika ny filankevity ny fitsarana tamin'izany andro. Nihevitra ny tenany ho ambonin'ny rehetra izy ireo teo amin'ny lafiny ara-panahy ary tamin'ny fihazonana ny fenitra ara-moraly. Nataony ho toy ny mpanamafy ny lalàn'i Mosesy ny andraikiny. Nahenika ny saha lehibe ny radara na fomba fiambenana nampiasain'izy ireo ka vitsy no tsy sendran'izany. Izy ireo no niantso ny Apostôly

Paoly tamin'ny filan-kevitry ny fitsarana, ary nanameloka azy ho : a) mpitondra fampianarana manohitra ny lalàna, b) mitondra ny jentilisa ao amin'ny tempoly, d) mandoto ny tempoly, e) mpitondra fikorontanana ary f) mpitarika ny antoko sektan'ny Nazarena (Asa 21:28;24:5,6) /Nampahatsiahy azy ireo ny Apostôly Paoly hoe: "Ry rahalahy, izaho dia Fariseo, zanaky ny Fariseo ; ny amin'ny fanantenana sy ny fitsanganan'ny maty no itsarana ahy." (Asa 23:6) .

Rehefa nanao batisa i Jaona dia tao ireo izay naniry ny ho atao batisa ihany koa noho ny antony tsy fantatra, hany ka nanandra-peo i Jaona mpanao batisa hoe, "Ry taranaky ny menarana, iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy ?" (Mat 3:7) Tamin'ny iray tamin'ireo fotoana nampianarany, dia izao no nolazain'i Jesôsy tamin'ireo mpihaino azy, "Fa lazaiko aminareo : Raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo" (Mat 5:20) Rehefa nankany an-tranon'i Matio ilay mpamory hetra i Jesôsy, ary raha nipetraka nihinana tao an-trano Izy, indreo, nisy mpanota sy mpamory hetra maro tonga ka niara-nipetraka tamin' i Jesôsy mbamin'ny mpianany. Ary ny Fariseo, raha nahita izany, dia niteny tamin'ny mpianatra hoe : "Nahoana kosa ny Mpampianatra anareo no miara-komana amin'ny mpamory hetra sy ny mpanota ?" (Mat 9:11) .

Toa tena mpanara-dalàna tokoa ireo fariseo ireo tamin'ny andro iray nanatonan'izy ireo an'i Jesôsy ihany koa ireo ka nanontany hoe "Nahoana izahay sy ny Fariseo no mifady hanina matetika, fa ny mpianatralo kosa tsy mba mifady ?" (Mat 9:14)

Sahin'izy ireo ny nilaza fa nisy demonia i Jesôsy ary mampiasa ny herin'ny demonia mba hamoahany demonia (Mat 9:34) .Ankoatra

izay dia mbola tsy neken'izy ireo indray ny nanasitran'i Jesôsy marary tamin'ny andro Sabata (Mat 12:10). Toa niseho nanan-kambara sy tanteraka loatra ny Mpanora-dalàna sy ny Fariseo ka nampiantso fivoriana izy ireo hiaraha-misaina izay ahafaty an'i Jesôsy (Mat 12:14). Nakaton'izy ireo ny varavarany fanjakana ho an'ireo izay noheveriny fa tsy manara-dalàna. Eo ambanin'ny fitantanany tsinona, dia tsy misy toerana ho an'ny fahadisoana sy indrokely. Tsy misy afa-tsy ny fahatanerahana ihany no ahafahana ho anisan'ny mambran'ity komity ara-panahy ity ary ny famelan-keloka sy ny fanekena dia tsy ao anatin'ny safidy velively. Ireto karazan'olona ireto no nitondra an'ilay vehivavy noampangaina teo amin'i Jesôsy niaraka tamin'ireto fanamelohana sy ny faharesen-dahatra ary fomba famonoana an-kolaka manaraka ireto : "...ity vehivavy ity azo olan-tànana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany; fa ahoana kosa hoy Hianao ?" (Jao 8:4,5). Efa voapanga ve ianao ? Efa tojo anao ve izany hoe difotry ny diabe mahakristianina anao izany? Tataovan'ny olana sy fahasarotana eo amin'ny fiainanao manokana sy fiainana maha-kristianina ve ianao ?, miantsy anao ve ireo fakam-panahy, manao tsindrihazolena sy manana hevitra hafa momba anao ve ny hafa ? Nihasarotra ve ny dia amin'ny maha-kristianina anao ? Moa ve ny fiainanao amin'ny ankabopeny sy ny fanandramana kristianina anananao manokana mizotra amin'ny lâlan-diso ? Ahoana indray ny mahakasika ny safidin'asanao, moa ve mainka manosika ireo mpiampanga anao hamorona hery hiampangana anao izany? Ahoana indray ny momba ny fiaraha-monina misy anao, miara-miasa amin'ny fiampangana anao ve izany ? Fantaro fa tsara sakaiza ianao raha voampanga tamin'ny tsy marina sy ny tsy rariny . Fa tsy maintsy mitandrina ihany koa isika, satria mora ny hahavoampanga antsika ary mora ihany koa ny tsy hahatsiarovantsika fa isika ihany koa dia mety ho mpiampanga ny hafa. Tsy maintsy mitandrina isika mba tsy anao amin'ny

hafa ny zavatra tsy tiantsika ho atao amintsika. Izao no nambaran'ny Fanahin'ny Faminaniana : "Ireo tena meloka amin'ny diso no mahita ny diso voalohany; noho izany, aoka ny mambran'ny fiangonana rehetra ahazo antoka fa madio eo anoloan'Andriamanitra ny fony manokana, aoka ny anaran'ny tsirairay tsy ho ao anatin'ny bokim-piangonana ihany, fa ho voarakitra ao anatin'ny bokin'ny fiainan'ny Zanak'ondry. Amin'izay dia tsy ho mpitsara ny rahalahiny izy, tsy ho mpanambany ireo izay everiny ho manan-kilema izy" (RH 10 Janoary, 1893, paragrafy 7).

### **Ilay vehivavy voampanga**

Miezaka ny hanakona ny maha-izy azy ity vehivavy voampanga ity i Jaona eo am-pilazana ny tantarany. Tsy nolazainy ny anarany, ary ireo mpiampanga ihany koa tsy niteny firy ankoatran'ny hoe azo olan-tànana mijangajanga. Ary araka ny lalàn'i Mosesy voarakitra ao amin'ny Levitikosy 20:10, "Ary ny lehilahy mijangajanga amin'ny vadin'olona, dia izay mijangajanga amin'ny vadin'ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy." Eto amin'ity tranga ity, dia tsy misy na inona na inona nambara momba ilay lehilahy. Taiza ilay lehilahy ? Fa nahoana no ilay vehivavy ihany no nentina teo amin'ny fitsarana ?

Ny lalàn'i Mosesy dia nanoro fomba famonoana ny lehilahy sy ny vehivavy izay mijangajanga "Raha misy hita ao aminao ao antanànanao izay omen'i Jehovah Andriamanitraq anao, na lehilahy na vehivavy manao izay ratsy eo imason'i Jehovah Andriamanitraq ka mivadika ny fanekeny .... Ka voalaza aminao izany, ary efa renao, dia diniho tsara, ka indro, raha nisy marina tokoa izany zavatra izany, ka natao teo amin'ny Israely izany fahavetavetana izany : dia avoahy ho eo am-bavahadinao izay lehilahy na vehivavy efa nanao izany zava-dratsy izany,

ka torahy vato ho faty. Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hamonoana izay tokony ho faty ; fa ny tenin'ny vavolombelona iray monja dia tsy hahafaty azy. Ny tangan'ny vavolombelona no ho voalohany hamono azy, dia vao ny tangan'ny vahoaka rehetra ; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy" (Deo 17:2-7) Manambara mikasika ny fampiharana ny fitsipika amin'ny fotoana ahitana tsy firaharahiana mivantana ireo fenitra ara-moraly ny Tenin'Andriamanitra. Na izany aza dia mazava ny ambaran'ny Soratra Masina, fa ny fitsipika toy izany dia tsy maintsy ampiharina ao anatin'ny mangarahara. Tsy maintsy misy fikarohana mifanarakaka tsara, mba tsy ho raisina tsy araka ny zava-miseho ihany ny fanapahan-kevitra ary ireo voakasika rehetra dia tokony ho ao amin'ny fitsarana avokoa. Tsy tokony hisy ankolafy amin'ny fametrahana ny fahamarinana. Ny Mpanora-dalàna sy ny Fariseo dia sady tsy mandinika lalina no mitanila teo amin'ny fitondrany. Tsy mahitsy izy ireo, miandany sy notarihin'ny ratsy, mankahala ary manao lolom-po. Nampametra-panontaniana ny fifandraisan'izy ireo tamin'Andriamanitra ary raha toa ka ny hanandratra ny fenetry ny fahitsiana sy ny fahamarinana no tokony ho nataony, dia ny nikasa ny anome fahafaham-po ny tombontsoan-dratsiny no nataony. Manana ny anjara toerany eo amin'ny fampiharana ny rariny sy ny hitsiny hatrany i Jesôsy. Misy foana toerana hametrahana ny torohevitra masina ary izany no mahatonga ny fomba fiadin'i Jesôsy amin'ny seho toy izao ho faka tahaka.

### **Jesôsy Ilay Mpitsara fara-tampony**

".... Fa Jesôsy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tanany. Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe : Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Tsara ny manamarika fa i Jesôsy no Ilay Mpitsara Lehibe dia tsy nilaza velively fa tsy

tokony ho ampiharina ny lalàna . Tsy nandà ny fangatahan'izy ireo i Jesôsy. Tiany fotsiny izy ireo mba handini-tena mialoha ny fametrahana izay noheverin'izy ireo fa fitsarana marina. Maro no nieritreritra ny. Hoy Ellen White, "Tsy nanam-paharetana sy tsy tony ireo mpiampanga ka nanatona akaikikaiky kokoa.Raha nanaraka ny mason'i Jesôsy izay nijery ambany tamin'ny tongony izy ireo, dia niova ny soritavany. Teo no nibaribary teo anoloany, ireo fahamelohana miafina teo amin'ny fiainany (DA 461.2). Ny fanoratana tamin'ny tany, dia nanomezana fotoana ny tsirairay handinihan-tena..

Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe : Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Ity dia ohatra mivantana avy ao amin'ny Deotoronomia 13:10 ; 17:7 (vakio Lev 24:14) - ny vavolombelon'ilay asa ratsy no mitora-bato voalohany, ary tsy maintsy olona tsy nandray anjara tamin'ilay asa ratsy izy. Hoy i Ellen White hoe, "nijoro manoloana an'i Jesôsy ilay vehivavy, rakotry ny tahotra. Ny Teniny hoe, izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy voalohany," dia tonga tao aminy toy ny fanamelohana ho faty. Tsy sahy nanandratra ny masonry hijery ny tavan'Ilay Mpamony izy, fa tamim-pahanginana no niandrasany ny setrin'ny nataony. Hita mazava eto fa tsy nitovy tamin'ireo mpitarika fivavahana sy Fariseo sasany tamin'ny fotoan'androny i Jesôsy. Naneho fahaizana mandray fanapahan-kevitra Izy, izay nampiharihary ny tsy fahamelohan'ilay vehivavy ary tsy ny azy ihany fa ny an'ireo mpiampanga azy ihany koa. Teo no nanehoany tamin'izy ireo fa meloka toa an'ilay vehivavy ihany koa izy ireo, ary ny faharesen-dahatr'ity vehivavy ity fa mendrika izany fanamelohana izany izy, dia toy izany ihany koa, meloka ny amin'ny zavatra iray. Raha toa ka nitora-bato no tokony natao, dia mainka naneho fangorahana, famelan-keloka, fitiavana,

fahasoavana, famindram-po, fahemem-panahy ary fanekena. Azonao atao ve ny sasany amin'izany amin'izao fotoana izao?

### **Ny fihetsik'ilay mpiampanga**

Jao 8:9 dia mivaky toy izao "Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin'ny zokinjokiny ka hatramin'ny zandrinjandriny ; ary Jesôsy ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo." Maro no mino fa "resy lahetry ny feon'ny fieritreretany" ireto mpiampanga ireto ary manamarina izany ny fialàny teo tam-pahagagàna. Tonga niaraka tamin'izay nanosika azy izy ireo mba hanalabaraka an'i Jesôsy tamin'ny alalan'ity vehivavy ity. Na izany aza dia nody maina tamin-kenatra izy ireo, ary tavela irery teo amin'ny fanatrehan'i Jesôsy ilay vehivavy!

Eto no ahatogavan'ny fotoana izay tsy maintsy handaozan'ny tanora , ny ankizy ary ny lehibe izay any aorinany ka hiarahany amin' i Jesôsy. Izao ankehitriny izao izany fotoana izany. Nandao ilay vehivavy tany aoriany ireo mpiampanga. Samy Namonjy ny fonenany izy ireo. Niova fo ve izy ireo tamin'ny niala teo? Tsy fantantsika. Angamba ny sasany niova fo. Tsy ny rehetra izay nitsoaka ilay fiampangana no niova fo. Ny sasany dia niala teo nefa nihazona ny heviny ihany. Teo am-pandaozana ilay vehivavy tany aoriane, dia tonga saina ny sasany fa fotoanany izao. Tsy mikasika ilay vehivavy ihany izany fa momba azy ireo ihany koa.

Ity herin'andro fiaraha-mivavaka ity dia fotoana hibanjinantsika sy anaovantsika izany fandinihin-tena izany. Izao dia natao tsy hifantohantsika loatra amin'ireo izay miampanga antsika, fa mba hamantarantsika raha marina na diso

ny fiampangana antsika Rariny sa tsia ? Is it wrong or right? Manome rariny ireny fiampangana ireny ve aho ? Raha marina ilay izy, inona no ho atao? Raha diso ilay izy, inona no ho atao? Tokony mihevitra izany ilay voapanga. Ilay mpiampanga ihany koa dia mila mandinika izany.. Fotoana fandinihan-tena izao. Tsy tokony manan-danja mihoatra ny fifandraisantsika amin'i Jesôsy ny fifandraisantsika amin'ny hafa ! Inona no nataon'ilay vehivavy nanoloana ny fanamelohana azy rehefa nitodi-doha hody ireo mpiampanga azy ireo ? Nijoro irery teo amin'ny fanatrehan'i Jesôsy izy ! Tena fanandramana manokana sy feno fanetren-tena mihitsy ho azy ny nitsangana irery teo amin'i Jesôsy.. Indro fa niala ilay geja nifehy azy, ary indro izy nijoro irery teo!

### **Mijoro irery miaraka amin'i Jesôsy**

Notarihan'i Jesôsy ny resaka rehefa nijoro irery niaraka tamin'ilay vehivavy teo Izzy. Ny teny hoe "Ravehivavy" nanombohany ny resaka dia tena feno fanajana sy fahalalam-pomba tamin'izany andro izany. Tsy nanontany azy Izzy raha meloka izy. Efa fantany izay niseho. Nanamfy izany ny teny farany nataony ao amin'ny andininy faha 11. Ny fanontaniany taminy dia ny hoe : "Tsy nisy nanameloka anao va ?" Ary hoy izy : "Tsy misy, Tompoko" (Gk. Kyrie), izay nidika hoe : "Tsy nisy na iray aza Tompoko". Tamin'izay fotoana izay no namalian'i Jesôsy ny fanontaniana voalohany napetraka taminy.

Na teo aza ny fitakian'ny lalàn'i Mosesy dia hoy i Jesôsy tamin'ity indray mitoraka ity, "Izaho koa tsy manameloka anao." Hoy Ellen White, "Talanjona ilay vehivavy nahita ireo mpiampanga azy niala teo tsy nahaloa-peo sy sadaikatra ; ary indreo teny feno fanantenana no henon'ny sofiny : "Izaho koa tsy manameloka anao, mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony." Tohina ny fony, ary niantsampy tamin'ny

tongotr'i Jesôsy izy, namboraka teo ny fitiavana feno fankasitrahana, niaraka tamin'ny ranomason'ny fiaiken-keloka" (DA 462). Ny fahatokiana sy ny fahatanterahan'ny tenin'i Jesôsy dia tsy mampahatsiahys fotsiny fa tsy tonga mba hanameloka i Jesôsy fa hamonjy (3:17;12:47), fa manosika antsika hahatsiaro ny andraikitra lehibe tànan'i Jesôsy, toa an'Andriamanitra Izzy tenany mihitsy, Ilay Marina afaka mamela heloka (Mat 9:1-8). Ny fahadiovana amin'ny hoavy no valin'ny fahasaoavana raisina avy amin'ny heloka natao tamin'ny lasa dia . Azonao atao ny mamela heloka, ny mamela ny fanamelohana , ny mamela ireo izay mpanameloka, ary ny mamela eny fa na ny tsi-fahamelohana aza. Mamelà !

Ry tanora isany, mijoroa eo ambany fanatrehan'i Jesôsy. Tsy ao anatin'ny vahoaka no ahitana famonjena fa ao amin'ilay fifandraisana mivantana izay ahitanao resaka ifanaovana mivantana tsy misy mpitsikera. Ianao sy i Jesôsy irery ihany ! Izany no ilain'ny rehetra amintsika, ilay fifanatrehana amin'ny Jesôsy Mpamontsika,Mesia sy Mpanavotra. Ahoana ny hoe mijoro irery miaraka Aminy ? Amin'ny fitadiavana fotoana anaovana vavaka manokana, amin'ny fandaniana fotoana hamakiana sy ianarana ny Teniny, toy izany koa ny Fanahin'ny Faminaniana sy ny fitaovana hafa manita-tsaina.. Amin'ny fakana fotoana ifantohana Aminy ary ny fijoroana vavolombelona tsy tapaka ny fahasaoavany mamonjy eo amin'ny fiainanao.

### **Ireo teny farany nolazain'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy**

Izao no teny farany nolazain'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy raha nijoro irery teo anatrehany izy: "Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony ( andininy 11). Mampatsiahys antsika ny fanandraman'i Josefa izany. Namidin'ny rahalahiny ho andevo tamin'ny egyptiana izy noho ny fankahalana, fialonana ary tsy fitiavana. Nitondra

voka-tsoa ho azy nefy ny fahatokiany an' Andriamanitra izay niseho tamin'ny alalan'ny fanokanany fotoana manokana miaraka amin'ny Tompo. Na dia latsaka an- davaka aza izy, na dia namidy sy natao toy ny biby, nampitahorina sy nalaina fanahy, nalefa tany am-ponja dia lasa governoran'ny Egypta nony farany. Talanjona ny rahalahiny izay voatery nanatona azy noho ny zava-nisy. Tena nanenina tokoa izy ireo noho ny ratsy nataony ary nitolagaga izy ireo nahita ny fahefany. Izao no nolazain'i Josefa azy ireo: "Hianareo no nisaina hanisy ratsy ahy; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin'izao anio izao, hamelona olona betsaka." ( Gen. 50.20);

Nentin'ireo mpiampanga teo amin'i Jesôsy ilay vehivavy. Nisaina hanisy ratsy azy izy ireo, saingy vao mainka nivadika ho tombontsoa ary izany satria nahafahany nijanona irery niaraka tamin'i Jesôsy. Ny didim-pitsarana navoakan'i Jesôsy nanao hoe " izaho koa tsy manameloka anao" dia tsy noraaisina ho toy ny famotsoran-keloka na tsy fanamelohana. Didim-pitsarana nitarika azy hiova tokoa izany: aza manota intsony. Tsy fanomezana rariny ny ota akory ny asa fanahafahana ataon'i Jesôsy. Nazava ny teniny: " mandehana ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony". Mitaky ny fiovan'ny fiainana sy ny fialana amin'ny ota hatrany ny fiarahana amin'i Jesôsy. Nampitandremana tsy hanota intsony ihany koa ilay paralysisa tao amin'ny Jaona 5.14, saingy amin'ity tantara ity dia hita ilay lehilahy fa nifanehitra tamin'ny vokatry ny tsy firaharahiana tsy nahy io fampitandremana io. Tsy hoe ataon'i Jesôsy ambanin-javatra ny ota fa omena tombontsoa hanomboka fiainam-baovao ireo mpanota.

Ry tanora, moa hanaiky izany tombontsoa izany ve ianao izaho ankehitriny izao ka handray ny fanapahan-kevitra hanomboka fiainam-baovao hiaraka amin'i Jesôsy? Tsy hiampanga ny tany manontolo no nandefasan' Andriamanitra ny zanany teto fa ny

hamonjy an'izao tontolo izao amin'ny alalany ( Jao 3:17). Moa hanaiky azy va ianao ianao izao? Vonona ny hivoady ny ho irery hiaraka amin'i Jesôsy ve ianao? Tsy ho ela Izy dia ho avy ho an'ireo izay nivoady. Tsy ny tany manontolo no ho voavonjy fa izay rehetra misafidy izany. Natao ho an'ny tanora ihany koa ny famonjena. Fotoana handraisanao ny famonjena izay fanomezana tsy vidiam-bola avy amin'Andriamanitra izao, ary fotoana handraisanao an'i Jesôsy ho mpamonjy anao.

### **Antso sy vavaka**

**Hira famaranana**      Nandao anao ela aho Raiko ô

### **Tso-drano**

### **Boky nilan-kevitra**

Baiboly

Borchert, G. L. (1996). Vol. 25A: John 1-11. The New American Commentary (375-376). Nashville: Broadman & Holman Publishers  
Carson, D. A. (1991). The Gospel according to John. The Pillar New Testament Commentary (206-207). Leicester, England; Grand Rapids, MI: Inter-Varsity Press; W.B. Eerdmans

White, E. G. (1898). The Desire of Ages. Mountain View, CA: Pacific Press Publishing Association.

White, E. G. (1893, January 10). "'Let Both Grow Together';" The Review and Herald.

Irery eo amin'ny fanatrehany

1. Efa voaendrikendrika ve ianao? Ahoana ny nahatsapanao izany?

- 2.2. Mikasika ny hafaka mikasika ilay vehivahy nijangajanga, ahoana no tokony hiarovan'izay voampanga ny tenany ?
3. Inona no fomba tsara indrindra hiarovan'ny tanora ny tenany mba tsy hankafy ny fomba amam-panao sy toe-javatra manimba ny fitondran-tena?
4. Hifanakalozy hevitra ny fomba ahafahanao mampahery tanora iray izay mety voamarina na tsia fa nanao fitondran-tena tsy mendrika ary mifanatrika amin'ny Komitim-piangonana.
5. Hazavao ny hevitrao momba izay tian'i Jesôsy nolazaina tamin'ilay vehivavy voampanga, nanao hoe "Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony."

**Lohateny:**

Fitakiana

**Daty:**

Alarobia 25 Martsa 2015

**Lohahevitra:** Fitakiana

**Hevitra asongadina:** Ny tanora sy ny maha-izy azy

**Lohateny:**

Fifanandrinan'ny saina

**Toko sy andininy:**

Lioka 8:26-39

**Hira hanombohana ny fotoana:** Tsy takatry ny saiko akory ny fitiavanao

Tovovavy tena maranin-tsaina i Verona. Sady mahay izy no tia miady hevitra, manana hevitra mafonja, tia namana ary tia miaraka amin'ny hafa mandrakariva, indrindra fa ireo izay mihevitra ny tenany ho maharaka toetr'andro sy mahafinaritra. Nahafinaritra azy ny manontany momba ny lalàna sy ny fomba amam-panaon'ny Fianganana, tiany ihany koa ny misolo vava ireo tsy mba afaka miteny na sarokenatra ara-pitenenana. Liam-baovao tokoa izy, ary raisiny ho andraikitra ny mifanerasera amin'ny tanora mitovy aminy mba ahafantaran'izy ireo hatrany ny vaovao farany. Tamin'ny alalan'ny tranokalany no nanatanterahany izany, izay nanehoany tamim-pahatsorana ny

heviny momba ny olana mahakasika ny lohateny iray. Lohalaha rana amin'ny fiezahana mamantatra ny vaovao sy ny firehana malaza indrindra hatrany izy amin'ny alalan'ny tambazotra "Twitter" izay ampiasainy mandrakariva. Ny fitiavany solosaina fatratra, aterineto, ary ny fahalianany hanita-pahalalàna, dia nitondra azy hatrany amin'ny "Ouija (Wee Gee) Board" ao anatin'ny aterineto, izay solaitra fisaka ahitana ny literan'ny abidia, ny tarehimarika 0 hatramin'ny 9, ny teny "eny, tsia, manahoana, veloma", ary tarehimarika sy sary. Solaitra manam-panahy na solaitra miteny ihany koa no ahafantarana azy io.

Tapakazo kely miendrika fo na tondrozotra iray afaka mihetsika no ampiasain'io solaitra io hanondroany ny hafatraavy any amin'ny fanahy, ka soratany eo ambonin'ilay solaitra izany mandritra ny fifandraisana amin'ilay fanahy. Apetraky ny mpandray anjara eo amin'ilay hazo kely ny rantsany ary lazaina fa ahodin'ilay fanahy eo ambonin'ny solaitra izany mba hanondroany ny teny tiany ambara. Voalaza fa misy herin'ny devoly mifandray amin'izany solaitra izany ka nampitandremana ny olona mba tsy hampiasa izany. Nitombo anefa ny fitiavan'i Verona izany lalao izany ka nanasa namana iray izy hiarahilalao aminy indray alina. Teo amim-pilalaovana no nidiran'ny fanahy ratsy tampoka izy. Nanomboka nitrerona sy nianjera toy ny tsy nahatsiaro tena izy. Lasa hafahafa be izy, nanomboka nahita zavatra tsy nisy, nifanintona ny hozany ary nanana fahasahiranana eo amin'ny fitelomana izy. Nihasarotra ny fifehezana azy, nanana hery nihoatra noho ny an'olombelona izy ary lasa be feo be rehefa niteny, mbola matanjaka noho ny an'ny lehilahy vaky feo. Niegaka nitady zava-maranitra izy ary toa naniry hamono ny tenany sy handratra ny hafa manodidina azy.

Satana sy ny devoliny ihany koa dia mikaroka olona ho kendrena

amin'ny zana-tsipikany ao anatin'izao tontolo misy antsika izao. Jereny ny fahalemena sy ny tanjaka eo amin'ny tsirairay ary eo amin'ny faritra ahafahan'i Satana mandresy azy ireny mihitsy no ataony miantefa ny zana-tsipikany. Ny tanjon'ny devoly voalohany dia ny hampihena ny tombam-bidin'ny tanora sy ny lehibe ary hanodina azy ireo amin'ny tenany, amin'ny finoany, ny fianakaviany, Andriamanitra, ary ny fiarahamonina. Ireny herin'ny devoly ireny dia mitaona ny olona hikatsaka fahalalàna avy amin'ny fanambaràna tsy fantatra, fahalalàna izay azo avy amin'ny fomba hafa ankoatry ny retsi-pandre dimy ary raisina amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny hery mihoatra noho ny hery tsy taka-maso.

Mifanaraka amin'ny lohahevitsika, "Fifanandrinan'ny Saina" ny andàlana ao amin'ny Lioka 8: 26-29. "Dia nitody tany amin'ny tanin'ny Gerasena izay tandrifin'i Galilia izy. Ary raha niala nankeny an-tanety Jesôsy, dia nifanena taminy ny lehilahy anankiray avy tao an-tanàna, izay efa nanana demonia, ary efa ela izy no tsy nitafy lamba sady tsy nitoetra tao an-trano, fa teny amin'ny fasana. Fa nony nahita an'i Jesôsy izy, dia niantso mafy sady niankohoka teo anatrehany ka niteny tamin'ny feo mahery hoe: Moa mifaninoana akory Hianao, Jesôsy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra ô? Masina Hianao, aza mampijaly ahy. Fa Izy nandidy ny fanahy maloto hivoaka tamin-dralehilahy. Fa efa nahazo azy ela izany; ary efa nafatotra tamin'ny gadra, na ny tànany, na ny tongony, ka nambenana izy; nefo notapahiny ny fatorana, ka dia nentin'ny demonia niriotra nakany an-efitra izy."

**Ny Fitoeran'ny Fanahin'ny Demonia ao anatin'ny  
Tena sy ny Aretin-Tsaina**

Nandritra ny taonjato maro no nilazana fa ny aretin-tsaina dia midika ho fitoeran'ny fanahin'ny demonia ao anatin'ny tena. Ny lahatsoratra momba ny fananana fanahin'ny demonia sy ny

aretin-tsaina nosoratan'i Chris Cook, navoaka tao amin'ny gazety "Christian Medical Fellowship Journal", tamin'ny Fararanon'ny taona 1997, dia manamafy fa rariny ihany ny filazana fa ny fanahin'ny demonia no anisan'ny anton'ny aretin-tsaina, kanefa mety ho anton'ny aretina hafa tsy misy fifandraisana amin'ny saina koa izy io , ary mety hitranga ihany koa izy io amin'ny fotoana sasany na dia tsy misy olana ara-tsaina na ara-batana aza. Etsy andanin'izany dia olana ara-panahy mihitsy ny fitoeran'ny fanahin'ny demonia ao anatin'ny tena, saingy ny aretin-tsaina kosa dia olana mety ateraky ny antony maro, izay mety ho ara-panahy, ara-piarahamonina, ara-tsaina ary ara-batana. Araka ny tena zavamisy eo amin'ny fiainana andavanandro no tsy tokony hisokajiana ny aretin-tsaina ho fitoeran'ny fanahin'ny demonia ao anatiny.

Mety resahana bebe kokoa any amin'ny faritra sasany amin'izao tontolo izao noho ny any amin'ny faritra hafa ny fitoeran'ny fanahin'ny demonia ao anaty. Mitana anjara lehibe eo amin'ny fanampiana ireo izay manana olana vokatry ny fanahin'ny demonia na ny aretin-tsaina, ny fahaizana manavaka azy ireo. Zava-dehibe ny fahaizana mamantatra ny lafiny ara-panahy, raha ny fitoeran'ny demonia ao anaty no resahana. Amin'ny lafiny iray kosa, raha ny aretin-tsaina no resahana, dia zava-dehibe ny fitsaboana. Manan-kery eo amin'izy rehetra ireo i Jesôsy, na ny demoniaka, ny aretin-tsaina, ny aretina ara-batana, ny aretina eo amin'ny fiarahamonina, ary ny aretin'ny fanahy, ka amin'ny faharetana amin'ny vavaka ary amin'ny fiankinana tanteraka Aminy, amim-pinoana no ahatanterahan'ny fansitranana sy ny famerenana indray amin'ny laoniny. Misy fifandraisana ara-panahy amin'ny tanora, ny ankizy, ary ny lehibe amin'izao fotoana izao ity tantaran'ity demoniaka ity.

Misy anefa ny faritra tsy azo hihoarana raha resaka mifandray amin'ny fanahin'ny demonia na ny fihetsehana satanika no resahana. "Misy ny fahadisoan-kevitra roa mitovy sady samihafa

izay mety handiso ny taranatsika momba ny devoly. Ny iray dia ny tsy mino ny fisiany. Ny iray kosa dia ny mino ka mahatsapa fahalianana diso tafahoatra momba azy. Samy faly amin'izany fahadisoana izany izy ireo ary miantso ny olona manome lanja ny zavatra ara-nofo noho ny zava-panahy sy ny ombiasy mba hifaly aminy ihany koa," hoy i C. S. Lewis.

### Ilay Demoniaka

Araka ity andalana ity dia lehilahy demoniaka iray no nitsena an'i Jesôsy tamin'Izy tonga tao amin'ny tanin'i Gerasena. Olana lehibe tamin'ny andron'i Lioka izany satria ireo mpanoratra ny filazantsara dia samy nilaza trangan-javatra tahaka izany avokoa. Mety tahaka an'i "Incredible Hulk", izay voary noforonina tao amin'ny fahitalavitra, no fomba nisehoany. Na tahaka ny olona adala aza no fitrangan'ny aretiny, ireo filazantsara kosa milaza amintsika fa demoniaka izy. Niala tamin'ny tranony izy noho izany toe-javatra ratsy izany, nihataka tamin'ny olona izy ary nandeha nikambana tamin'ny maty ka niaina teny amin'ny fasana, toerana izay tsy ho safidian'ny olona salama saina honenana. Ny fitanjahana no fomba fitafy tiany indrindra ary tamim-pahatezerana no nandehanany teny amin'ny fiarahanonina ka niteraka tahotra tany amin'ny mponina. Nihanatanjaka izy refeha tezitra ka na dianofatorana tamin'ny rojo aza dia vitany ny nanapaka izany ka nanafaka ny tenany (and. 19).

Fikorotanana enina farafahakeliny no nateraky ny demony tao amin'ity lehilahy izay nidirany ity: 1) Ny fikorotanan'ny toetrary izay nanalàn'ny demony ny maha izy azy, 2) ny fitondran-tena manohitra ny fiarahanonina izay niseho tamin'ny alalan'ny fihatahany hiaina irery tany amin'ny fasana, lavitra ny fandrosoan'ny olona. 3) Nisy fanahin'ny fahalalana tsy mahazatra izay nahatonga azy natahotra teo am-pahafantarana fa Zanak'Andriamanitra i Jesôsy ary nanome azy fahalalana ara-panahy. 4) Nanana hery nihoatra noho ny an'olombelona izy,

izay nahatonga azy tsy voafehin'ny fomba fifehy ny olona amin'ny ankabopeny. Nopotehany ireo fitaovana nezahin'ny olona nanangeja azy ka nafahany ny tenany. 5) Nampijaly ka nampahory hatrany ireo izay efa nampahoriany. 6) Ny firehana hanimba tena ka mamely ny tenany amin'ny fampiasana vato sy akora hafa.

### **Miaro ny Saina amin'ny Fanahin'ny Demonia**

Mety handrisika ny olona hanao zavatra tsy amim-pieritreretana ny asan'i Satana amin'ny saina. Mandao ny trano, ny fianakaviana, ny namana, ary ny mambran'ny fiangonana ny sasany mba hitoka-monina. Ny sasany kosa dia manao ireo fomba amam-panao tsy kristiana. Voagejan'ny zava-mahadomelina tahaka ny toaka sy ny sigara izy ireo. Voatanan'ny horonantsary mamoafady, firaisansa alohan'ny fanambadiana, ary ny fitondran-tenan'ny lehilahy ho toy ny vehivavy izy ireo. Miala amin'ny fianarana sy ny fitadiavan'asa sy ny fiainana mifanaraka aminy sy misy antony ireo izay manam-pahaizana mba ho variana amin'ny asa tsy misy fahombiazana.

Manoro hevitra antsika ny Apostoly Paoly mba tsy hamaivanintsika ny fahaizani'i Satana ka mila mivonona hatrany isika hanohitra ny fakam-panahy sy ny fanahin'ny demonia. "Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba ahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao tontolo izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra. Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo. Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, ary kiraroy ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana ny tongotrareo; ary ho fanampin'izany rehetra izany

dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy. Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra." (Efes 6: 10-18)

"Ireo izay tsy te ho voafandrika ao amin'ny fandrik'i Satana dia tokony hiambina tsara ny lalan'ny fanahiny; mila tsy mamaky, mijery, na mihaino izay mety hiteraka fisainan-dratsy izay ireo. Tsy tokony avela hirenireny eny amin'ny zavatra izay mety halefan'ilay fahavalohy ny saina. 'Sikino ny sainareo' hoy ny Apostoly Petera, 'mahononona tena ... tsy mitondra tena araka ny filanareo fahiny tamin'ny tsi-fahalalanareo; fa amin'ny fahamasinan'Ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa hianareo amin'ny fitondrantena rehetra.' Hoy i Paoly, 'Na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona mahate-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany.' Ilana faherezana mivavaka sy fiambenana tsy tapaka izany. Tsy maintsy ampian'ny fitoeran'ny asan'ny Fanahy Masina, izay hanadratra ny saintsika ho any ambony isika, ary hanazatra azy hijanona amin'ny zava-masina. Mila mazoto amin'ny fianarana ny tenin'Andriamanitra ihany koa isika."

(Message to Young People, p. 285)

### **Inona no Dikan'ny fanatonana an'i Jesôsy**

"Fa nony nahita an'i Jesôsy izy, dia niantso mafy sadymiankohoka teo anatrehany ka niteny tamin'ny feo mahery hoe: Moa mifaninoana akory izaho sy Hianao, ry Jesôsy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra ô? Masina Hianao, aza mampijaly ahy. Fa Izy nandidy ny fanahy maloto hivoaka tamin-dralehilahy. Fa efa nahazo azy ela izany; ary efa nafatotra

tamin'ny gadra, na ny tànany, na ny tongony, ka nambenana izy; nefà notapahiny ny fatorana, ka dia nentin'ny demonia niriotra nakany an-efitra izy. Ary Jesôsy nanontany azy ka nanao hoe: Iza moa no anaranao? Dia hoy izy: Legiona; fa demonia maro no efa niditra tao anatiny." (Lio 8: 28-30)

Hoy i Ellen White: "Nohamaizinin'i Satana ny sain'ity olona mahantra sy mijaly ity, nefà teo anatrehan'ny Mpamony dia nisy tara-pahazavana iray nahagorobaka ny haizina somambisamby. Tafatsangana izy ka naniry mafy ho afaka amin'ny fifehezan'i Satana; nanohitra ny herin'i Kristy anefa ny demonia. Rehefa niezaka ilay lehilahy hiantso vonjy tamin'i Jesôsy, dia nasian'ny fanahy ratsy teny tao am-bavany ka niantsoantso izy tao amin'ny ady miatra aman'aina sy mahatahotra natrehiny. Nisy nahatsapan'ilay demoniaka fa teo anatrehan'Ilay mahay manafaka azy izy; nefà rehefa niezaka ho tonga eo amin'izay hahatraran'ilay tàna-mahery azy izy, dia nisy tànana hafa nitana azy, ary teny hafa tsy araka izay tao an-tsainy no nivoaka avy teo aminy. Nahatsiravina ny ady nifanaovan'ny herin'i Satana sy ny fanirian'ny tenany ho afaka." (Ilay Fitiavana Mandresy, p. 259)

Mitarika resaka izay mety hitondra ny fiainanao any amin'ny lâlana vaovao aminao Jesôsy rehefa manatona Azy ianao. Tsy manam-pahataperana ny fanadiovana, ny fanasitranana, ny famerenana amin'ny laoniny, ny fanatrarana tanjona, ny fahombiazana rehefa ataonao ho namana Jesôsy. Matetika isika no mahazo aina manoloana ireo olona tsy dia manahy firy ny amintsika. Mahazatra an'ireo namantsika akaiky ny mametraka fanontaniana sarotra amintsika ary miandranda valiny matotra avy amintsika ihany koa izy. Mihazona antsika hitahiry ny tsara indrindra ananantsika hatrany izy ireny. Tsy dia mankasitraka anefa isika indraindray. Mety efa tsapan'ilay demoniaka fa hitondra fiovana lehibe eo amin'ny fiainany ity fifanatrehana ity. Misalasala ny amin'ny fiatrehana fiovana lehibe tahaka ilay demoniaka koa ny tsirairay amintsika.

Ambaran'i Larson, B. sy Ogilvie ao amin'ireo boky "Preachers' Commentary" fa rehefa avy namoaka ny demonia i Jesôsy dia nanontaniany ny anaran'ilay lehilahy, izay fanontaniana momba ny tenany, mitovy amin'izay ampiasain'ny mpitsabo saina ankehitriny. Namaly an'i Jesôsy moramora izy ka nanao hoe, "Legiona" no anarako. Mpiady 6.000 no ao anatin'ny legionai ray tamin'izany andro izany. Tamin'ny andron'ny Baiboly dia voalaza fa arakaraky ny isan'ny demonia ao anatin'ny olona iray hampijaliany no handrefesana ny aretin-tsaina ao aminy. (Demony fito no tao amin'i Maria Magdalena). Nilaza ity demoniaka ity fa 6.000 no tao aminy, izay maneho fitalahoana amin'i Jesôsy fa tena njaly izy. Ity lehilahy tao anatin'ny fahadalana tanteraka ity, izay tsy nanana ny naха-izy azy intsony, niaina tamin'ny toetra maro isan-karazany, ireny sy niaina teny amin'ny fasana lavity ny fiarahamonina aradalàna, no nanatona ary niresaka tamin'i Jesôsy ka nahatonga ny fansitranana azy. Inona no maha-ianao anao? Iza moa ianao? Ahoana no fomba hamaritanao ny tenanao amin'i Jesôsy?

Na ny matotra indrindra amintsika aza dia mbola miroroa saina ihany momba izany maha-izy ny tena izany. Nalaza nasiaka tamin'ny fianakaviany i Benjamin Franklin, ilay manampahaizana nanorina ny fanjakan'i Etazonia. Inona no tena marina momba an'i Ben Franklin? Nanoratra i Thomas Jefferson hoe "nohariana hitovy ny olona rehetra" kanefa mbola nanandovo olona izy mandra-pahafatiny. Nanao ahoana ilay tena Thomas Jefferson? Nosokajiana tanatin'ireo mpanoratra Kristianina sy olom-pirenena najaina tamin'ny fotoan'androny i Tolstoy kanefa nilaza ny vadiny fa tsy mba nanome na tenim-pitiavana na rano hosotroina izy. Mba afaka mitsangana ve ny tena Leo Tolstoy? Na ny Apostoly Paoly aza ao amin'ny Romana 7: 19, 24 dia milaza momban'ny fizarazaran'ny tena: "Fa tsy ny tsara izay sitrako no ataoko; fa ny ratsy izay tsy sitrako no ataoko ... Indrisy! Olo-mahantra aho!" Toa adala avokoa isika rehetra.

Izao anefa no vaovao mahafaly: amin'ny fanatonana an'i Jesôsy no hanehoana ny tena maha-izy antsika ka tsy hiroroa saina na ho sahirana intsony isika satria Izy no efa nanarina, nanasitrana, ary namerina antsika amin'ny laoniny. "Rehefa nikasa hivavaka ilay demoniaka dia tsy nisy afa-tsy ny tenin'i Satana ihany no notononiny, nefo re ilay antson'ny fo tsy niloaka. Tsy misy antso avy amin'ny fanahy sahirana iray, na dia tsy tafavoaka ho teny aza, ka tsy hohenoina. Izay hanaiky ny hiditra ao amin'ny fifanarahana amin'ny Andriamanitry ny lanitra dia tsy avela ho eo ambanin'ny herin'i Satana na eo amin'ny fahalemen'nynofony", hoy I Ellen White (Ilay Fitiavana Mandresy p.263). Izy no vahaolana ho an'ilay demoniaka. I Jesôsy izay nampitony ny tafiotra ihany no afaka hanasitrana ny saintsika, hamaha olana eo amin'ny maha-izy antsika, mandamina ny fisainantsika ary mitarika antsika ho eo amin'ny lâlan'ny fifaliana. Afaka manavotra antsika Izy amin'ireo olana izay nidirantsika tsy tamim-pieritreretana. Namantsika ilay Tsitoha Avo Indrindra, ny Tenan'Andriamanitra izany. Izao no famaritana izany namana izany araka ny nolazain'i C. Raymond Beran: Ny namana ... dia olona ahafahanao maneho ny tena endrikao, mitanjaka ny fanahinao miaraka aminy. Tsy manasa anao hiakanjo izy fa ny mba hisehoanao amin'ny endrikao. Tsy maniry anao ho tsara na ho ratsy kokoa izy. Tahaka ny tsapan'ny voafonja iray nahafahana tamin'ny fanamelohana no tsapanao rehefa miaraka aminy. Tsy mila mahana ianao. Afaka milaza izay tianao ho lazaina ianao raha mbola avy any aminao izany. Fantany ireo fahasamihafana izay mahatonga ny olona ho diso hevitra ny aminao. Miala malalaka ianao rehefa miaraka aminy. Very avokoa, milentika any amin'ny onin'ny fahatokiana ireny zava-poana, fankahalana ratsy, ny fahasiahana tsy rariny ireny rehefa mitsotra aminy ianao. Mahafantatra izany izy. Tsy mila mitandrina ianao. Afaka manararaotra azy, tsy miraharaha azy, mandefitra aminy

ianao, tsy miteraka olana izany. Tiani ianao. Tahaka ny afo izay manadio hatrany amin'ny taolana izy. Fantany izany.

Tsy mbola nanana namana tahaka izany isika rehefa mandini-tena ary tsy mbola namana tahaka izany ihany koa, izany no antony maha-eto antsika ankehitriny. Namana izay afaka hanampy antsika ho namana tahaka izany no ilaintsika. Namana tahaka izany i Jesôsy. Afaka milaza izay manahiran-tsaina antsika, sy ny maha-izy antsika isika rehefa milaza izy hoe: "Lazao ahy izany". "Tsy nahomby aho tao amin'ny fanambadiana." "Nandao ny zanako aho." "Namadika ny namana akaiky indrindra ahy aho." "Manana fikorotanan-toetra aho." "Tia horonantsary mamoafady loatra aho." "Tia firaisana ara-nofo loatra aho." "Miezaka manohitra ny firehan'ny fiarahan'ny mitovy fananahana aho." "Miha-mihena ny fahalianako amin'ny zava-panahy." "Mandainga foana aho." "Voafatotry ny zava-mahadomelina aho." "Tia ireny fitaovam-pifaneraserana, horonantsary, sy ireny fialam-boly isan-kazarany ireny lotra aho ka tsy mahita fotoana hianarana Baiboly, hivavahana, ary hanovana fiderana manokana." Misokafa Aminy mba ahitanao filaminan-tsaina ka mba ho olona faly, manana olona ho tiavina, zavatra atao, ary zavatra antenaina isika.

### **Ny Vokatry ny Fanatonana an'i Jesôsy**

"Ary nony hitan'ny mpiandry izany natao izany, dia nandositra izy ka nilaza izany tao an-tanàna sy tany an-tsaha. Dia nivoaka ny olona mba hizaha izany natao izany; ary tonga tany amin'i Jesôsy izy, dia nahita an-dralehilahy izay efa nivoahan'ny demonia, fa indro izy nipetraka teo anilan'ny tongotr'i Jesôsy nitafy lamba sady ary saina; dia raiki-tahotra ireo. ary izay efa nahita dia nanambara tamin'ny olona ny namonjena ilay demoniaka" (Lioka 8: 34-36).

Niparitaka eran'ny tanàna toy ny afo miredareda ny vaovao ka nivoaka ireo mponin'i Gerasena mba hijery mivantana ny tantara momba ity lehilahy adala niara-niaina tamin'izy ireo ity.

Akora telo lehibe no mandrafitra ny fahasalamana sy ny fahafenoana izay faritan'i Lioka avy amin'ity lehilahy vaovao ity. Hitan'izy ireo nipetraka teo anilan'ny tongotr'i Jesôsy, nitafy lamba sady ary saina ity lehilahy avy nalana demonia ity. Izany indrindra no fomba vaovaon'ny mpitsabo saina, taorian'ny fomba fitsaboana saina nataon'i Freud, ireto ny marika telon'ny fahafenoana : 1) ny fileferana ambany fahefana, 2) fitafiana, 3) ary saina.

Voalohany, nipetraka teo anilan'ny tongotr'i Jesôsy izy. Teo ambany fahefana ny fihetsiny. Tsy afaka nanao izay tiany intsony izy. Nankarary azy izany. Nanao izay tiany izy tamin'izy nirenireny, nandrovitra ny fitafiany ary niaina toy ny biby. Nankininy tamin'ny fahefan'i Jesôsy ny fiainany ankehitriny. Misy fifanoherana eo amin'ny fahafahana Kristiana. Afaka tanteraka ianao rehefa miankina amin'ny fampanompoan'i Kristy ka manjaka amin'ny fiainanao ny Fanahy Masina. Tsy afaka ny homba ny demonia rehefa mitoetra ny Fanahin'Andriamanitra, ary mipetraka eo amin'ny sezafiangrianana Kristy. "Tompon'ny zavatra rehetra ary tsy voafehin'iza na iza ny olona Kristiana. Mpanompo be adidy indrindra ary fehezin'ny rehetra ny olona Kristiana," hoy i Martin Luther. Very fahafahana isika mba ahazo fahafahana vaovao.

Faharoa, nitafy lamba izy, izay mbola mariky ny fahasalamana ihany koa. Tsy manan-kenatra intsony izy. Nanaho fahamenarana ny fitanjahany, fanehoana ny fombany. Aretina mateti-pitranga ankehitriny koa izany. Misy ireo milaza fa mety avokoa ny zavatra rehetra ka raha mahafalifaly ny tena izany dia ataovy. Eo ambany fampanompoan'i Jesôsy anefa dia mitafy fitafy vaovao miaraka amin'ny fahatsapana izay mifanaraka sy mety ny olona. Fahatelo, vory saina izy. Hitany araky ny tokony ho izy ny tany. Tsy natahotahotra intsony izy na resy lahatra fa hisambotra azy olona. Tokony handresy lahatra ny tenany amin'ny alalan'ny fanampian'ny Fanahy Masina ireo izay

ampijalian'izany fisainana mba ahatsiaro hatrany fa maro amin'izao tontolo izao no tsy mahafantatra ny fisiandy akory. Ny ary saina ihany koa dia mitarika amin'ny fanekena fa tsy tia ary tsy ho tia anao ny olona rehetra. Tsy tia izy ireo. Mety manana fahavalo ianao. Tamin'ny sainy ary no nahitan'ilay lehilahy izay nivoahan'ny demonia ny tena fiainana.

### **Ambarao ny Tantaranao**

"Ary ny lehilahy izay efa nivoahan'ny demonia dia nangataka mba hitoetra ao aminy; nefo nampodian'i Jesôsy izy ka nataony hoe: Modia ihany any an-tranonao, ka ambarao ny zavatra lehibe nataon'Andriamanitra taminao. Dia nandeha izy ka nitoky eran'ny tanàna izay zavatra lehibe nataon'i Jesôsy taminy." (Lio 8: 38, 39)

Tian'ilay lehilahy loatra i Jesôsy izay nanarina azy ka naniry azy ny mba ho isan'ireo mpianany izay nanaraka azy. Nanana andraikitra hafa ho azy anefa i Jesôsy. Nalefan'i Jesôsy nody izy mba hitoky sy hijoro ho vavolombelona. Fitoriana avy any amin'ny olona iray mankany amin'ny olona hafa izany. Modia any an-tranonao hoy Izzy: Ataov fantatry ny fianakavianao izay natao taminao. Mandehana ao amin'ny mpifanila trano aminao ka lazao ny namanao sy ny mpifanila trano aminao izay nataon'Andriamanitra taminao. Mandehana ary ambarao ny tantaranao! Maro ireo izay mila mahita Ilay Lehilahy nanova ny fiainanao.

Nandefo antsika i Jesôsy satria tiany raha mandray anjara amin'ny fanasitranana ny fiarahamonina isika. Izany no Fanjakan'Andriamanitra. Tario miaraka ny ondry rehefa niova fo ianao. Maro no hihaino anao rehefa hitan'izy ireo ny fiovana teo amin'ny fiainanao. Mandehana ary ambarao ny tantaranao satria raha manao izany ianao dia manambara ny tantaran'i Jesôsy ihany koa. Izao no nataony tamiko! Nareniny aho ary ho ho ataony aminao ihany koa izany! Izany ny Filazantsara.

Tsy maintsy miaraka mizara izany tantara mahafinaritra izany ny tanoran'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao. Fotoana kely sisa dia ho avy indray Izy, i Jesôsy, izay manasitrana, manarina, manafaka, ary manavotra ka haka ireo izay nijoro ho vavolombelona mahatoky ho any Aminy ary tokony mba ho isan'izay hizara izany fanandramana mandrakizay izany ianao.

**Antso sy vavaka**

**Tso-drano**

**Hira hamaranana ny fotoana: Atolotra ho anao ny tenako ry**

**Raiko**

**Boky nilan-kevitra**

Butler, T. C. (2000). Vol. 3: *Luke*. Holman New Testament Commentary (126). Nashville, TN:  
Broadman & Holman Publishers.

Chris Cook, (1997). *Demon Possession and Mental Illness*.  
Retrieved from Christian Medical

Fellowship on July 4, 2014 at

<http://www.cmf.org.uk/publications/content.asp?context=article&id=619>

C. S. Lewis, *The Screwtape Letters* (New York: The Macmillan Co., 1971), p. 3.

Larson, B., & Ogilvie, L. J. (1983). Vol. 26: *Luke*. The Preacher's Commentary Series (152-153). Nashville, TN: Thomas Nelson, Inc.

Stein, R. H. (1992). Vol. 24: *Luke*. The New American Commentary (256). Nashville: Broadman & Holman Publishers

**Ny Baiboly**

White, Ellen G. (1964). *Desire of Ages*. Review and Herald Publishing Association. Washington,

DC Hagerstown, MD.

White, E. G. (1930). *Messages to Young People*. Hagerstown, MD:  
Review and Herald  
Publishing Association.

### **Fifanandrinan'ny Saina**

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. Fantaro ary resaho ireo fomba ampiasain'i Satana hanafihany ny sain'ny tanora amin'izao fotoana izao.
2. Inona no fomba hiarovan'ny tanora ny sainy amin'ny hery alefan'ilay ratsy?
3. Ahoana no mahatonga ireo olona mafana fo ao amin'ny finoana ho lasa hazan'ny devoly?
4. Amin'ny fomba ahoana no hitarihan'ny tanora na olon-kafa ny tanora handray ny fahahin'ny demonia?
5. Fantaro ireo fotoana hitrangan'ny fanahin'ny demonia ary lazao izay fomba ahafahanao manampy ny olona voagejan'izany mba hampandresy azy.

**Daty:** Alakamisy 26 Martsa 2015

**Hevitra asongadina:** Ny tanora sy ny herim-po

**Lohateny:** Hijoro ve ianao?

**Toko sy andininy:** Lioka 23:32-43

**Hira fanombohana:** Moa mba tazanao ve

Taona maromaro lasa izay, nandeha nankany an-tsena izahay indray zoma, ary raha namakivaky ny lèlana nividyl ny sakafonilaina izahay dia naheno, tao ivohonay, olona niantsoantso mafy hoe, "Mialà amin'ny vahoaka! Mialà amin'ny vahoaka! Mialà amin'ny vahoaka!" Nitodika izahay njery izay niseho ka nahita tovolahy very saina iray miteny amin'ny rivotra. Hita tamin'izany fa toa nahita olona tandidomin-doza izy noho ny aretin-tsainy. Nahatsapa izy fa ho fanampiana ilay olona dia

nila niantsoantso mafy mba ahafahan' ilay olona mahatsikaritra ilay loza ka miala amin' izany. Raha mbola nanohy nitabataba izy dia nisy tovolahy iray hafa salama saina tsara nanontany azy hoe, "Fa maninona ianao no miteny fa tokony hiala amin' ny vahoaka? Diso izany! Tsy maintsy arahina ny vahoaka." Namaly ilay tovolahy very saina nanao hoe, "Tsia, raha manaraka ny vahoaka ianao dia mandray anjara! Tsy maintsy miala amin' ny vahoaka hianao!"

Mitantara ireo zava-niseho farany teo amin' ny fiainan'i Jesôsy talohan' ny nahafatesany, ny nitsanganany tamin' ny maty ary ny niakarany tany an-danitra i Lioka. Manome antsika sary antaina ny vahoaka mitangorona mba hifaly sy hankalaza ny nahafatesan' Ilay tonga hitondra famonjena eto amin'ity tontolo misy olona very sy andalam-pahafatesana izy. Mitantara ny momba an'i Pilato, ilay mpitsara avo, sy ny fandraisany anjara tamin' ny fanomezana alàlana izany fanilikilihana izany. Marihana tsara fa tamim-pireharehana no nanatanterahan' ireo miaramila rômanina ny asany, sy ny faneken' ireo mpitondra an'izany. Asongadiny ihany koa ny fitondran-tenan' i Jesôsy nanoloana ity fanandramana nahatrotraka ity ary nomarihana ihany koa ny fitondran-tenan' ireo jiolahy roa izay teo anilany teo ambony hazo fijaliana. Ataony azo antoka fa fantatrin' ny mpamaky ny momba ilay fampanantenana nomen' i Jesôsy tamin' ny jiolahy teo akaikiny, izay mbola azo ampiharina sy misy dikany ho an'ny tanora amin'ity vanim-potoana aorian' ny vani-potoana moderin' ny taonjato faha-21. Raha dinihana ny fiantraikan' ilay teny voasoratra ao amin' ny Lioka 23:32-43 dia ho hitantsika ny lanjany sy ny anjara asany amin' ny fampitombona ny herimp'on' ny tanora advantista sy ny tanora amin' ny ankapobeny, ny an'ny lehibe sy ny ankizy, mba hijoro amin' izay lazain' ny Soratra masina fa tsy hanaraka ny vahoaka.

Izao no lazain' i Lioka ao amin' ilay toko sy andininy; "Ary

nisy olon-dratsy roa lahy nentina hiaraka hovonoina aminy koa. Ary rehefa tonga teo amin'ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an'i Jesôsy sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo ankavanany ary ny anankiray teo ankaviany. Ary hoy i Jesôsy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony. Dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany. Ary ny olona nijanona teo ka nijery. Ary ny loholona kosa mba nandatsa ka nanao hoe: Namonjy ny sasany Izzy; aoka hovonjeny ny tenany, raha Izzy no Kristin'Andriamanitra, dia Ilaynofidina. Ary ny miaramila koa nihomehy Azy, dia nankeo ka nanome Azy vinaingitra, sady nanao hoe: Raha Hianao no Mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny tenanao. Ary nisy soratra teo amboniny nanao hoe: ITY NO MPANJAKAN'NY JIOSY. Ary ny anankiray tamin'ireo olon-dratsy nahantona teo ireo dia niteny ratsy Azy ka nanao hoe: Tsy Hianao va no Kristy? vonjeo ny tenanao sy izahay. Fa namaly kosa ilay anankiray, sady nananatra ny namany ka nanao hoe: Moa ianao koa tsy mba matahotra an'Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza? Ary marina ny anamelohany antsika, satria mandray ny valin'ny nataantsika isika; fa ity Lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. Ary hoy izy: Jesôsy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin'ny fanjakanao Hianao. Dia hoy Jesôsy taminy: Lazaitko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa."

### **Pilato**

Alohan'ny ahafahana manombo amin'ny hazo fijaliana an'i Kristy araky ny lalàna, tsy maintsy mamoaka ilay didy aloha na i Heroda, mpanjakan'ny faritanin'ny Galilia sy Peria tamin'ny taon-jato voalohany, na i Pilato, governora rômanina any Joda. Tantarain'i Lioka ny fomba nasain'i Pilato nitondrana an'i Jesôsy teo anoloan'i Heroda Antipasy, satria galilianina Izzy ary tsy hitan'i Pilato ihany koa izay hanamelohana azy. Tahaka izany ihany koa, very hevitra i Heroda raha nahita ny

fahamarinan'i Jesôsy ka nalefany niverina tany amin'i Pilato Izy. Marihin'i Lioka tsara fa in-telo i Pilato no nanambara fantsy meloka i Jesôsy ary noho izany dia niaro an'i Jesôsy sy ny kristianina teo anoloan'ny fanjakana rômanina izy (Lioka 23:4, 14, 22). Nitombo ihany ny alahelon'i Pilato raha nilaza izy fantsy nahita fahadisoana tao amin'i Jesôsy, satria nandefa taratasy taminy ny vadiny nilaza fa tsy tokony hisy hifandraisany amin'io lehilahy marina io izy. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia tsy tokony haka fanapahan-kevitra ny hanao ratsy io lehilahy io izy. Fantatr'i Pilato ny tokony atao. Fantany fa tokony ho afahany Izy, fa ny daholobe, ny vahoaka dia niambina fatratra ary tapa-kevitra fa tokony homboina amin'ny hazo fijaliana Izy

**Inona no ataonao rehefa fantatrao izay marina ary te-hanao izany ianao, kanefa dia teren'ny vahoaka na ny ankamaroany ianao tsy hanao izany?** Matrika izany safidy izany ve ianao ankehitriny? Moa ve mametraka olana aminao ny vahoaka? Misy ity hira ity izay nataon'ny *Heritage Singers* izay tena ankafizinay tokoa. Hoy ilay hira:

The joy I can't explain, fills my soul (*Mameno ny fanahiko ilay hafaliana tsy haiko azavaina*)

The day I made Jesus my king (*Tamin'ilay andro nandraisako an'i Jesôsy ho mpanjakako*)

His Blessed Holy Spirit is leading my way (*Ny Fanahy Masiny no mitarika ny lalako*)

He's teaching and I'm learning to lean (*Mampianatra izy ary izaho kosa mianatra ny miantehitra*)

Chorus: (isan'andininy)

Learning to lean (*Mianatra ny miantehitra*)

Learning to lean, (*Mianatra ny miantehitra*)

I'm learning to lean on Jesus (*Mianatra ny miantehitra amin'i*

*Jesôsy)*

Finding more power than I've ever dreamed (*Mahita hery lehibe noho izay efa nanofisako*)

I'm learning to lean on Jesus. (*Mianatra ny miantehitra amin'i Jesôsy aho*)

Sad broken hearted, at an altar I knelt (*Nalahelo ary vakivaky fo, nandohalika teo amin'ny alitara aho*)

I found peace that was so serene (*Nahita fiadanana feno fahatoniana aho*)

And all that He asks is a childlike trust (*Ny hany mba angatahiny dia ny fahatokiana tahaka ny an-jazakely azy*)

And a heart that is learning to lean (*Sy fo mianatra ny miantehitra*)

There's a glorious victory, each day now for me (*Misy fandresena be voninahitra isan'andro ho ahy ankehitriny*)

I've found peace so serene (*Nahita fiadanana feno fahatoniana aho*)

He helps me with each task, If I'll only ask (*Manampy ahy Izzy amin'ny zavatra rehetra, raha toa ka mangataka aho*)

Every day now I'm learning to lean (*Ankehitriny, isan'andro aho dia mianatra ny miantehitra*)

Kanosa loatra ity Governora natanjaka ity, ity lehilahy manana hery miasa mangina sy fahefana ity, Pilato, ka nanaiky ny fangatahan'ny vahoaka izy ary nanao hoe, "Ento Izzy ary homboy, fa mpanjakanareo Izzy" (Jaona 19:13-16). Rehefa natolotr'i Pilato ho homboina i Jesôsy dia nambarany ho mpanjaka izy kanefa nolavin'ny vahoaka izany fa hoy izy ireo, "Kaisara no mpanjakanay fa tsy i Jesôsy". Tamin'ny alalan'ny fanoratana hoe, "Jesôsy avy any Nazareta, Mpanjakan'ny Jiosy" sy ny fametahana izany teo ambony hazo fijaliana dia niaro ny

toeran' i Jesôsy izy, izay fandresena lehibe ho an' i Jesôsy sy ny kristianina rehetra. Tsy nanoratra izany fotsiny izy, fa niaro izany tamin' ny fandavan' ny Jiosy ihany koa (Jaona 19:19-21). Izao no voalaza ao amin' ny Lioka 23:38 "Ary nisy soratra teo amboniny tamin' ny teny hebreo, latina ary grika nanao hoe: ITY NO MPANJAKAN' NY JIOSY.". Noho ny antony ara-pôlitika sy ny hakanosany, dia natakalon' i Pilato fanafahana ny iray tamin' ireo jiolahy nalaza indrindra tamin' izany fotoana izany ny Zanak' Andriamanitra, izay tsy nahalala ratsy. Miverina foana izany tranga izany amin' ny fotoana rehetra isan' andro rehefa atakalon' ny tanora, ankizy ary lehibe tombotsoan' ny tenany manokana i Jesôsy, ilay Mpamponjin' izao tontolo izao. **Ry tanora, miaraka amin'iza moa ianao no hijoro ankehitriny, miaraka amin' i Pilato, sa miaraka amin' ny vahoaka, sa miaraka amin' i Jesôsy?**

### ***Ireo miaramila rômanina***

"Ary rehefa tonga teo amin' ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an' i Jesôsy sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo ankavanany ary ny anankiray teo ankaviany... Dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany... Ary ny miaramila koa nihomehy Azy, dia nankeo ka nanome Azy vinaingitra, sady nanao hoe: Raha Hianao no Mpanjakan' ny Jiosy, vonjeo ny tenanao." (Lioka 23:33-37).

Izao no vakiana ao amin' ny Fanahin' ny Faminaniana, "Nandray anjara tamin' io fanaovana an-keriny io ny miaramila romana. Izay rehetra azon' ireo miaramila ratsy fanahy, maloto fitondran-tena ireo natao sy noforonina, nampian' i Heroda sy olo-manan-kaja Jiosy, dia navagongony tamin' ny Mpamponjy. Tsy nihontsona anefa ny faharetany avy amin' Andriamanitra" (*Ilay Fitiavana Mandresy* 731). Ireo miaramila rômanina no nandray ny kanonta ka namantsika ny tànana sy tongotr' i Jesôsy. Ireo miaramila rômanina no nandray lefona ka nanatrobaka ny lanivoany. Ireo miaramila rômanina no niambina ny hazo

fijaliana nisy Azy ka tsy namela na iza na iza nikasa hamonjy Azy. Ireo miaramila rômanina no nizaha raha maty teny ambony hazo fijaliana Izy. Faly izy ireo nanatanteraka ny sitrapon'ny vahoaka. Namantsika Azy tamin'ny hazo fijaliana izy ireo. Naniratsira Azy izy ireo. Nizarazara ny akanjony sy niloka ho an'izany izy ireo. Naniratsira Azy tamin'ny fomba mampatsiahny faniratsirana azon' i Noa na dia avy amin'ireo olona nanampy azy hanamboatra ny sambo fiara aza. Nanome azy vinaingitra hosotroina Azy izy ireo.

Raha mandeha amin'ny I-10 ianao, izay lalana goavam-be any Louisiana, Etazonia, dia misy tabilao lehibe izay tsy maintsy ho hitanao. Eo amin'ny toerana izay ahitanao ny Tanàna rehetra no misy azy, rehefa manantona ny tetezan'ny renirano Mississipi iny ianao. Eo amin'ilay tabilao dia misy sarin'i Jesôsy eo ambony hazo fijaliana miaraka amin'ny lohany miondrika. Ny soratra mivandravandra eo ambany dia manao hoe, "Anjaranao izao!" **Manao ahoana re ny herin'izany fisaintsainana izany? Efa nanao ny famonjena antsika, amin'ny alalan'i Jesôsy, Andriamanitra. Maty ho anao i Jesôsy. Ankehitriny dia anjaranao izao!**

#### **Ireo mpitondra sy ny vahoaka**

Milaza ny Fanahin'ny Faminianiana, " Rehefa navoakan'ny mpitsara ny fanamelohana an'i Jesôsy, dia nisy faharomotana avy amin'i Satana nameno ny olona. Tahaka ny fihorakoraky ny bibidia ny fihorakorany. Nirohotra nankeo amin'i Jesôsy ny vahoaka marobe, ka niantsoantso hoe : Meloka izy, vonoy Izy ho faty ! Raha tsy teo ny miaramila rômana dia tsy ho velona i Jesôsy ka ho azo homboana teo amin'ny hazo fijaliana. Saika ho norotidrotehiny teo anatrehan'ny Mpitsara Izy, raha tsy nisalovana ny manam-pahefana Rômana ka nampiasa ny heriny sy ny fiadiany mba hanakanana ny herisetran'ny vahoaka romotra." (Ilay Fitiavana Mandresy t.765).

Fomban'ny governora tamin'ny andron'i Kristy ny manafaka mpigadra iray safidian'ny olona mandritra ny fetin'ny Paska. Izay tian'ny olona no afahana. Nandresy lahatra ny vahoaka nanodidina ny trano fitsaran'i Pilato ireo mpitarika jiosy ny hiantso ny hanafahana an'i Barabasy izay jiolahy tena nalaza ary nangataka ny mba hanomboana an'i Jesôsy. Rehefa nanontany an'ny vahoaka i Pilato hoe iza no omena fahafahana, Barabasy sa Jesôsy, dia niantsoantso mafy ho an'i Barabasy izy ireo. Nanontany ny tokony hataony amin'i Jesôsy i Pilato ka nitabataba ny vahoaka nanao hoe, "Homboy Izy! Homboy Izy!" Nomboina araka ny didin'i Pilato i Jesôsy ka nifaly sy nikorana ny mpitondra sy ny vahoaka.

Mahatsikaiky fa raha nifaly sy naniratsira ireo mpitondra sy ny ankamaroan'ny mponina, dia nisoratra mazava teo ambonin'ny lohan'i Jesôsy ny teny hoe, "Mpanjakan'ny Jiosy". Mpanjakan'izy ireo Izy kanefa dia tsy nahatakatra izany izy ireo. Izy no mpanome izay ilaina, kanefa tsy takatr'izy ireo izany, Izy no mpamony azy ireo kanefa tsy takatr'izy ireo izany. Izy no nanana ny fanalahidin'ny fiainana, ny firoborobona, ny fahombiazana ary ny ho avin'izy ireo kanefa tsy nahatakatra izany izy ireo ary naniratsiratsira Azy. Miverina indray izany ankehitriny. Mankalaza ny nahaterahan'i Kristy ny olona rehefa Krismasy miaraka amin'ny zavatra rehetra ankoatran'izay mahafaly Azy. **Feno daholo ny sezarehetra ao amin'ny trano fankalazana ny Noely, kanefa tsy misy toerana ho Azy satria Izy dia tsy nasaina na dia Izy aza no ankalazaina.** Nandà azy ny vahoaka sy ny mpitondra. Inona no valinteny asetrinao? Mila herim-po ny mijoro ho Azy eto amin'ny olana ara-kolon-tsaina, izay mihevitra fa miovaova araka ny zava-misy ny toe-javatra ary ny fitondran-tena dia tsy inona fa izay safidin'ny tsirairay.

**Jesôsy ilay nomboina**

Baikon'ny Mpisorona Be ny hametrahan an'i Jesôsy eo afovoan'ny jiolahy roa. Hoy i Ellen White: " Ny toeran'i Kristy teo anelanelan'ireo mpangalatra ireo dia natao mba hanambarana fa Izy no meloka indrindra amin' izy telolahy. Tamin'izany no nahatanteraka ny Soratra masina manao hoe : " Natao ho isan'ny mpanota Izy". Tahaka ny nanomboana an'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana niaraka tamin'ny Jiolahy, ka nanaovana azy "teo afovoany", dia toy izany ihany koa ny nametrahana ny hazo fijaliany eo afovoan'izao tontolo izao maty ao amin'ny fahotana." (*Ilay Fitiavana Mandresy*. 810). Inona no nataonao raha ianao no teo amin'ny toeran'i Jesôsy-indrindra raha fantatralo fa ho azy ireo no anaovanao izany? Inona no havalinao ireo nanao io fanamelohana io? Maro no hiandry ny fotoana, raha mety, ahafahana mamaly ny nataon'ireto olona ireto. Hampandoavina ny vidin'ny asa ratsiny feno fampijaliana, fandavana ary fampahoriana ireo izay meloka.

Ahoana no niatrehan'i Jesôsy an'io toe-javatra io? Ho an'ireo namono Azy sy ireo naniratsira Azy dia hoy Izy, "Raiko ô, mamele ny helony, fa tsy fantany izay ataony ..." (Lioka 23:34). **Tena ny nanome famelan-keloka mihitsy no tokony nataony satria izany no nahatongavany teto.** Kanefa dia tsy nahafantatra ny tian'i Jesôsy hotenenina izy ireo. Fomba fanaony izany nandritra ny asa fansitranana nataony, nanaporofo Izy fa afaka mamela heloka. Nampianatra ihany koa izy fa ny famelan-keloka dia ho an'ireo izay mamela heloka ny hafa ihany (Lioka 6:37; 11:4). Nampianatra ihany koa izy fa tsy misy fetrany ny famelan-keloka (17:4). Fomba fiainany ny miantso ny tsirairay mba ho tia ny fahavalony (6:27,28). Nampiatra ny fampianarana nataony Izy teo ambony hazo fijalina. Nijery azy ireo Izy raha naniratsira Azy izy ireo, raha nilalao taminy izy ireo, raha nampijaly Azy izy ireo ary nanombo Azy. Avy eo dia nangataka ny Rainy, izay Rain'izy ireo ihany koa, Izy mba hamelany ny helok'izy ireo.

Ny antso ho amin'ny famelan-keloka nataony dia mifototra amin'ny antony roa. Voalohany indrindra, tia ny fahavalony Izy, ary faharoa, tsy fantatr'izy ireo izay ataony. Tsy nisy na Jiosy na Rômanina izay niampanga sy namono Azy nahatakatra ny tena havesa-danjan'ny nataon'izy ireo. Ireo Jiosy dia niaro ny rafitra ara-pivavahana nananany tamin'ilay noheveriny fa misintona ny vahoaka hiala amin'izy ireo. Ny Rômanina kosa etsy an-daniny, izay soloin'i Pilato tena, dia niaro ny faritaniny ara-pôlitika tamin'ilay nanambara fa efa akaiky ny Fanjakan'Andriamanitra. Samy niaro ny tombotsoan'ny tenany ireo vondrona roa ireo ka nametraka ny rafitra ara-pôlitika sy ara-pivavahana ho ambonin'ny fahamarinana. Izany no nahajamba ny masonry mba tsy ahafantaran'izy ireo fa mamono ilay Mpamony tsy mana-tsiny, ilay Zanak'Andriamanitra izay tonga hamonjy azy amin'ny fahotany izy ireo.

**Tahaka ny nanononany famelakan-keloka ho an'ireo namono Azy, dia manome izany maimaim-poana Izy ho an'ny rehetra tanora, ankizy ary lehibe izay miaina amin'izao taonjato faha-21 izao.**  
Naneho i Jesôsy fa vonona ny hamela heloka ireo nanao fahotana makadiry Andriamanitra raha toa ka manaiky izany famelan-keloka izany izy ireo. Tsy misy fahotana nataontsika izay manakana antsika tsy handray famelan-keloka raha toa ka manantona Azy am-panetren-tena sy am-pivavahana isika ankehitriny.

### ***Ny hazo fijaliana***

Raha mitety izao tontolo izao isika, eny amin'ny manodidina, any amin'ny tanàna antonontonony na koa any an-tanàn-dehibe-zavatra iray matetika hitantsika ny tsangam-bato. Ireny dia natao ahatsiarovana ny fahafahana, ny fanafahana, ny fandresena, ny fahefana, ny fahombiazana, ny herim-po, ary ny firaisan-kina sy ny hery. Tamin'ny faniriana hanao ratsy,

namorona finamanana ny Jiosy sy ny Rômanina mba hanomezana an'i Jesôsy ny fahafatesana ratsy indrindra, mahamenatra indrindra ary manambany indrindra dia ny fahafatesana eo ambonin'ny hazo fijaliana. Fa Izy nanova izany fanehoana henatra, faharesena ary fahafatesana izany ho tandindona maneho ny fandresena sy famonjena.

Maro ireo tanora, ankizy ary lehibe no misy hazo fijaliana volamena, volafotsy, varahina, hazo na alimo mihantona amin'ny tendan'izy ireo na amin'ny faritry ny vatany hafa. Misy aza ireo izay manisy tombonkavatsa hazo fijaliana ny vatany. Ho an'ny maro, tsy fahatsiarovana ny fandreseny ao amin'i Kristy ireny fa zavatra mety hahatsara vintana na koa ho fitadidiana olona sasasany eto an-tany, fahatsiarovana, faniriana ary fanandramana.

Tahaka izany ihany koa, manerana izao tontolo izao, ny hazo fijaliana dia atsangana ho fahatsiarovana, fanomezana haja sy voninahitra an'i Kristy izay niharitra ny tsy rariny ary maty ho antsika mba hanomezana antsika ny fiainana. Notsiratsiraina Izy teo amin'ny hazo fijaliana, nihomehezana ary nampijalina fatratra ny tenany ka nilaza hoe, "Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy ahy hianao?"

**Ankehitriny, ny hazo fijaliana dia fanehoana izany rehetra izany, eny, mihoatra noho izany aza, fanehoana ny fanafahana tamin'ny ota ary ny fandresena azony tamin'ny fahafatesana sy ny fijaliana ary ny faharesena ho an'ny tanoran'izao tontolo izao sy ny hafa rehetra.**

#### **Ireo jiolahy teo amin'ny hazo fijaliana**

Samy nanota ireo jiolahy anankiroa ka samy notsaraina tamin'ny rariny avokoa izy. Ny iray dia nanaraka ilay vahoaka mpaniratsira, satria te ho anisan'ny vahoaka izy sady tiany aseho fa tsy nisy fifandraisana tamin'i Jesôsy izy. Tahaka ny

maro amintsika, tsy namaly ny antsom-pitiavan' Andriamanitra izy mba hiaiky ny helony sy hanaiky fiovana. Kanefa, **nieritreritra lalina ilay iray hafa. Tsy navelany ho voataonan'ny hevitry ny maro sy ny faneren'ny vahoaka izy.**

Akaiky ny fahafatesana ho azy ary raha toa ka misy fahamarinana ny momba an'i Jesôsy, dia vonona izy ny hanao vy very ny ainy toy izay hanary ny tombontsoa mety ananany ny fiainana mandrakizay. Tena asa maneho heri-mpo avy aminy izany.

Miaza i Dante fa ny toerana mahamay indrindra any amin'ny helo dia ho an'ireo izay tsy nanao safidy tamin'ny vani-potoanan'ny olana ara-pitondran-tena. Hoy i Robert Kennedy, "Vitsy ny lehilahy vonona hiatrika ny tsy faneken'ny namany, ny fandavan'ny mpiara miasa aminy ary ny hatezeran'ny fiarahanonina. Ny fahasahiana hijoro eo amin'ny lafiny fitondran-tena dia toetra tsy dia be mpanana noho ny fahasahiana eo amin'ny sahan'ady, na ny faharanitan-tsaina kanefa zavatra iray tena ilaina indrindra ho an'ireo izay hitady hanova izao tontolo izao izay mila fiovana fatratra." Ilay jiolahy teo an-kavan'an'i Jesôsy dia naneho herim-po, nandà ilay namany ka tsy nanaraka azy tamin'ny faniratsirana. Niaiky ny helony izy, "Moa ianao koa tsy mba matahotra an'Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza? Ary marina ny anamelohany antsika, satria mandray ny valin'ny nataantsika isika; fa ity Lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. Ary hoy izy: Jesôsy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin'ny fanjakanao Hianao." (Lioka 23:40-42).

### ***Ilay fampanantenana***

"Dia hoy Jesôsy taminy: Lazaike aminao marina tokoa anio, hihaona amiko any Paradisa hianao." (Lioka 23:43). Tsy misy fotoana ho an'ny momba ny atsy na momba ny aroa ny famaliana

ity fampanantenan'ny Mpamony ity. Tsy ho an'ilay jiolahy ihany no nanomezana azy fa ho anao sy ho antsika ihany koa. Ny fampanantenana nataon'i Jesôsy teo ambony hazo fijaliana ho an'ny mibebaka dia fahombiazana sy fandresena. Nahavita izany Izy! Ny teny fampanantenana no asa faratampony amin'ny fanafahany amin'ny fangejan'ny devoly. **Ho an'ireo rehetra mijoro ho Azy, io fampanantenana io no ahafahan'izy ireo miditra ao amin'ny vavahadiben'ny voninahitra hidirany ao amin'ny fandresena mandrakizay.** Vaovao mahafaly ho an'ny tanora, ankizy ary lehibe io fampanantenana io satria dia mpandresy ao amin'i Jesôsy ihany koa izy ireo, raha toa ka mijoro miaraka Aminy ka miala amin'ny vahoaka. Ny fandresena ny ratsy, ny fakam-panahy, ny loza mananontanona sy ny fizahan-toetra ary ny fahalemen'olmbelona dia azo antoka ao amin'i Kristy ary ny teny fikasany tsy hahasaraka anao. Hijoro ve ianao?

**Antso sy vavaka**

**Tso-drano**

**Hira famaranana:** *Jesoa Tompo Lehibe*

**Hijoro ve ianao?**

**Boky nilan-kevitra**

*Ny Baiboly*

Larson, B., & Ogilvie, L. J. (1983). Vol. 26: *Luke*. The Preacher's Commentary Series (340).

Nashville, TN: Thomas Nelson, Inc.

Marshall, I. H. (1978). *The Gospel of Luke: A commentary on the Greek text*. New International

Greek Testament Commentary (865). Exeter: Paternoster Press

Butler, T. C. (2000). Vol. 3: *Luke*. Holman New Testament

Commentary (392–393). Nashville,  
TN: Broadman & Holman Publishers  
Balz, H. R., & Schneider, G. (1990–). Vol. 3: *Exegetical dictionary of the New Testament* (87).  
Grand Rapids, Mich.: Eerdmans.  
White, E. G. (1898). *The Desire of Ages*. Mountain View, CA:  
Pacific Press Publishing Association.

### ***Fanontaniana hifanankalozan-kevitra***

1. Zarao ny hevitra momba ny fomba ahafahan'ny tanora mijoro eo anivon'ny hery miasa manginan'ny vahoaka ka ho vavolombelon'ny finoany an'i Kristy.
2. Ahoana no afaka hanampian'ny fiangonana ireo tanora mba ahafahan'izy ireo mandray anjara bebe kokoa amin'ny irak'i Kristy?
3. Mifanankaloza hevitra ny momba ny fitovian'ny tanora sy Pilato eo amin'ny fiatrehan'izy ireo ny fahefana, politika ary ny fanerena
4. Mifanankaloza hevitra momba ny havesa-danjan'ny fandraisan'ny tanora ny fiainana mandrakizay sy ny fiatrainkan'izany eo amin'ny fiainan'izy ireo.

**Lohateny:**

Fitakiana

**Daty:**

Zoma 27 Martsa, 2015

**Ny hevitra asongadina:**  
Ny tanora sy ny famelan-keloka

Ny tanora sy ny famelan-

**Lohateny:**

Manatanteraka ny nofinofy

**Toko sy andininy:**

Genesisy 45:1-12; 50:15-22

**Hira hanombohana ny fotoana:**

Jesoa zoky izay modely

indreto ny tanoranao

### ***Fampidirana***

Mambra mazoto sy manana fikendrena ambony tao am-piangonana ary tena tia mozika i Orville. Tena nahay nitendry gitara sy piano izy ary tena liana tamin'ny aponga. Ny fiangonany anefa dia fiangonana mifikitra amin'ireo fomba fanao nahazatra teo aloha izay nino fa ny aponga dia tsy tokony ampiasaina amin'ny fanompoan-pivavahana, ka noho izany dia tsy afaka nampiasa ny talentany izy tao amin'ny fiangonany. Kanefa, satria nahay nifehy tena izy rehefa mively aponga amin'ny fotoam-pivavahana dia, indraindray, asain'ny fiangonana manodidina izy mba hitendry any aminy. Ny fiangonany dia nanana tanora maro sy mpiandraikitra ny tanora mavitrika-ny fandaharan'ny Mpisantatra, ny Mpisavalalana, ny filoha mpitarika, ny Ambasadora ary ny tanora zokiny dia tena natanjaka tokoa. Anisan'ny mpitarika tamin'ny asa rehetra atao i Orville. Tena namiratra izy tany amim-pianarana satria izy dia tena narani-tsaina sady nilofo hahazoana fahombiazana. Noho ny fahaizany, dia maro tamin' ireo namany no nihevitra fa manandra-tena izy ka nanohitra azy araka izay vitany tamin'ny zavatra ataony. Nataon'izy ireo izay hitadiavana zavatra handisoana azy, nitaraina momba ny apongany izy ireo ary niezaka ny hitarika ny hafa hanohitra azy. Ny sasany tamin' ireo Ray aman- dRenin'ireo mpanohitra ireo koa dia tsy nankasitraka an'i Orville. Tsy maintsy nisy fitarainana momba azy foana. Nandritry izany anefa, izay rehetra ataony tany am-piangonana dia vita tsara avokoa. Noho ireo fitarainana, dia nihena ny fandraisany anjara tao am-piangonana satria ireo mpitarika ny fiangonana dia tsy nazoto hampiasa azy amin'ireo asa atao. Nihanihena hatrany ny fandraisany anjara ary ireo izay nasaina nanao ny asany, indrindra ireo nanohitra azy, dia

tsy mba nahavita tsara ny asa tokony nataony tahaka azy. na izany aza, dia mbola nanohy nankany amin'io fiangonana io i Orville nef a nandray anjara betsaka kokoa tany amin'ilay fiangonana izay nanasa azy. Rehefa nandeha ny fotoana dia voatendry ho loholona voalohany tao amin'io fiangonana io izy. Nanomboka naniry ny hanao ny asan'ny pasitora izy. Amin'izao fotoana izao dia Pasitora mavitrika i Orville ary izy no filohan'ny Departemantan'ny Tanora ao amin'ny federasiona misy azy.

Ny zavatra niainan'i Orville dia hita manerana izao tontolo izao na ao anatiny na ivelan'ny fiangonana. Tsy mitovy foana ny vokany satria ny sasany dia nanajanona na namela ny ezaka nataony, nef a ny sasany dia nanohy niezaka foana ka tafita. Maro no mahafantatra fa nilaza tamin'i Thomas Edison ny mpampianany fa "vendrana loatra ka tsy afaka mianatra na inona na inona" izy. Kanefa izy dia mbola nanohy nanamboatra zavatra mihoatran'ny 1,000 ary izy dia namorona zavatra maro nanova izao tontolo izao, tahaka ny vata fandefasam-peo, ny jiro elektrika (*ampoule*), ary ny fakan-tsary. Aman'arivony ankehitriny ny tanora izay niala tamin'ny finoana noho ny fandavan'ny hafa, fialonana, ary ireo filazana ny ho avy tsy mahomby, nef a misy koa ireo izay mijanona na dia misy ireo olana ireo aza. Misy amin'ireo izay mijanona no miady mafy noho ny safidy izay nataony sy ireo izay mbola hatao. Amin'izany fotoana izany, misy ny sasany izay miandry ny fotoana mety handaozana ny fiangonana.

Maro ireo tanora ankehitriny izay any amin'ny toerana mety tsy ho nandehanany raha tsaratsara kokoa ny nandraisana azy tany am-piangonana. Misy ireo izay mitolona mafy amin'ny fiankinany amin'ny firaisana ara-nofo, ireo zavatra mamoa fady, zavapisotro misy alikaola, fifohana sigara, fampiasana zava-mahadomelina, fandaingana, ary koa fangalarana, izay nitarihan'ny olona azy. Ny adin'ny mpirahalahy na mpianadahy

ary koa ny tsy fankasitrahan'ny Ray aman-dReny dia manampy ny fitarihana ho amin'ny safidy ratsy izay miteraka voka-dratsy tsy maintsy hiadian'ny tanora sasany amin'izao fotona izao. Tamin'ny taona lasa dia nisy fanadihadina natao momba ireo fiaikana lehibe indrindra izay atrehan'ny tanora ankehitriny. Ny 24% ny tanora dia namaly fa ny fisarahan'ny fianakaviana no fihaikana mafy indrindra atrehan'ny taranaka ankehitriny. Ny fanaporetan'ny namana sy rahalahy na anabavy dia efa nahatonga ny tanora maro hilalao ny fakam-panahy hamono tena ary tena betsaka no azon'ny rarin-tsaina. Ny tsy fahampiana fahatokian-tena sy ny fahatsapana ny tena ho ambany izay vokatry ny hery miasa mangina entin'ny toetra ratsin'ny hafa dia mitarika ny tanora maro hahatsapa ny tenany ho tsy misy ilavana azy, sady mahatonga azy ho very fanantenana ka mikorontana ny sainy ary manontany izy hoe *inona no tsara sy ratsy?*

Ny sasany amin'ny olona dia manontany ny antony mahatonga antsika hifantoka amin'ny zavatra ratsy. Ny antony dia satria zava-misy eto amin'ny fiainana izay tsy tokony hojerena fotsiny izany. Kanefa na mijery ireny zavatra ratsy maro ireny aza isika dia betsaka koa ny zavatra tsara izay tokony hiderantsika sy hisaorantsika an'Andriamanitra. **Tahaka an'i Orville dia maro ireo tanora ao amin'ny finoana izay niaritra ny fitsapana ary manana tantara hozaraina mba hampahery ny hafa fa ny tsy fahombiazana dia tsy azo eritreretina.** Ry tanora, raha miatrika ny fihaikan'ny fiainana ianao na eo amin'ny fianakaviana, na fiangonana, na mihoatra ireo dia aza adino ny mitia an'Andriamanitra, ny mitia ny fiangonana ary ny manatanteraka ny iraka nomena ny fiangonana. Na inona sakana sy fakam-panahy eo anoloanao, raha mbola azo atao dia tiavo ny fianakavianao, tiavo my mambran'ny fiangonanao, ary tiavo ny olona rehetra. Tadidio mandrakariva fa ny finoana, ny herimpo, ny vavaka, ny fandinihana ny Soratra Masina ary ny fifandraisana ety amin'Andriamanitra, dia samy fitaovana

mahery vaika azo ampiasaina ao amin'ny tontolo, fiangonana, fianakaviana na fiaraha-monina izay feno fialonana sy fankahalana.

Inona no ataonao raha toa ka teo amin'ny toeran'i Josefa ianao?

### ***Josefa ilay Mpanonofy***

Ny Baiboly dia milaza amintsika ireo zavatra teo amin'ny fiainan'i Josefa amin'ny maha-tanora azy izay nanampy azy teo amin'ny fitomboany ary nahazoana fahombiazana. Nankahala azy ireo rahalahiny noho ny fitiavan'ny rainy manokana azy. Ary ilay akanjo lava miloko maro no nampitobaka ny rano (Genesisy 37:3). "Ary nony hitan'ny rahalahiny fa Josefa no tian'ny rainy mihoatra noho izy mirahalahy avy, dia nankahala azy izy ka tsy nahazaka hanao teny tsara taminy. Ary nanonofy Josefa, ka nambarany tamin'ireo rahalahiny; dia vao mainka nankahalany azy izany." (Genesisy 37:4,5). **Tamin'ny nilazany azy ireo nynofiny no nahitan'ny rahalahiny fa hanjaka amin'izy ireo izy ka tsy tantin'ny sain'izy ireo ny hoe hilefitra eo anoloan'ny fahefan'ny zandriny.** Tsy azon'izy ireo fa fitaovana ampiasain' Andriamanitra izy ho amin'ny tanjona lehibe kokoa, ka hiankina amin'izay ataon'izy ireo azy ny fiainany hoavy.

I Josefa dia efa nifikitra tanteraka tamin'ny foto-pisainan'ny fahitsiana, ny fahamarinana, ny asa tsara ary ny finoana rehefa nahatratra ny fahafito ambin'ny folo taonany. Ilay andro nanambarany ilay nofiny momba ny salohim-bary niankohoka teo anoloany no tendron- tsonia nampahatezitra azy ireo. Nanontany azy izy ireo hoe, "Moa hanjaka aminay tokoa va ianao? na hanapaka anay tokoa va ianao?" (and. 8). Ny nofiny faharoa dia tsy nampitonny ny hatezeran'izy ireo sady nanafintohina ny rainy koa, ka niteny taminy hoe, "Manao ahoana izany nofy efa nonofisinao izany? Moa ho avy tokoa va

aho sy ny reninao ary ny rahalahinao ka hiankohoka amin'ny tany eo anatrehao?" (and. 10). Tamin'ny faha<sup>17</sup> taonany, dia mety tsy nahay niteny i Josefa kanefa fantany tsara ny fahamarinana. Tsy niala tamin'ny foto-pisainany izy sady tsy nety hangina tsy hiteny ny heviny sy ny fanambarana natao taminy izy.

Ireo avy irep antony dimy manokana nankahalan'ny rahalahiny azy: 1) nitatitra tany amin'ny rainy ny zavatra tsy nety nataon'izy ireo tany am-piasana izy, 2) tian'ny rainy izy mihoatra noho izy ireo, 3) nahazo akanjo manokana avy tany amin'ny rainy izy, 4) nilazany nynofiny hafahafa anankiroa izy ireo 5) ny fandraisany ireo nofy roa dia hoe hanjaka eo amin'izy ireo izy. Mety ho tsy mafy toy ny niainan' i Josefa no niainanao nefo mahita ve ianao fa misy fianakaviana, olona any am-pianarana na any am-piasana, olona ao amin'ny fiaraha-monina na fiangonana izay tsy tia na mankahala anao? Mety azo oharina amin'i Josefa ve ianao? Nanonofy ve ianao? Ny fandavan'ny manodidina sy ny fianakaviana ary ny fiangonana dia mety hanana hery miasa mangina misintona hanao hiala amin'ny fanatrarana ny tanjonao. Maro ny tanora izy misafidy ny nanapotika ny atidohany amin'ny zava-mahadomelina, na dia fantany aza ny loza aterak'izany, fa aleony mahazo ny fankasitrahana'ny hafa. **Tamin'izany taona izany koa i Josefa, nila fankasitrahana; kanefa, ny laza, ny namana na ny fanaporetan'ny rahalahiny dia tsy nampihozongozona azy.**

#### ***Ireo vokatry ny fandavan'ny manodidina***

Rehefa nandeha nankany Dotana Josefa, araka ny nangatahan'ny rainy, mba ho any amin'ny rahalahiny, dia hita mazava tsara ny fandavan' izy ireo azy. "Ary nahatazana azy eny lavidavitra eny ny rahalahiny; koa raha tsy mbola nanakaiky azy Josefa, dia niray tetika hamono azy izy." (and. 18). Ny fankalahany sy ny fialonany azy dia nitombo hatrany ka nahatratra ny fara-

tampony. Nifampivory izy ireo hitady fomba hamonoana azy. Hoy ny Fanahin'ny Faminaniana, " Hitan'ireo rahalahiny nanantona izy; kanefa tsy mba nisy nihevitra ny dia lavitra nataony mba ahitany azy ireo, ny fahasasarany sy ny hanoanany, ny fitakiany mba ho ampiantranoina na anehoana ny fitiavandrahalahy dia mety ho nanalefaka ny gindin'ny fankahalan'izy ireo. Ny fahitana ilay akanjo, fanehoana ny fitiavan'ny rain'izy ireo, dia nameno fahatezerana azy ireo" (EP 138)

Niakanjo ilay "akanjo lava" tsara, izay maneho fiangarana sy miteraka fialonana, i Josefa ka nanatona an'i Dotana, ary nitohy ny fandehan'ny toe-javatra. Ny fanaporetan'ny manodidina, ny adin'ny mpirahalahy ary koa ny famporisihan' ny Ray aman-dReny dia samy nahatonga io tantara io hitranga. Avotra ihany ny ainy satria ny iray tamin'ireo rahalahiny, i Robena, no nanome hevitra hafa mba hamonjena ny zandriny. Voavonjy izy ary tsy nahomby ny teti-dratsin'ny rahalahiny. Na izany aza dia, "nendahany ny akanjony dia nobetainy izy ka natsipiny tao an-davaka; ary maina ny lavaka tamin'izay". **Tena mahagaga fa rehefa avy nanao izany zavatra izany izy ireo dia nipetraka ka nihinana.** Ny fandavana sy fankahalana dia niampy fampijaliana sy fandaozana. Dia lasa entam-barotra nitondra laza hoan'ny mpivarotra Midianita izay nividy ary avy eo nivarotra azy tany Egypta izy.

Tsy i Josefa ihany no nijaly fa ny rainy koa dia nijaly raha nambara taminy ny vaovao mampalahelo. "Ary nalain'ireo rahalahiny ilay akanjon'i Josefa, dia namono zanak'osy izy, ka natsobony tamin'ny rà ny akanjo... dia nampanateriny ho any amin'ny rainy ilay akanjo, sady hoy no filazany azy: Ity no efa hitanay; koa fantaro na akanjon'ny zanakao ity, na tsia?'" (and. 31-32). Fantatr'i Jakoba tsara ilay akanjo ka nihevitra ny ratsy indrindra izy ka "nisaona ny zanany andro maro... fa hoy izy; Tsia, fa hidina misaona ho any amin'ny zanako any

amin'ny fiainan-tsi-hita aho" (and. 34-35). Nandritry izany i Josefa dia teny an-dalana ho any Egypta ary tany izy dia namidy tamin'i "Potifara, tandapan'i Farao sady mpifehy ny mpiambina." (and. 36).

Amin'izao fotoana izao, raha miatrika fijaliana, fandavana, fankahalana ary fialonana ianao dia miaritra ny fijalianao ny Rainao any an-danitra ary mahatsapa ny fahorianao izy. Tahaka an'i Josefa izay nifikitra tamin'ny tanjony na dia nisy fahoriana be aza dia mifikira koa amin'ny tanjona! Ilay tanan' Andriamanitra izay niaro azy ka nanala azy avy tao andavaka sy avy tamin'ny tsenan'ny andevo, dia hitondra sy hiaro anao koa.

#### ***Ilay tanan'andriamanitra miasa tsy hita maso***

Ry tanora, raha miatrika ny olan'ny fiainana ianao ankehitriny, dia matokia fa izay rehetra mihatra aminao dia fantar' Andriamanitra avokoa. I Brisco sy i Ogilvie no nilaza hoe, "**Tsy namela ho tsy manan-tsiny ny vahoakany izay miaina ao anaty tontolo feno fahotana Andriamanitra. Kanefa tsy namela azy ireo ho irery ihany koa amin'ny tolona ataony.**" Manana tanjona ho anao Izy amin'ny tolona ataonao, ary raha mahatoky ianao dia hoentiny any amin'ny toerana natokany ho anao ianao. Vahiny sy mpandalo fotsiny isika eto amin'ity tontolo ity. Tsy fonenantsika eto. Ny fonenantsika dia efa ho avy, aoka ho tanjona ny hahita an'i Kristy eny amin'ny rahona be voninahitra ary ny hoentina any amin'ny fonenana izay nomaniny ho anao. Mifikira amin'ny tanjona! Raha nampanantena ny tany Kanana an'i Abrahama Andriamanitra dia nilaza taminy hoe, "Aoka ho fantatrao marina fa ho vahiny any amin'ny tany izay tsy azy ny taranakao ary hanompo ny olona any; ary hampahoriny efa-jato taona izy." (Gen. 15:13). Egypta ilay tany tsy azy ary tantaraina hatrany ilay tantaran'ny nahababo sy nijaliany tany amin'io tany io. Ny fiasan' Andriamanitra dia

nanova ny toe-javatra sarotra ho fanatanterahana fampanantenana. Ny zavatra niainan'i Josefa tany Egypta no fomba nampiasain'Andriamanitra mba hanatanterahana fampanantenana lehibe iray.

Fantatr' Andriamanitra fa tsy hampitsahatra ny fijalian'i Josefa ny fandehanana any Egypta. Kanefa nanana fanavotana lehibe voaomana tsy ho azy irery ihany fa ho an'ny taranak'i Abrahama rehetra Andriamanitra. Fantatr' Andriamanitra fa rehefa lasa Advantista mitandrina ny andro fahafito isika dia tsy hampijanona ny fijaliantsika sy ny fahatsapantsika ho nolavina izany. Tsy ho lasa tanterakaavy hatrany isika ary tsy hoesorina mandrakizay avy hatrany ny fisalasalantsika, ny fakam-panahintsika ary ny fahatahorantsika. Ry tanora, tsarovy madrakariva fa tsy ny toerana misy anao no toerana andehananaao. Mila mifikitra amin'ny tanjonao ianao. Ny tantaran'i Josefa dia mampiseho fa ny fomba fiasa mahagagan' Andriamanitra dia mifangaro amin'ny tetika sy hevity ny olombelona ary handresy izy amin'ny farany ary ho tanteraka ny zava-kendreny hoan'ny fiainantsika. Azon'i Josefa tsara izany, na dia mbola tanora aza izy, ary nanana ny hery hiaretana izany hatramin'ny farany izy.

### ***Josefa tany Egypta***

Ny tantaran'i Josefa dia iray amin'ireo tantara mahafinaritra indrindra izay tokony hamporisika ny tanora manerana izao tontolo izao mba hijoro ho an'ny Tompo sy hifikitra amin'ny tanjony. Namadika sy nandao azy ireo rahalahiny ary nivarotra azy toy ny entam-barotra tamin'izy vao fito ambin'ny folo taona monja. Tsy nanana izy na havana na namana na mpiaramivavaka izay mba nanohana azy. "Potifara, lehilahy Egyptiana, tandapan'i Farao sady mpifehy ny mpiambina, no nividy azy tamin'ny Isimaelita, izay nitondra azy nidina tany." (Gen. 39:1). Maro ireo izay mety ho kivy avy hatrany ary ny sasany aza mety ho namono tena mihintsy, fa tsy mba i Josefa! Tsy

adinony mihintsy ireonofiny. Izany fahafantarany ny tanjony izany niaraka tamin'ny fahatsapany ny fifandraisany ety tamin'Andriamanitra dia nanampy azy hampitombo ny fahaizany mandroso na dia teo aza ny toe-javatra niainany. Hoy Ellen White, " Nandritra ny folo taona naha-teo azy no niatrehany ireo fakam-panahy teo anivon'ny fanompoan-tsampy, voahodidin'ny firentirentin'ny maha-mpanjaka rehetra, ny harena sy kolon-tsain'ny firenena faran'izay mandroso indrindra nisy tamin'izany. Kanefa dia nitahiry fahatokiany an'Andriamanitra i Josefa." (EP 142). "Ary Jehovah nomba an'i Josefa, dia lehilahy nambinina izy ... Ary hitan'ny tompony fa nomban'i Jehovah izy, ka izay rehetra nataony dia nambinin'i Jehovah avokoa teo aminy." (and. 2-3).

Tsy ela i Potifara dia nahita fa rehefa ankinina amin'ilay tovolahy ny tranony sy ny raharahany dia mandroso tokoa ny zavatra rehetra. Tena talanjona tamin'ny zava-bitan'i Josefa izy ka nomeny azy ny fitantanana ny tranony iray manontolo. Rehefa nandeha ny fotoana, ny fitantanana'ndriamanitra dia nitarika an'i Josefa ho lasa mpanolo-tsainan'ny mpitondra fanjakana ambony indrindra tao Egypta, i Farao. Hoy izy taminy, "Koa ankehitriny aoka Farao hizaha lehilahy manantsaina sady hendry ka hanendry azy hanapaka ny tany Egypta." (Gen. 41:33). Ny fanontanian'i Farao dia hoe, "Aiza no hahitantsika izay olona afaka ny hitondra am-pahamarinana sy herim-po?" Tsy nisalasala izy. Fantany ilay lehilahy nilainy ary hoy izy hoe, "Hahita lehilahy tahaka io, izay manana ny Fanahin'Andriamanitra ao anatiny, va isika?" (and. 38). I Josefa izany lehilahy izany ary lasa governora tany Egypta izy. 13 taona lasa izay izy no nandao ny fonenany. Nandalo alahelo, famadihana, fahadisoam-panantenana sy fahakiviana izy. Kanefa izany dia tsy nisy dikany raha oharina amin'ny fisondrotany mahagaga avy amin'ny fonja ho "mpanapaka ny tany" (Gen. 42:6). Andraikitra tena lehibe sy nanan-danja tokoa no nipetraka teo an-tsorok'ity mpitondra vao telopolo taona monja

ity. Ny fanalahidin'ny fahombiazany dia hita ao amin'ny Toko faha 42:18; hoy izy hoe, "fa izaho matahotra an'Andriamanitra."

### ***Manatantteraka ny nofinofy***

Ny hamafin'ny mosary tao Egypta sy tany ivelany dia nitarika olona maro avy amin'ny firenena maro samy hafa hankany Egypta mba hividy sakafotra ambany fahefan'i Governora Josefa. Anisan'ireo izay tsy maintsy niatrika azy ireo rahalahiny. Nandritry ny roa taona dia afaka nanafina tamin'ny rahalahiny izy hoe izy no Josefa, ary nifandray tamin'izy ireo tahaka ny vahiny izy. Kanefa tonga ny fotoana izay nahazoan'i Josefa nanao izay tiandy atao tamin'ny rahalahiny. Teo ambany fahefany tanteraka ireo rahalahiny ary soa ihany fa be famindram-po i Josefa. Ary "...hoy Josefa tamin'ny rahalahiny: Avia, manatona ahy ianareo. Dia nanatona ireo. Ary hoy Josefa: '...Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho aty; fa hamonjy aina no nampandehanan'Andriamanitra ahy hialoha anareo aty." (Gen 45: 4,5). Tena mahafinaritra ny toetrary nasehony fa tsy nety hanome tsiny azy ireo izy satria tiandy asongadiny fa Andriamanitra no nitantana ny zavatra rehetra.

Tiandy ho hitan'izy ireo fa Andriamanitra no nitondra azy tany Egypta mba hahafahany manome fitahiana be. Raha sarotra tamin'ireo rahalahiny ny nanakatra izany hevitra izany dia tsy mahagaga. Tsy hoe nipoitra tampoka ilay zandriny ela tsy hita ihany fa hita mazava tsara ny laingan'izy ireo ary indrindra, tanteraka ireo nofiny, "Koa nanatona azy ny rahalahiny, dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Indreto izahay ho mpanomponao." (Gen 50:18).

### ***Famelan-keloka***

Namela ireo rahalahiny i Josefa ary namporisika azy tsy ho tezitra amin'ny tenan'izy ireo. Nanao izany izy satria fantany fa ny Tompo lehibe no nifehy ny zavatra rehetra. Nilaza

tamin'ireo rahalahiny izy hoe, "namidinareo aho", kanefa nampahatsiah y azy ireo izy fa, "Andriamanitra nampandeha ahy." Tsy nihena ny anjara noraisin'izy ireo kanefa Andriamanitra koa dia nifehy ny zavatra rehetra. **Tokony ho tадидіntsika fa ny tsy firaharahana ny maha-mpanjaka an'Andriamanitra dia fahotana fa ny tsy firaharahana ny tamberin'andraikitry ny olombelona dia tsy fandraisana andraikitra lehibe.** Nanohy ihany i Josefa nanao hoe, "Ary Andriamanitra efa nampandeha ahy hialoha anareo, mba tsy hahalany taranaka anareo amin'ny tany, fa hamelona anareo amin'ny famonjena lehibe." (Gen 45:7). Nanasa azy ireo handinika ny asa mahagagan'Andriamanitra ary mba hahita fa ny fanatrehan'ny Tompo dia mahatonga ny mangidy ho mamy.

Nofintininy hoe, "Ary amin'izany, tsy ianareo no nampandeha ahy ho aty, fa Andriamanitra" (and. 8). Tena mety ho tsy misy teny mahafinaritra kokoa noho izany izay nolazaina tamin'ny olona meloka. Ilay olona niharan'ny faharatsian-toetrany izay mihazona ny fiainan'izy ireo ao an'tanany dia mamela azy tanteraka sady tsy misy vidiny. Raha mbola nisalasala izy ireo dia nisava izany rehefa "nanoroka ny rahalahiny rehetra izy ka nitomany teo am-pamihinany azy; ary rehefa afaka izany, dia niresaka taminy ireo rahalahiny." (and. 15). Tsy nomena antsika ny zavatra rehetra niresahany kanefa mieritreritra kely fotsiny isika dia fa tamin'ny voalohany dia mbola enjehin'ny nenina izy ireo kanefa avy eo rehefa nandray ny famelan-keloka natolotr'i Josefa ireo rahalahiny dia nitobaka ny fisaorany azy noho ny hatsaram-panahiny sy famindram-pony. Tena mahafinaritra ny fiafaran'ny tantara; hoy izy tamin'ny rahalahiny, "alao ny rainareo." Nasaina nipetraka tao Gosena niaraka tamin'ny fananany rehetra izy ireo. Nasehony an'i Farao sy ny mpanompony rehetra izy ireo ary nalefany nody niaraka tamin'ny sakafo, akanjo ary vola betsaka (45:22). Rehefa maty ny rainy dia natahotra izay mety ho valy fatin'i Josefa izy ireo kanefa hoy izy taminy, "Aza matahotra; fa moa

solon' Andriamanitra va aho? Hianareo no nisaina hanisy ratsy ahy; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin'izao anio izao, hamelona olona betsaka. Koa ankehitriny, aza matahotra ianareo; fa izaho hamelona anareo sy ny zanakareo madinika. Dia nampionona azy sy nanao teny malefaka nahafinaritra azy izy." (Genesisy 50:19-21).

Ry tanora, marary ve ny fonao amin'izao ankehitriny izao? Ny pasitora ve sa ny loholona no mahatonga izany? Olon-dehibe ao am-piangonana ve sa olona iray amin'ny manodidina anao no mahatonga izany? Iza no mahatonga izany? Ny Ray aman-dReninao ve sa ny rahalahy sy anabavinao? Ny vadinao ve sa olon-kafa ivelan'ny fiangonana sa havanao?

Nolavina sy nilaozana ary namidin'ny rahalahiny izy. Hatrany amin'ny tranon-drainy ka hatrany am-ponja tany Egypta dia niaritra fahoriania noho ny fijoroany i Josefa. Kanefa namela heloka izy satria niaraka taminy Andriamanitra! Raha afaka manopy ny masonao ao amin'ny efitra fitsaran'ny lanitra vetivety ianao dia hahita ny tanan'i Jesôsy misokatra ho anao miaraka amin'ireo anjely izay miteny hoe, "Famelan-keloka! Famelan-keloka! Famelan-keloka!" **Miaraka amin'ny tanjonao ao an-tsainao, ny famelan-keloka ao am-ponao, ary ny Tompo ho mpitarika anao dia hahery ianao.** Ataovy izay tokony ataonao, dia tadio fa ny tomany dia maharitra mandritry ny alina, kanefa ny fifaliana dia ho avy amin'ny maraina.

**Antso sy vavaka!**

**Tso-drano**

**Hira famarananany fotoana: Jesosy no asandratro**

### **Boky nilan-kevitra**

Briscoe, D. S., & Ogilvie, L. J. (1987). Vol. 1: Genesis. The Preacher's Commentary Series

(293). Nashville, TN: Thomas Nelson, Inc.

White, E. G. (1983). From Eternity Past. Pacific Press Publishing Association.

**Manatanteraka ilay nofy**

***Fanontaniana ifanakalozan-kevitra***

1. Ny fibebahana, fiaiken-keloka, fiovam-po, famelana heloka ary fanekena an'i Kristy dia tena ilaina hahazoana famonjena. Inona no lanjan'izany eo amin'ny resaka andavanandron' ny tanoran'ny taonjato faha- 21?
2. Inona no zavatra nanan-danja hita teo amin'i Josefa ftsy nisy teo amin'ny rahalahiny ka niteraka ny fisarahana teo amin'izy ireo?
3. I Josefa dia mpitati-bolana ny fitondran-tenan'ireo rahalahiny ary izany no nahatonga azy ireo hankahala azy. Mety hoan'ny Kristianina ve ny mitati-bolana?
4. Lasa governora tany Egypta i Josefa. Tokony hiditra amin'ny raharraham-panjakana ankehitriny ve ny Kristianina?
5. Inona no toetra tokony asehon'ny mambran'ny fiangonana amin'ny olona iray voafidy hitana toerana manokana iray ao amin'ny fiangonana na ivelan'ny fiangonana?

**Lohateny:** Fitakiana  
**Daty:** Sabata 28 Martsa, 2015  
  
**Hevitra asongadina:** Ny tanora sy ny fahasoavana

**Lohateny:** Miaina amin'ny fahasoavana  
**Toko sy andininy:** Titosy 2:11-15  
**Hira fanombohana:** Ampy ahy Jesoa

**Ny tantaran' ilay tanàna izay nampiasa "hafanana maharavo"**  
Ny tantara dia milaza ny momban'ny tanàna iray feno olona sambatra, ary tao amin'io tanàna io dia tsy nisy herisetra fa fitiavana, fifaliana ary fiadanana. Ny olona rehetra dia nanana kitapo misy "**hafanana maharavo**" malefaka kely iray izay nomena azy tamin'ny nahaterahany. Isaky ny manatsofoka ny tanany tao anatin'io kitapo io ilay olona dia mamoaka "**hafanana maharavo**" iray, izay rehefa omena olona mandalo fanandramana mampalahelo, dia mahatonga azy hahatsapa hafanana sy fifaliana. Ny olona rehetra dia nanome sy nandray an'ireny "**hafanana maharavo**" ireny foana, ary satria omena maimaimpoana izy ireny, dia tsy naninona mihitsy na mahazo betsaka aza. N'aiza n'aiza aleha dia nisy betsaka an'izy ireny foana, ary noho izany ny olona rehetra dia nahatsapa hafanana sy fifaliana mandritry ny ankamaroan'ny fotoana. Indray andro dia tezitra mafy ity mpilalao fanafody iray mpanao menaka sy zavapisotro manasitrana ho an'ny marary satria falifaly sy salama avokoa ny olona rehetra ka tsy nisy na iray aza mba nividy ny fanafodiny. Narani-tsaina tokoa ilay mpanao fanafody ka nanao tetika ratsy. Indray maraina raha nisy zatovo anankiroa nandalo teo akaikiny, dia nody nanao torana izy ary rehefa nomen'ireo zatovo "**hafanana maharavo**" iray izy dia niteny hoe, "Raha mbola manohy manome an'ireto ianareo dia ho lany ny any aminareo ka tsy hisy ho anareo intsony!" Gaga izy ireo ka

nanontany azy hoe, "Ny tianao tenenina ve dia tsy misy an' izany hoe mamoaka "**hafanana maharavo**" iray izany izahay isaky ny manatsofoka ny tananay ao anatin'ny kitaponay?"Dia namaly izy hoe, "Tena tsy misy an'izany, ary rehefa lany ny any aminareo dia tsy manana intsony ianareo."

Ary niaraka tamin'izay dia nandositra ilay mpanao fanafody sady nikakakaka nihomehy. Tena nino azy tokoa ireo zatovo anankiroa ka nijanona tsy nanome sy nandray "**hafanana maharavo**"intsony. Nanomboka nimonomonona sy nidongy izy ireo rehefa manome "**hafanana maharavo**"ny olon-kafa. Nony afaka kelikely dia nanomboka nanangona ary farany nijanona tsy nanome "**hafanana maharavo**". Ny vokany dia nanomboka niha-ketraka ny olona, ary ny sasany aza dia maty noho ny tsy fahampiana "**hafanana maharavo**". Nihanahery setra ny fiaraha-monina ary niteraka fangalarana sy karazana heloka bevava hafa izany. Simba tanteraka ny fiadanana sy fitiavana tao amin' ilay tanàna. Nihamaro ireo olona nankany any amin' ilay mpanao fanafody mba hividy ny fanafodiny izay tsy nanome fitavana, fifaliana, fiadanana ary hatsaram-panahy. Lasa ny taona ary niharatsy hatrany ilay fiaraha-monina nahery setra. Tim sy Maggie, tanora anankiroa, dia nandeha namangy ny Ray sy ny Renibeny nandrity ny fialan-tsasatra ary nahita "**hafanana maharavo**"maro niangona tao anatin'ny vata fampirimana akanjo ka nanontany hoe inona ireny? Nitantara taminy ny momban'ny fotoana mbola nifampizaran'ny olona "**hafanana maharavo**"ireo Ray sy Reniben'izy ireo ary notantarainy ny fitiavana, fiadanana ary fahasambarana izay nanjaka teo amin'ny mponin'ny tanàna izay tena mifanohitra amin'ny ankehitriny. Nolazaina tamin'izy ireo fa ny herisetra teo amin'ny fiaraha-monina dia vokatry ny fanangonan'ny olona ny "**hafanana maharavo**". Ireo tanora anankiroa dia nanapakevitra ny hanangona "**hafanana maharavo**" betsaka araka izay azony ka nanomboka nanome ny olona araka izay ilainy avy. Nony avy eo dia nanomboka nanao

tahaka azy roa koa ny olon-kafa ary afaka kelikely dia nifampizara "**hafanana maharavo**" indray ny olona rehetra ary niverina tsikelikely teo amin'ny fiaraha-monina ny fitiavana, fiadanana, fifaliana, hatsaram-panahy ary fahasambarana izay nisy tao taloha.

Ity tantara ity dia mamaritra ny fiaraha-monina voalohany izay nahafapo an'Andriamanitra, mpamorona izao rehetra izao, ary nilazany hoe: "Tsara Indrindra", nisy: fiadanana feno, fitiavana tsy voafaritra, fifaliana tsy voafetra, fahasambarana tsy misy fahataperana, fahasalamana tanteraka, fampiasana ny fotoana amin' izay itiavana azy, ary fifandraisana manatri-tava amin'ny any ambony sy ny manodidina. Kanefa i Satana sy ny heriny demoniaka dia nanafika ilay "Tsara Indrindra" ary niteraka ireto avy: lasa nahamenatra ny fitanjahana, ny nofy mamy niova ho nofy ratsy, ny fiampangana no lasa fanatanjahantena nasionaly, ny sakafo tsara dia lasa niankina tamin'ny hatsebohan'ny tava, ny fitondrana vohoka dia nitondra alahelo sy fanaintainana mafy, ny tsilo sy izay rehetra manindrona no lasa zava-maniry nanjaka teto an-tany, ny herisetra no hita isan-andro, nanomboka ny fisarahana sy ny fifangalarana eo amin'ny mpifankatia, ny zava-mahadomelina sy ny alokaola, ny paraky, ny "marijuana", ny "cocaine", ny "crack", ny "heroine", sy ny zava-mahadomelina mampiankin-doha hafa no hita eny amin'ny olona isan'andro. Nanjary olana goavana ny soritr'aretila naterak'izany fiankinan-doha izany. Nipoitra ny fankahalana, ny fitiavana te handratra, ny fifandirana, ary ny fifamelezana miafina, nanomboka ny karazana toetra samihafa manohitra ny fiaraha-monina.

**Ny nasetry izany aretila niperitaka tamin'ny olon-drehetra izany**

Ny Mpamorona dia nisafidy ny tsy hijery fotsiny sy tsy hamela

ny tsy fision'ny fanantenana sy ny fahadisoam-panantenana ary ny fahapotehana hanjakazaka. Ny Apostoly Paoly dia manome antsika famaritana ny amin'ny valitenin'Andriamanitra. Asehony izany ao amin'ny Titosy 2:11-15, "Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra, mampianatra antsika handà izay toe-panahy tsy araka an'Andriamanitra sy ny filan'izao tontolo izao ary ho velona amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'izao fiainana ankehitriny izao, miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesôsy Kristy. Izay nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an'ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany. Izany no lazao sy ananaro ary andrarao amin'ny fahefana rehetra. Aza avela hisy hanao tsinontsinona anao."

Ny toko faharoa ao amin'ny epistily ho an'i Titosy dia mizara roa: (1) Ireo andininy 1-10 dia fizarana mandidy izay aseho amin'ny alalan'ny famporisihana ireo Kristianina mba hanana ny toetran'Andriamanitra, ary(2) ireo andininy faha-11-15 dia fizarana momban'ny zava-misy teolojika. Ao amin'ny fizaran'ny zava-misy teolojika ny andininy faha-11 dia manomboka io fizarana io amin'ny fampiasana ny teny Grika, "fa" ("γάρ"). Io teny io dia mampiseo fifandraisana eo amin'izay hoavy sy ireo baiko mandidy izay nialoha azy any amin'ny andininy 1-10. Ao amin'ny andininy<sup>11</sup>, Paoly dia milaza momban'ny fisehoan'ny fahasoavan'Andriamanitra (Ἐπεφόνη) ary ny fitondran'izany fahasoavana izany famonjena hoan'ny olona rehetra. Mampiasa ny teny hoe: "Ny fahasoavan'Andriamanitra" (ἢ χάρις τοῦ Θεοῦ) in-15 izy ao amin'ireo asa sorany (Rom. 5:15; 1 Kor. 1:4; 3:10; 15:10; 2 Kor. 1:12; 6:1; 8:1; 9:14; Gal. 2:21; Efes. 3:2, 7; Kol. 1:6; 2 Tes. 1:12).

**Inona no atao hoe fahasoavana?**

**Ny fahasoavan' Andriamanitra dia voasoritra ho tombotsoa manokana, hatsaram-panahy, ary fiantrana avy amin' Andriamanitra hoan' ny zava-boariny.** Hoy George W. Knight ao amin'ny *New International Greek Commentary* : "Ny fahasoavana dia ny sahan'asan' Andriamanitra izay ahafahany miatrika ny tsy firaharahana sy fikomian'ny olombelona miaraka amin'ny fahafahana mamela heloka sy mitahy tsy mety lany." Ny *SDA Bible Commentary* dia mamaritra ny fahasoavana ho: "Ny fitobahan'ny fitiavan' Andriamanitra mamonjy izay aseho ho an'ny mpanota." Hoy Ellen White, "Ny fahasoavana dia toetran' Andriamanitra izay aseho ny olombelona tsy mendrika. Tsy nitady azy isika fa izy no nalefa hitady antsika" (*My Life Today- ny fiainako ankehitriny*), Toko faha 4). **Paoly dia mampiasa ny teny hoe fahasoavana**

**tahak' izao "Fikasan' Andriamanitra hoan' ny zanak' olombelona izay a) Hamonjeny, b) Hampianarany, ary d) Hampaherezany.** Ao amin'ny filazany ny momban'ny fahasoavana ao amin'ny andininy 11, dia manambara zavatra telo momban'ny famonjena izay mifandray amin'ny fahasoavana izy: (1) Ny fahasoavan' Andriamanitra no loharanon'ny famonjena ny olombelona. (2) Io famonjena entin'ny fahasoavana io dia zavamisy ara-tantara. (3) Ny fahasoavana no nahatonga ny famonjena ho azon'ny olona rehetra manerana ny tany. Andeha hojerentsika ireo fanambarana telo momban'ny fahasoavana ireo.

#### **I. Ny fahasoavana no loharanon'ny famonjena antsika**

Hoy i Paoly, "Ny fahasoavan' Andriamanitra izay mitondra famonjena..." Io dia milaza ny loharanon'ny famonjena antsika. Raha tsy misy ny fahasoavana dia tsy afaka hovonjena mihintsy isika. Ao amin'ny Efesiana 2:8 dia milaza ny Apostoly: "Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin' Andriamanitra." Rehefa nanota Adama sy Eva tao amin'ny saha Edena- Nanaraka azy ireo ny fahasoavana; Gen. 3:8-11, "Ary nandre an'i Jehovah

Andriamanitra nitsangantsangana teo amin'ny saha izy, rehefa ho hariva ny andro; ary ralehilahy sy ny vadiny niery ny tavan'i Jehovah Andriamanitra tao anaty hazo tao amin'ny saha. Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa ianao? Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery. Ary hoy Izy: Iza moa no nanambara taminao fa mitanjaka ianao? Efa nihinanao va ny hazo izay nandrarako anao tsy hihinananao?" Io andalan-teny io dia maneho mazava tsara fa rehefa avy nanota Adama sy Eva dia nihazakazaka niafina an'Andriamanitra izy ireo. Izany dia vokatry ny fahotana.

**Rehefa mifantoka amin'ny zavatra iray amin'ny fomba samy hafa ny mambran'ny fiangonana, na koa voarebirebin'ny zavatra iray ka misintaka amin'ny zavatra ara-panahy, dia matetika izy ireo no very.** Tsy mandeha any am-piangonana intsony, mihena ny fandraisana anjara mavitrika ao amin'ny Mpisantatra, Mpisavalalana ary ny tanora amin'ny ankapobeny sy ny fandaharam-potoana hafa ao ampiangonana, mihena ny fanatrehany ary indraindray aza tsy misy mihintsy. Tahaka an'i Adama sy Eva dia mandeha miafina izy ireo. Hoy ilay andalan-teny, "Ary nandre an'i Jehovah Andriamanitra nitsangantsangana teo amin'ny saha izy". Niova ny toe-javatra. Zatra nanana fifandraisana mifanatri-tava tamin' Andriamanitra i Adama sy Eva nef a tampotampoka teo, "nandre an'i Jehovah Andriamanitra". Andriamanitra dia tsy niova. Niseho tamin'ny fomba nisehoany taloha izy-niteny tamin'ilay feo feno hatsaram-panahy, nizotra tamin'ny fomba hita maso nef a tsy nihazakazaka maimaika, toy ny hoe tezitra na diso fanantenana.

Niafina teo anivon'ireo hazon'ny saha izy ireo satria ny fahamenarana, ny nenina, ny tahotra ary ny fahatsapana ny tena ho meloka izay tsy mbola niainany sady tsy fantany mihintsy teo aloha no nanakorontana ny sainy. Nitarika azy ireo

hihataka amin' Andriamanitra izany raha toa ka nahazatra azy ny miarahaba an' Andriamanitra isaky ny manatona azy ireo Izy.

**Hafahafa toa inona re izany: eo anatrehan' Andriamanitra dia mitady fiarovana Aminy ny olo-meloka!** Kanefa Izy tsy nety nandao azy ireo. Raha nandositra izy ireo, dia nanaraka azy tao aoriany tamin'ny fombany manokana Izy, sady nanontany hoe, "Aiza moa ianao?" Tsy nijanona Izy raha tsy namaly izy ireo. Izany no atao hoe fahasoavana! Eto dia hitantsika fa ny fahasoavana dia nampiseho an'ireo mpivady tao Edena ny filàn'izy ireo ny Mpamonjy. Izany dia mbola averina isan'andro ho an'ireo tanora manerana izao tontolo izao. Rehefa mitsoaka mihazakazaka isika dia mandeha mitady antsika ny fahasoavana. Mikiry hatrany ny fahasoavana! Tsy maintsy mamaly isika: na manaiky na mandà, kanefa ny fahasoavana dia tsy mba mamela antsika irery. Mba ahafahany mamonjy antsika amin'ny fahotana sy ny fahamelohana, dia mangataka antsika ny fahasoavana mba hanekentsika voalohany indrindra ny fahalementsika sy ny filàntsika Mpamonjy. Eny, mila manaiky ny fahalavoantsika isika. Ny fanomezana ny fahasoavana dia tsy miandry ny olombelona mba hanaiky voalohany ny zavatra ilainy. Ny fahasoavana dia maneho ny maha-manokana azy, ny fitiavany tsy mety reraka ary ny toetrany tsy mety hozongozonina. Manome fihaikana ny zanak'olombelona izy mba handinika sy hampitaha ary avy eo hanao safidy. **Rehefa hitantsika ny toetrantsika raha hampitahaina amin'ny tokony ho toetrantsika, raha tsy hoe mafy loha isika, dia hanaiky ilay fanomezana tsy manan-tsahala antsoina hoe famonjena.** Androany dia miteny amin'ny tanora izay mitsoaka ka lasa tsy miraharaha ny ara-panahy fa mifantoka amin'ny fifaliana sy fahafinaretan'izao fiainana izao sady mitsaoka ny sorona takian'ny fanarahana an'i Kristy ny fahasoavana manao hoe, "manaraha ahy, fa misy fifaliana ambony kokoa"!

Maro ny tanora izay mandositra an'Andriamanitra noho ny mozika, fahafinaretana entin'ny firaaisana ara-nofo, fialamboly, olana ara-bola, fahombiazana ara-tsaina sy ara-pianarana, zava-mahavariana tsy ara-panahy, ary koa fanaporetan'ny Ray aman-dReny sy ny manodidina. Misy ary ny sasany mandositra noho ny zavatra ataon'ny mambra sasany ao am-piangonana. **Ny Tompo dia tsy niteny hoe manaraha ny vahoaka fa "manaraha ahy"! Izany no antony nahatonga an'i Jesôsy nihazakazaka nanenjika antsika.** Nisy mpamonjy voina iray very asa satria izy nandeha tany amin'ny rano tsy azo ilomanosana mba hamonjena olona iray. Fantany fa tsy tao anatin'ny asany ny hamonjy olona eny ivelan'ny sahan'asany kanefa nahita olombelona tojo olana tao anaty rano tsy azo ilomanosana izy ka nandeha namonjy azy. Hoy Hans LaRondell, "Ny olombelona dia trathy ny fitaka kanefa rehefa nitranga izany dia efa vonona Andriamanitra mba hamonjy". Tonga Jesôsy mba hahazoantsika famonjena ary miteny Izy izao hoe omeo ahy ny fonao, ny tananao, ny fanirianao, ny tenanao iray manontolo fa hamonjy anao aho. Izany no ataon'ny fahasoavana. Izy no loharanon'ny famonjena antsika!

## **II. Ny fahasoavana dia zava-misy ara-tantara**

Paoly dia milaza ao amin'ny Titosy 2:11 hoe, "Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra,...". Eto izy dia maneho ny endriny ara-tantara manokana ao amin'i Kristy, izay ampitaina amintsika amin'ny alalan'ny filazantsara. Titosy 3:3-6: "Fa isika koa dia adala fahiny, tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon'ny filàna sy ny fahafinaretana maro, ary velona teo amin'ny lolompo sy ny fialonana, sady hala no nifankahala. Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona, dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataantsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny

fanavaozan'ny Fanahy Masina, Izay naidiny betsaka tamintsika tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy, Mpamony antsika."Jesôsy no endrika azo tsapain-tananan'ny fahasoavan'Andriamanitra! Ao amin'ny Jaona 1:14, ny Apostoly izay manohana an'i Paoly dia milaza hoe," Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana." Taona vitsivitsy lasa izay dia nanao dia nankany Israely izahay ary rehefa tonga tany dia nentin'ny mpitarika anay, izay Jiosy, tany amin'ny toerana nahaterahan'i Jesôsy izahay. Nentiny teny amin'ny reniranon'ny Jordana izahay ka nilaza izy hoe, "Teto Izy no natao batisa." Nasehony anay ilay trano tany Kana ary nolazainy taminay ilay toerana namadihan'i Jesôsy ny rano ho divay. Teny amin'ny reniranon' i Galilia dia natorony anay ilay toerana izay nandehanan' i Petera teo ambony rano ho eny amin' i Jesôsy. Tao amin'ny sahan' i Getsemane dia nasehony anay hoe teto no niova ra ny hatsembohan' i Jesôsy. Nentiny tany amin'ny toerana maro hafa izahay, ary tao anatin' izany ilay fasana ary nasehony anay fa tsy nisy na inona na inona tao anatiny ary hoy izy hoe tato no nitranga ny tantaran'ny nitsanganany tamin'ny maty. Nefa rehefa vita ny fitsidihana dia nilaza taminay izy fa tsy nino hoe ilay Jesôsy izay notantarainy taminay no ilay Mesia. Mampalahelo izany!

Amin'ny maha Kristianina antsika, dia mino ny Soratra masina isika. Mino isika fa ny fiavian'ny Mesia voalohany sy ny fahasoavana izay omeny dia tsy trangan-javatra hoavy. **Ny fiavian'i Kristy voalohany sy ny fisoronana nataony izay nahatonga ny famonjena antsika dia zava-misy ara-tantara.** Ny antenaintsika amin'izao fotoana izao dia ny fisehoan'i Kristy be voninahitra izay ho tonga tahaka ny niakarany. Izany no zavatra farany hitranga amin'ny tantaran'izao fiainana izao. Samy evanjelistra sy mpinamana izay nalaza tamin'ny taona 1940 i Billy Graham sy i Charles Templeton. Nony avy eo dia

nisaraka ireo mpinamana roa ireo; maty tamin'ny 2001 i Templeton, fotoana fohy taorian'ny nanoratany ilay boky "Farewell to God". Talohan'ny nahafatesany dia nilaza tamin'i Billy i Templeton hoe, "tsy afaka ny hanohy hino isika fa Andriamanitra dia nahary izao tontolo izao tao anatin'ny 6 andro. Nandritry ny taona aman-tapitriza no nanaovana izany". Hoy koa izy hoe, Mino aho fa tena nisy Jesôsy. Olona tsara sady tsy azo kianina izy. Tena ohatra tsara, kanefa tsy zanak'Andriamanitra izy. Zanak'olombelona izy." Nitady faharesen-dahatra ara-tsaina i Templeton. I Billy kosa dia nanaiky ny tantaran'ny Baiboly tamim-pinoana. I Templeton dia maty "atheiste"; i Billy kosa dia niantso an'izao tontolo izao ho eo amin'i Kristy. **Ry tanora, amin'ny maha Advantista mitandrina ny andro fahafito antsika dia mino ilay Jesôsy arantara isika- tsy angano Izy!** Nandeha tao Palestina Izy - tonga hatreny amin'ny hazo fijalina. Maty ho anao sy ho antsika Izy! Nandeha tao anaty sahan'ady Kristy, ary niatrika ny fanafihana sy ny fanapotehan'ny devoly izy. Niatrika sy nandresy ireny rehetra ireny izy. Eny, tonga tao amin'ny tontolo iray feno herisetra, fifampitifirana ary famakiana fonja izy, nifanehatra tamin'ireny ary nanambara hoe vita: Azo ny fandresena! Nisafidy ny hamoy ny fiainany izy toy ny endrika faharesena, kanefa tamin'izany fihetsika izany no nahazoany ny fandresena sy famonjena hoan'ny taranak'olombelona very ary fanantenana ny fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra manaiky azy ho Mpamonjy azy ireo.

### ***III. Ny fahasoavana no mahatonga ny famonjena azon'ny olona manerana ny tany***

Titosy 2:11, "Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra ..." Hoy Ellen White: " Nibitaka i Satana satria nahomby izy teo amin'ny nanimbany ny endrik'Andriamanitra teo amin'ny taranak'olombelona. Tonga ary

Jesôsy namerina ny endrik'ilay Mpanao Azy teo amin'ny olombelona. Tsy misy afa-tsy Kristy irety ihany ho afaka hamolavola indray ny toetra amam-panahy izay ravan'ny fahotana. Tonga Izy handroaka ny demonia izay efa nifehy an'izao tontolo izao. Tonga izy hanandratra antsika hiala amin'ny vovoka, hanamboatra indray ny toetra amam-anahy efa samba ho araka ny ohatry ny toetra amam-panahin'Andriamanitra, kka hahatonga azy hanana ny hatsaran-tarehin'ny voninahitry ny tenany. *Ilay Fitiavana Mandresy* t.31. Ao amin'ny Jaona 3:16 dia nanambara ny tanjon'ny irakin'ny famonjena Jesôsy: "Izay rehetra..." Tsy misy tavela any ivelan'ny drafitra. Ireo izay tsy ao anatiny dia ireo izay misafidy ny handositra ny fahasoavany mamonjy izay efa omena maimaimpoana ho an'ny rehetra.

Ny iraka nomeny an'ireo mpianany dia hita ao amin'ny Matio 28:19,20: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina." Tamin'ny taona lasa dia namonjy ny Lanonan'ny mpitory laika niaraka tamin'ny mpiasa laikan'ny fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito mahatratra 1,500 teo ho eo izahay. Nanditry ny fivoriana izay natao dia nisy pasitora iray avy amin'ny fiangonana hafa nandroso. Nilaza taminay izy fa efa nandinika ny Tenin'Andriamanitra ary afa-po fa ny andro fahafito no Sabatan'Andriamanitra ary io andro io no tokony hotandremany. Nanambara izy fa nandritry ny Sabata roa lasa izay dia nitandrina ny andro Sabata sy nivavaka tamin'ny andro fahafito izy sy ny mambra tao amin'ny fiangonany. Vonona ho amin'ny batisa izy ireo sy mba ho ekena ho mambran'ny fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito. Nitsidika an'i Indonezia izahay, fotoana fohy lasa izay, ary nolazaina taminay fa vokatry ny fizarana ny boky *Hery Mifanandrina* dia eo ho eo amin'ny pasitora 100 avy amin'ny fiangonana hafa no efa nanaiky ny Hafatra Advantista ka lasa mambran'ny

fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito ary manao ezaka mba hitaomana ireo mambran'ny fiangonany teo aloha. Mbola maro ireo tantara izay milaza ny fomba nitarihan'Andriamanitra ny olona ho ao amin'ny fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito. **Manana hafatra ho an'izao tontolo izao isika izay mitarika ny olona avy amin'ny firenena sy saranga samihafa mba hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy ny tenany manokana.** Ny mahagaga dia ato amin'ity fiangonana ity dia betsaka kokoa ny tanora raha oharina amin'ny efa lehibe izay raisina ho mambra isan-taona. Misaotra ny Tompo isika noho fahavononan'ireo olona handray sy hanaiky ny Filazan-tsaran'i Jesôsy.

Ao amin'ny Jaona 10:10 dia milaza Jesôsy hoe: "Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana," kanefa ny tanjony dia ny hanome fiainana feno sy mahafapo ho an'ny rehetra. Ny fahasoavana izay niseho dia mitondra famonjena "ho an'ny olona rehetra" ary izany dia zava-misy amin' izao fotoana izao. Omena ho an'ny karazan'olona rehetra izy io, ka mahatonga azy ireo hiaina fiainana feno fahatsarana sy fifaliana. Ny olona rehetra dia manana ny fahafahana hifaly ao amin'ny finoana sy ny fifandraisana mahafa-po amin'i Kristy. Ny fiaviana, ny fiteny, ny kolo-tsaina, ny firazanana, ny toerana ara-tsosialy, ny fanabeazana azo, ny zom-pirenena na koa fanavahana haha dia tsy misy afaka manaisotra ilay famonjena izay azon'ny rehetra raisina ao amin'i Kristy. **Ny ankizy, ny tanora, ary ny lehibe dia samy afaka mifaly satria samy tafidittra ao anatin'ny planan'ny famonjena.**

#### **Ny fahasoavana dia mampianatra**

" Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra mampianatra antsika handà izay toe-panahy tsy araka an'Andriamaitra sy ny filàn'izao tontolo izao ary ho velona amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'

Andriamanitra amin'izao fiainana ankehitriny izao." Titosy 2 :11,12 Ao anatin'io andininy io i Paoly dia maneho ny fahasoavana ho toy ny persona. Azo lazaina hoe tonga miaraka amin'ny Diploma aorian'ny doktoràn'ny momba an' Andriamanitra avy any amin'ny Universitean'ny Mandrakizay izy. Ireto avy no omeny ny fahasoavana: fahafahana ara-tsaina, fahendrena, traikefa, fahefana, toerana sy asa eo amin'ny lafiny akademia. I Paoly dia manome an'ny fahasoavana ny valisoa ny taratasy fanamarinana ny maha-mpampianatra azy, miaraka amin'ny taranja manokana-mifehy toetra sasany ary mampiroborobo ny sasany, ary manambara fa: ny fahasoavana dia mampianatra antsika hanao hoe "Tsia" amin'ireo zavatra tsy mendrika izay misy fahasamihafana lalindalina kokoa amin'ny hoe "mandà" izay midika hoe "tsy hatao intsony" na hoe "hafoy". Ny rafitry ny fehezanteny dia midika fa tokony handà hatrany (na koa efa nandà tanteraka) ny toe-panahy tsy arakan' Andriamanitra sy ny filàn'izao tontolo izao" ho toy ny fepetra iray hahatratarana ilay tanjona niantsoana antsika, dia ny mba hahafahantsika miaina fiainana tena Kristianina. Araka ny voalaza ao amin'ny Romana 1:18; 11:26 ary Joda 15, 18, tsy maintsy mandà ny "toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra sy ny haratsiam-panahy" amin'ny fisainana sy ny fihetsika. 1 Jn. 2:16, 17 dia milaza ny momba ny "faniriana izay mamaritra izao tontolo izao". Ao amin'ity toe-javatra ity, "izao tontolo izao" dia azo oharina amin'ny sahan'asan'ny tsy fankatoavana an' Andriamanitra sy ny fahotana (Gal. 6:14). **Araka ny lazain'i Paoly, ny fahasoavana dia mampianatra antska mba handa ilay fototra, "toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra sy ny haratsiam-panahy" sy ireo endrika isehoany maro samihafa, "filàn'izao tontolo izao".** Faritany hoe inona izany toe-panahy tsy araka an' Andriamanitra izany ao amin'ny Titosy 1:1-10, izay fanehoana ny tsy fahampiana fitiavana ho an'ny hafa, foto-pinoana izay tsy azo itokisana, tsy fahalalana onony, ny fiampangana diso, izay fomba hitenenan-dratsy ny tenin' Andriamanitra.

Ny tanjon'ny fahasoavana dia ny hamolavola olona masina, araka an'Andriamanitra izay miaina amin'ny alàlan'ny fiankinana amin' Andriamanitra eo anivon'ny asan'i satana izay manohitra Azy. Ny fahasoavana dia mampianatra lesona tsara ny amin'ny tokony hiainantsika amin'ny fomba voafehy sady mandinika tsara. Midika izany fa tokony hiaina fiainana marina na "amin'ny fomba mendrika" na araka an'Andriamanitra isika, ary tokony ho fantatsika fa **ny fihetsitsika no manambara ny maha-azo inoana ny filazantsara**. Tokony banana finiavana hiaina ireo fitakina sy fampianaran'ny fahasoavana isika. Tsy hoe rehefa mivavaka isika dia midika fa tahaka an'Andriamanitra. Ny fahasoavana dia mampianatra sy manome fahafahana antsika mba handinika ireto zavatra telo manan-danja ireto izay hita ao amin'ny Titosy 1:1: (1) Hiaina amin'ny fomba mendrika sy fahaizana mifehy tena (2) Hanana fifandraisana mendrika eo amin'ny olona mifanerasera amiko. Manome "hafanana maharavo" ary mizara ny Filazantsara amin'ny hafa. Hoy Ellen White: " Ny mpianatra tsirairay izay teraka ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia nateraka ho Misionera.

"Azon'Andriamanitra atao ny manatanteraka ny zava-kendreny amin'ny famonjena ny mpanota na tsy manampy aza isika; nefo mba hahazoantsika toetra amam-panahy tahaka an'i Kristy tsy maintsy mandray anjara amin'ny asany isika. Mba hahazoantsika miditra ao amin'ny fifaliany,- dia ny fifaliana mahita fanahy voavotra nohon'ny sorona natao,- dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny asany isika ho fanavotana azy ireo. *Ilay Fitiavana Mandresy t.134.* ary (3) Hiara-mandeha amin' Andriamanitra ary hanana fifandraisana marina amin'ny fanompona marina Azy. Tokony banana fotoana isika ho an'ny fanompoam-pivavahana manokana sy miaraka amin'ny mambra hafa, fianarana ny Soratra Masina ary vavaka.

#### **Ny fikendrena lehiben'ny fahasoavana**

"Miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamony antsika, dia Jesôsy Kristy" (Titosy 2:13). Ity andininy ity dia miantso antsika mba hiaina amin'ny hivonona sy hiandry sady hanantena ny fisehoan' i Kristy. Izany no antsointsika hoe ilay fanantenana lehibe. Izany dia midika hoe: Miaina eo am-piandrasana ny fitahiana ara-panahy izay tsy hita maso sy azo antoka, nefo mbola tsy notanterahina izay ho azony any amin'ny hoavy. Izany "fanantenana" izany- izay "mitoetra any andanitra" ho an'ny Kristianina (Kol. 1:5), ilay lova lehiben'ny fiainana mandrakizay (Tit. 1:2; 3:7). Io fanantenana io dia mikasika ny fiverenan' i Kristy fanindroany, ny fanovana na fitsanganan'ny mpino ary ny fanomezam-boninahitra ireo Olo-masina ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra

Raha mamarana ity herinandro fiaraha-mivavaka ity isika, andeha tsy ho adinointsika fa isika dia miandry ilay andro izay itenenan'ny Tompo hoe indreto ny vahoakako, midira ao amin'ny fifalian'ny lanitra fonenanareo. **Andeha isika hiomana tsara eo am-piandrasana ny fiavian' i Jesôsy , ilay Mpanjaka'ny Mpanjaka izay hanafaka antsika amin'izao tontolo izao: ny fahasoavana no hitondra antsika hody any amin'ny voninahitra... Ny fahasoavana, eny, fahasoavana mahagagan' ilay Tompo be fitiavana!**

**Antso sy vavaka**

**Tso-dràno**

**Hira famaranana:** Ny fahasoavano no tononkirako

**Miaina amin'ny fahasoavana**

**Fanontaniana ifanakalozan-kevitra**

1. Zarao ny fijoroanao vavolombelona. Inona no vokatry ny fahasoavana teo amin'ny fiainanao manokana sy fitondrantenanao?
2. Inona no hataonao handresena lahatra ny namanao, ny fianakavianao, ary ny manodidina anao fa ny fahasoavan' Andriamanitra dia afaka manova ny fiainany?
3. Ny Apostoly Paoly dia maneho ny fahasoavana ho toy ny persona. Inona ireo zavatra manokana izay asain'ny fahasoavana atao na tsy ataon'ny zanak' Andriamanitra?
4. Inona no tetika afaka ampiasain'ny tanora sy ny fiangonana mba iraisany eo amin'ny fizarana ny filazantsaran'I Kristy?

### **Fampiharana**

**Torohevitra:** Manao asa kely iarohana

Misy hafatra tsara valo momba ny fanoharan'i Jesôsy ato amin'ity boky ity. Nosoratan'i Dr Balvin Braham sy Anett Braham vadiny izany hafatra izany. Hanana tombotsoa hizara fanandramana tamin'ny fiainanao amin'ny hafa ianao mandritry ny famakiana azy. Hanome anao ny tombotsoa izy hampiseho fa misy ary momba ny tena ny zavatra lazainao, fa tsy fahalalana ny asa soratra ao amin'ny Soratra Masina fotsiny.

Mba handrisika ny resaka dia nasiana fanontaniana hifanakalozan-kevitra isaky ny fizarana isan'andro. Manandanja tokoa ireny fanontaniana hifanakalozan-kevitra ireny eo amin'ny fizarana sy fampiharana ny lesona eo amin'ny fiainany andavan'andro ary hita ao amin'ny pejy   izany. Afaka atao amin'ny alalan'ny vondrona lehibe iray izany, na koa zaraina vondrona madinika ahitana olona 10 hatramin'ny 15; manoro hevitra ihany anefa izahay mba hizarana izany ho vondrona madinika misy olona telo hatramin'ny dimy ka hiaraka izany

vondrona kely izany isan-kariva. Tadidio fa tsy tokony hisy vondrona kely roa hitovy. Samy hanana ny fomba fiasany ny tsirairay, izay haneho ny fahasamihafana eo amin'ny toetran'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny vondrona. Jesôsy no tady mampifandray ny vondrona tsirairay, ary amin'ny anarany ny hivorian'ny vondrona isan-kariva amin'ity herinandro manokana ity.

Aza mampiasa ny fomba fiteny "Kristianina" sy teolojika. Ny fomba firesaka izay azon'ny tanora ihany ampasaina. Tadidio hatrany fa tsy hisy dikany ho azy ireo ity herinandro ity sy ny resaka atao raha tsy azon'izy ireo akory izay lazainao.

Hanomana anao ho amin'ny herinandro manaraka ity herinandro ity.

Atomboy dieny izay ny fanomananao

Natao hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny Herinandro Fiaraha-mivavaky ny Tanora ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora. Mialohan'izany anefa, anontanio ny pasitoran'ny fiangonana na ny lehiben'ny fitoriana filazantsara ho an'ny tanora momba ny fotoana ao amin'ny fiangonanareo amin'io daty ny 15 Martsa io. Aorian'ny fankalazana ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora, amin'ny fivoriana hariva voalohany, mety tianao ny hifanakalo hevitra na hiresaka momba ny fankalazana izay vao avy nandraisanareo anjara.

Inona ny Faneken'ny Vondrona Madinika?

Ny Faneken'ny vondrona Madinika dia ireo teny fampanantenana momba ny fitondran-tena izay hanampy amin'ny fampandrosoana tontolo iainana tsara ho an'ny fanadihadiana ara-panahy sy ny fanomezana lalàna fototra hifandraisana. Fomba tena tsara izany hanampiana ireo vondrona hanaiky sy ahatsiaro ny fifandraisan'izy ireo. Ny fananganan'ny vondrona fanekena miaraka dia mitaky ny fahatsapan-tena sy ny faharisihan'ny

mpikambana ao amin'ny fikambanana hampitombo ny tsirairay ho Kristiana ary hanampy ny vondrona mba ho salama sy hifantoka hatrany.

Hita ao amin'ny pejy manaraka ny tari-dàlana amin'ny fananganana Faneken'ny vondrona Madinika

Tsarovy hatrany eo am-pananganana ny vondrona kely fa tsy mitovy ny fiangonana rehetra ka izay mety mahomby any amin'ny fiangonana hafa tsy voatery ahomby ao amin'ny fiangonanao na ny fikambanan'ny tanoranao. Mety fanekena ara-dalàna kokoa no tian'ny vondrona sasany, izay soratana avy eo asian'ny mpikambana tsirairay sonia ary tehirizina. Afaka misafidy ny fanekena tsy dia manara-dalàna ihany koa ianao tahaka ny fifanarahana am-bava izay averina dinihina am-bava ihany rehefa misy mpikambana vaovao.

Tari-Dàlana Amin'ny Fananganana Faneken'ny vondrona madinika, izay sainina eo am-pananganana ny faneken'ny fikambanana madinika ho an'ny fikambanan'ny tanoranao.

Ny antom-pisian'ny vondrona: Hamoronana toerana iray azo antoka ahafahanao maneho ny tena maha izy anao, mifanehatra amin'ny fanontaniana momba ny finoanao, ary mba hisy hanohana sy hampahery amin'ny dia hiarahanao amin'Andriamanitra. Hifanohana am-bavaka sy amin'ny fiankohofana ka mba afaka midera sy mankalaza an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainany ihany koa.

Faharetan'ny fivoriana

Faritan'ny fiangonana na ny mpitarika ny tanora ny fotoana sy ny faharetan'ny fivoriana.

Toerana: Ao am-piangonana ve, sa any an-trano, sa atao mifandimby?

Iraka sy Asa Fanompoana: Hanao asa fanompoana ho an'ny

fiangonana sy ny fiarahamonina izahay amin'ny fampaherezana ny fahitana zavatra iombonana sy ny fanehoana talenta sy fanomezam-pahasoavana ka mba hanakaiky sy hanao asa fanompoana ho an'ny fianakaviana, ny vondrona madinika, ny fianarana, ny fiangonana, ary ny fiarahamonina ny mpikambana ao amin'ny vondrona. Ny fanaovana asa fanompoana dia tahaka ny fizaràna izay fomba iray hianarana miaraka.

Fitomboana sy Fivoarana: "Hivoatra sy hitombo amin'ny ... izahay."

Fandraisana Anjara: Tsy misy "fanontaniana mampihomehy" izany. Manan-jo amin'ny heviny manokana ny tsirairay ary amporisihana sy hajaina ny fanamarihana rehetra.

Fitomboana Ara-panahy: Hiezaka ny hitombo ao amin'ny fifankatoavana sy ny fanatanterahana ny fahamarinana arapanahy izahay, ka na ao amin'ny vondrona na ny tsirairay dia afaka ny ho tonga tahaka an'i Jesôsy amin'ny fihetsika sy ny fitondran-tena.

Fahatokiana: Izay resaka momba ny tena manokana voalaza tao amin'ny fivoriana dia tsy azo averina resahana any ivelany.

Fisokafana: Ho tsotra sy mivantana isika amin'ny tsirairay satria afaka manao izany. Aoka tsy hifampitsara !

Andraikitra : Omena alàlana ny tsirairay hihevitra ny mpikambana tsirairay ho tompon'andraikitra eo amin'ny tanjona apetraky ny vondrona na ny fanambin'ny tena manokana (mety tianao ho raketina an-tsoratra ny andraikitra natao fanamby).

Fanajana : Tsy miresaka momba ny mpikambana hafa isika rehefa tsy ao izy.

Fahalalam-pomba : Mila tonga ara-potoana isika rehefa hivory.

Fananganana fifandraisana: Ho tsotra sy mivelatra amin'ny tsirairay isika ary hifampivavaka manelanelana ny fivoriana

rehetra.

Fiarahamonina: Hiray amin'ny fiangonana maneran-tany isika amin'ny alalan'ny famerenana ny iraka eo anivon'ny maha izy antsika sy ny antony hijoroantsika ho Kristiana (miankina amin'ny fahalalan-tànantsika, afaka hanontanantsika momba ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Tanora io fotoana io).

Anjara Asa sy Andraikitra: Ho zarauntsika ireto anjara asa sy andraikitra ireto: Mpitarika, mpitarika mpanampy, mpitarika any amin'ireo fikambanana zandriny (miankina amin'ny haben'ny fikambanana na ny fiangonana), mpampandroso, mpandrindra ny vavaka, mpandrindra ny fanomanana ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Tanora (ilainao izany raha ny Andro Iraisam-pirenena ho an'ny Tanora no hanokafanao ny Herinandro Fiaraha-mivavaky ny Tanora).

Ny Faneken'ny vondrona Madinika ho an'ny Tanora Zokiny

NY FANEKEN'NY vondrona MADINIKA.

Manaiky aho fa toerana iray azo antoka ahafahako maneho ny tena maha izy ahy, mifanehatra amin'ny fanontaniana momba ny finoako, ary mba hisy hanohana sy hampahery ahy amin'ny dia hiarahako amin'Andriamanitra ity vondrona ity.

Manome toky aho fa:

1. Hanohana am-bavaka sy amin'ny fiankohofana ny mpikambana ao amin'ny vondrona ka mba afaka midera sy mankalaza an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainanay izahay.
2. Hanatrika ny fivoran'ny vondrona araka izay azoko atao, ary mampilaza ny mpitarika mialoha raha tsy afaka manatrika.
3. Na tsy miandry na mianiana fahatokiana amin'ny tsiambaratelo eo anivon'ny fikambanana aza, mianiana aho fa hanome lanja ny fiainana manokan'ny hafa ary hanaja ny

mpikambana ao amin'ny vondrona rehefa miresaka amin'ny hafa momba izay voalaza ato.

4. Hivavaka matetika ho an'ny mpikambana namako.
5. Hanaja ny hevitry ny tsirairay. Amporisihana sy hajaina ny fanontaniana rehetra.
6. Atao araka izay kely indrindra ny toro-hevitro.
7. Hivelatra sy ho tsotra amin'ny fandraisana anjara mandritra ny fivoriana ary hanome fotoana mba handraisan'ny hafa anjara ihany koa.
8. Tsy hiresaka momba ny mpikambana hafa rehefa tsy eo izy.
9. Hanao izay rehetra vitako hanohanana ny fiangonana maneran-tany eo amin'ny iraka ataony manerana izao tontolo izao.